coopération allemande
DEUTSCHE ZUSAMMENARBEIT

Co-financé par Norvège

Mise en œuvre par giz

Dans le cadre du NBSAP accelerator partnership

# TOROLÀLANA
# FAMPIOFANANA SY FANENTANANA

## Fomba maha-lahy sy maha-vavy miabo ho amin'ny fiarovana ny karazanjavamananaina, ny fiovan'ny toetr'andro ary ny fampiasana maharitra ny tany eto Madagasikara



Navoakan'ny :

Deutsche Gesellschaft für Internationale Zusammenarbeit (GIZ) GmbH

Foiben'ny orinasa :
Bonn sy Eschborn, Alemaina

Tetikasa Women Empowerment for Resilient Rural Areas (WE4R)
Enceinte SOANALA-MEDD, Ambatobe
B.P. 869 Antananarivo 101 – Madagasikara

Tetikasa Global Biodiversity Framework (GBF) Implementation
Enceinte SOANALA-MEDD, Ambatobe B.P. 869 Antananarivo 101 – Madagasikara

T +49 61 96 79-0
F +49 61 96 79-11 15
E info@giz.de
I www.giz.de/en

Mpanoratra :Edeny ANDRIAMIZANA
Haintso Consulting, VT5 V Bis Ampahateza Ambohipo Antananarivo

Tompon'andraikitra :
Olina HAJANIAINA, Tompon'andraikitry ny fanatanterahina ny tetikasa Women's Empowerment for Resilient Rural Areas (WE4R) Madagascar/GIZ
Marc SPIEKERMANN, Tompon'andraikitry ny fanatanterahina ny tetikasa Global Biodiversity Framework (GBF) Implementation Madagascar/GIZ

Sary :
Fonon'ny boky : Advitrust (mpanamahay ny projet GBF implementation/GIZ)
Pejy i, 2, 45, 147: CARE Madagascar
Pejy 7, 21, 39, 73, 108: Rossy Heriniaina/GIZ Fotopool
Pejy 50: Fabiana Anabel Woywod/GIZ Fotopool
Pejy 113: Ramana Dumpala/ GIZ Fotopool
Pejy 121: PADDI/GIZ
Pejy 18, 86: Advitrust (mpanamahay ny projet GBF implementation/GIZ)

Toerana sy daty namoahana : Antananarivo - Madagasikara, mey 2026

# TENY FANOLORANA

Ny fitantanana maharitra ny karazanjavamananaina, ny ady amin'ny fiovan'ny toetrandro sy ny fitantanana maharitra eto Madagasikara dia anisan'ireo fanamby stratejika lehibe mila fitantanana iarahan'ny rehetra sy mitovy lenta, ka mandray anjara feno ao anatin'izany na ny vehivavy na ny lehilahy. Ny fanadihadiana natao dia nampiseho fa mbola misy fiantraikany lehibe amin'ny fisitrahana ny loharanon-karena, ny fandraisana fanapahan-kevitra, ny fizarana andraikitra eny anivon'ny fiarahamonina ary ny fahombiazan'ny hetsika momba ny tontolo iainana ny fenitra ara-tsosialy sy ny fifandraisan-kery mifototra amin'ny maha lahy sy maha vavy.

Noho izany, ny fitovian-jo eo amin'ny lahy sy ny vavy dia sehatra iankinan'ny fanatanterahana ireo Fifanarahana telon'i Rio, dia ny Fifanarahan'ny Firenena Mikambana momba ny ady amin'ny fahamainan'ny tany, ny Fifanarahana momba ny karazanjavamananaina ary ny Fifanarahan'ny Firenena Mikambana momba ny fiovan'ny toetr'andro. Mbola mametra ny fahafahana mahazo loharanon-karena, famatsiam-bola ary sehatra fandraisana fanapahan-kevitra amin'ny fomba mitovy ny tsy fitoviana mbola misy ankehitriny, ka mametra ny fiantraikan'ireo asa iarovana ny tontolo iainana. Etsy ankilany kosa, ny fampiharana fomba fijery manova sy manome lanja ny miralenta dia afaka manamafy ny faharetan'ny tontolo voajanahary sy ny fiarahamonina amin'ny alalan'ny fanomezana lanja ny andraikitry ny vehivavy sy ny fampiroboroboana vahaolana mifanaraka amin'ny zava-misy eny ifotony.

Ao anatin'izany toe-javatra izany, ny Governemantan'i Madagasikara, amin'ny alalan'ny Ministeran'ny Tontolo Iainana sy ny Fampandrosoana Lovainjafy (MEDD), dia manamafy indray ny fahavononany hampiditra tanteraka ny fomba fijery miralenta ao anatin'ny politikany sy ny asany.

Ity ezaka ity dia tohanan'ny Tetikasa Women Empowerment for Resilient Rural Areas (WE4R) sy ny Tetikasa Global Biodiversity Framework Implementation (GBF Implementation), izay samy ao anatin'ny Programme d'Appui au Développement Durable et Intégré des communautés et des écosystèmes (PADDI), amin'ny alalan'ny famolavolana ity torolàlana ity.

Ny fomba fijery momba ny maha lahy sy maha vavy miabo dia fitaovana stratejika lehibe entina hampiroboroboana fifandraisana mirindra sy mitovy kokoa, hanamafisana ny firaisankina ara-tsosialy, hisorohana ny tsy fitoviana ary hanatsarana ny fitantanana ny tontolo iainana.

Ity torolàlana ity dia natao hanohanana ny mpanofana rehetra, anisan'izany ny mpampiofana eo anivon'ny ministera sy ireo mpisehatra rehetra voakasika, amin'ny fampidirana ity fomba fijery ity. Ahitana fitaovana azo ampiharina sy mifanaraka amin'ny zava-misy eto amin'ny firenena ity torolalana ity, mba hanamafisana ny fahaiza-manao, hampiroboroboana ny fandraisan'andraikitra maharitra eo anivon'ny andrim-panjakana ary handraisana anjara amin'ny fanatrarana ny tanjon'ny fampandrosoana lovainjafy.

Ny Ministeran'ny Tontolo Iainana sy ny Fampandrosoana Lovainjafy dia manentana ny mpisehatra rehetra mba handray sy hampiasa ity torolàlana ity ho fitaovana fototra entina manohana ny fitantanana maharitra ny tontolo iainana izay iarahan'ny rehetra, mahomby ary maharitra.

## FANAMARIHANA HO AN'NY MPAMPIOFANA SY MPANENTANA

Ity torolàlana ity dia natokana ho an'ireo mpanamora, mpanofana ary mpisehatra mandray anjara amin'ny fitantanana ny harena voajanahary, ny fiadiana amin'ny fiovan'ny toetr'andro ary ny fitantanana maharitra ny tany. Novokarina ho fitaovana azo ampiharina izy io, hanohanana ny fanatanterahana atrikasa fanofanana sy fanentanana momba ny maha lahy sy maha vavy miabo.

Ny fampiasana ity torolàlana ity dia mitaky fahalalana fototra farafahakeliny, indrindra mikasika ireo hevitra fototra momba ny miralenta (toy ny fitovian-jo vavy sy lahy, ny fenitra ara-tsosialy, ny fifandraisan-kery), ary koa ny fitsipika fototra amin'ny fampiofanana olon-dehibe, izay ahafahana mitarika amin'ny fomba mahomby ny fampitana amin'ny olon-dehibe.

Ny fahafantarana ny tontolo iasana momba ny tontolo iainana, ny fitantanana maharitra ny loharanon-karena voajanahary sy ny tany ary ny fiadiana amin'ny fiovan'ny toetr'andro dia tombony lehibe ihany koa, satria manamora ny fandraisana sy ny fampifanarahana ny votoaty amin'ny zava-misy eny ifotony.

Amin'ny maha torolàlana azy, dia manolotra fitaovana sy fomba fampiofanana mifototra amin'ireo asa efa fanta-daza ity torolalana ity. Efa namboarina sy nampifanarahana amin'ny zava-misy eto amin'ny firenena, mba hamaliana ny filàn'ireo mpisehatra nasionaly sy eny ifotony ny votoatiny. Tsy rafitra hentitra izy io, fa kosa tahaka ny "fitambarana fitaovana" izay ahafahan'ny mpampiasa misafidy arakaraka ny toe-javatra iainany, ny fotoana ananany, ny mpihaino kendrena ary ny tanjon'ny fidirana an-tsehatra.

Noho izany, dia ampirisihina ireo mpanamora mba hampifanitsy sy hampifanaraka ny fizarana, ny fanazaran-tena ary ny hafatra fototra, arakaraka ny toe-draharaha eo an-toerana, ny kolontsaina ary ireo olana manokana hita eny an-kianja. Azo isafidianana fa tsy natao atao mitambatra ireo fanazaran-tena aseho isaky ny fizarana. Ny faharetan'izy ireo dia omena ho tari-dalana fotsiny ary azo ovaina arakaraka izay ilaina.

Farany, ity torolàlana ity dia miorina amin'ny fomba fiasa mampandray anjara sy manova. Manasa ny mpampiasa azy izy mba hamorona sehatra azo ifampiresahana ahafahana mifanaja, mampandray anjara ary azo antoka, izay manampy amin'ny fametrahana fanontaniana momba ireo fenitra ara-tsosialy ary mampiroborobo fiovana maharitra ho amin'ny fitovian-jo sy fitantanana ara-drariny kokoa.

*Ity boky amin'ny teny malagasy ity dia nadika avy amin'ny teny frantsay, miaraka amin'ny fanitsiana sy fanamarihana madinidinika mba hampifanarahana kokoa ny voambolana sy ny fomba faneboana amin'ny kolontsaina malagasy.*

# FIZAHAN-TAKELAKA


FIZAHAN-TAKELAKA ..... i

FOTOTRA SY FANOVANA NY FENITRA ..... 1

FIZARANA 1 – Fanokafana sy fifandaminana ..... 1

FIZARANA 2 – Foto-kevitra fototra momba ny lahy sy ny vavy, ny fitsipika ara-tsosialy ary ny fampandrosoana ..... 6

Fanazaran-tena 1 – Maha samy hafa ny "sexe" sy ny "genre" ..... 8

Fanazaran-tena 2 – Loharanon'ny tsy fitoviana ..... 9

Fanazaran-tena 3 – lahy sy vavy ary fampandrosoana ..... 9

Fanazaran-tena 4 – lahy sy vavy ary ny fomba fanabeazana : mitombo ho lehilahy sy mitombo ho vehivavy ..... 10

Fanazaran-tena 5 – "lehilahy" sy "vehivavy" ..... 14

Fanazaran-tena 6 – hevi-draikitra sy fomba fisainana raikitra ..... 15

FIZARANA 3 – Fomba maha-lahy sy maha-vavy miabo ..... 33

Fanazaran-tena 7 – Toeran'ny « boity » lehilahy sy ny vehivavy ..... 34

Fanazaran-tena 8 – Ny lehilahy sy ny fihetseham-po ..... 35

Fanazaran-tena 9 – Ny vehivavy sy ny fahatokisan-tena ..... 36

Fanazaran-tena 10 – Fifanaraha-miasa eo amin'ny lahy sy ny vavy ..... 37

Fanazaran-tena 11 – Herisetra sy fomba fisorohana azy ..... 38

FIZARANA 4 – Fifandraisan-kery sy fahefana eo amin'ny lahy sy ny vavy ..... 57

Fanazaran-tena 12 – Inona ny atao hoe fahefana ? ..... 58

Fanazaran-tena 13 – Aiza no misy ny fahefana ?........................................ 59
Fanazaran-tena 14 – Ny hazon'ny fahefana................................................ 60
Fanazaran-tena 15 – Fandraisana fanapahan-kevitra ao an-tokantrano 61
Fanazaran-tena 16 – Fahatokisan-tena sy fandraisana anjara .................. 62
Fanazaran-tena 17 – Fahefana sy fitantanana ny harena voajanahary... 63
FAMPIHARANA ISAN-TSEHATRA SY FANAPARIAHANA............ 80
FIZARANA 5 – Fanovana ara-tsosialy ho an'ny fitovian-jo sy ny fandraisana anjara .......................................................................................... 80
Fanazaran-tena 18 – Inona ny fanovana ara-tsosialy?.............................. 81
Fanazaran-tena 19 – Ireo misakana ny fitoviana ....................................... 82
Fanazaran-tena 20 – Lalao an-tsehatra momba ny fanovana ................. 83
Fanazaran-tena 21 – Mpisehatra afaka manova toe-javatra ..................... 84
Fanazaran-tena 22 – Drafitra tsotra ho an'ny fanovana ........................... 84
Fanazaran-tena 23 – Fanoloran-tena.......................................................... 85
FIZARANA 6 – Lahy sy vavy ary fitantanana ny harena voajanahary...... 87
Fanazaran-tena 24 – Iza no manao inona ?................................................. 88
Fanazaran-tena 25 – Sarintanin'ny loharanon-karena............................... 89
Fanazaran-tena 26 – Iza no mandray fanapahan-kevitra ? ....................... 90
Fanazaran-tena 27 – Fotoana lanin'ny lahy sy ny vavy ............................ 91
Fanazaran-tena 28 – Fitantanana mirindra ny harena voajanahary........ 91
Fanazaran-tena 29 – Drafitra ho an'ny fandraisana anjara....................... 92
FIZARANA 7 – Lahy sy vavy ary fiovan'ny toetr'andro............................. 94
Fanazaran-tena 30 – Inona no fiantraikan'ny fiovan'ny toetr'andro ? .. 95
Fanazaran-tena 31 – Faharefoana eo amin'ny lahy sy ny vavy................ 96

Fanazaran-tena 32 – Paikady fampifanarahana ........ 97

Fanazaran-tena 33 – Fandraisana anjara amin'ny fanapahan-kevitra..... 98

Fanazaran-tena 34 – Loza voajanahary sy fiarovana........ 98

Fanazaran-tena 35 – Drafitra tsotra ho an'ny fiatrehana ny fiovan'ny toetr'andro ........ 99

FIZARANA 8 – Fitantanana ny tany, fisorohana herisetra ary fandriampahalemana........ 101

Fanazaran-tena 36 – Olana momba ny tany sy ny loharanon-karena..102

Fanazaran-tena 37 – Herisetra mifototra amin'ny lahy sy ny vavy.......103

Fanazaran-tena 38 – Famahana fifandirana amin'ny fomba milamina104

Fanazaran-tena 39 – Fitovian-jo eo amin'ny fitantanana tany........105

Fanazaran-tena 40 – Mpisehatra amin'ny fisorohana herisetra........106

Fanazaran-tena 41 – Drafitra tsotra ho an'ny fandriampahalemana....107

FIZARANA 9 – Fampiharana eo anivon'ny fiarahamonina sy fandraisana anjara........109

Fanazaran-tena 42 – Inona no azo atao eo an-toerana ? ........110

Fanazaran-tena 43 – Fandraisana anjara eo amin'ny fiainam-piarahamonina ........111

Fanazaran-tena 44 – Fampahafantarana sy fanentanana ........112

Fanazaran-tena 45 – Lalao an-tsehatra momba ny fiainam-piarahamonina ........113

Fanazaran-tena 46 – Drafitra hetsika eo an-toerana........114

Fanazaran-tena 47 – Fanaraha-maso sy fanombanana........114

FIZARANA 10 – Fampielezana ny fahalalana, fanoloran-tena ary famaranana ny fiofanana........116

Fanazaran-tena 48 – Inona no lesona azo ?......117

Fanazaran-tena 49 – Ahoana no hizarana ny fahalalana ?......117

Fanazaran-tena 50 – Fanoloran-tena manokana......118

Fanazaran-tena 51 – Drafitra fanohizana hetsika......119

Fanazaran-tena 52 – Tombana ny fiofanana......120

TOVANA FANAMPINY......122

TRANGA ARA-PAMPIOFANANA – FANDINIHANA TRANGA EO AN-TOERANA......137

## LISITRY NY TAHIRIN-KEVITRA


Tahirin-kevitra 1. Fampahafantarana ny torolàlana sy ny fandaharam-piofanana........ 3
Tahirin-kevitra 2a. Lehilahy sy vehivavy........ 17
Tahirin-kevitra 3. Andrim-piarahamonina, mpisehatra ary ny fomba fanabeazana sy fananganana ny lahy sy ny vavy........ 24
Tahirin-kevitra 4. Fomba maha-lehilahy sy maha-vehivavy........ 40
Tahirin-kevitra 5. Fitsipika “Code” maha-lehilahy........ 43
Tahirin-kevitra 6. Lehilahy fakan-tahaka........ 46
Tahirin-kevitra 7a. Fomba maha-lehilahy miabo sy maha-vehivavy miabo........ 48
Tahirin-kevitra 8. Antony ilàna fanovana ny fomba maha-lehilahy 53
Tahirin-kevitra 9. Karazana fahefana sy hery........ 65
Tahirin-kevitra 10. Fifandraisan-kery sy fizakan-tena........ 68
Tahirin-kevitra 11. Fandraisan’anjaran’ny lehilahy amin’ny fisorohana herisetra........ 71
Tahirin-kevitra 12. Fitsipika sy dingana momba ny tsy fampiasana herisetra........ 74
Tahirin-kevitra 13. Lova avy amin’ny raiko sy lova avy amin’ny reniko........ 77
Tahirin-kevitra 14. Fafana mirakitra ny asa andavanandron’ny lehilahy sy vehivavy........ 79

## LISITR'IREO TOVANA FANAMPINY


Tovana fanampiny 1. Voambolana fototra momba ny lahy sy ny vavy...122
Tovana fanampiny 2. TOROMARIKA HO AN'NY MPAMPIOFANA ...122
Tovana fanampiny 3. FITSIPIKA IOMBONANA MANDRITRA NY FIOFANANA...123
Tovana fanampiny 4. OHATRA HAFATRA FANENTANANA...124
Tovana fanampiny 5. OHATRA LALAO FANALALAHANA...124
Tovana fanampiny 6. TOROMARIKA MOMBA NY LALAO AN-TSEHATRA...125
Tovana fanampiny 7. FAMANTARANA AZO ARAHINA EO AMIN'NY FANOVANA...125
Tovana fanampiny 8. TOROMARIKA MOMBA NY FAMPANDRAISANA ANJARA...126
Tovana fanampiny 9. TOROMARIKA MOMBA NY TENY SY FIHETSIKA...126
Tovana fanampiny 10. HAFATRA FAMARANANA...126
Tovana fanampiny 11. OHATRA FANONTANIANA HO AN'NY ADIHEVITRA...127
Tovana fanampiny 12. OHATRA ASA ANATY VONDRONA...128
Tovana fanampiny 13. OHATRA HAFATRA HO AN'NY TANORA128
Tovana fanampiny 14. OHATRA HAFATRA HO AN'NY RAY AMAN-DRENY...129
Tovana fanampiny 15. OHATRA HAFATRA HO AN'NY MPITONDRA SY MPANAPAKA...129
Tovana fanampiny 16. TOROMARIKA MOMBA NY FIFANAKALOZAN-KEVITRA...129
Tovana fanampiny 17. TOROMARIKA MOMBA NY FAMELABELARANA...130
Tovana fanampiny 18. OHATRA FAMINTINANA ISAKY NY FIZARANA...130

Tovana fanampiny 19. TOROMARIKA MOMBA NY FANDRINDRANA NY FOTOANA....130
Tovana fanampiny 20. FAMARANANA FARANY....131
Tovana fanampiny 21. OHATRA TRANGA HO AN'NY FANADINIHANA....131
Tovana fanampiny 22. OHATRA FOMBA FAMPAHAFANTARANA ENY IFOTONY....133
Tovana fanampiny 23. OHATRA TOMBANA NY FIOFANANA....133
Tovana fanampiny 24. TOROMARIKA MOMBA NY FIAROVANA NY MPANDRAY ANJARA....134
Tovana fanampiny 25. OHATRA FAMPIASANA SARY SY KARATRA....134
Tovana fanampiny 26. TOROMARIKA MOMBA NY FAMPIASANA TENY TSOTRA....135
Tovana fanampiny 27. OHATRA FOMBA FANAMAFISANA NY FIFANAJANA....135
Tovana fanampiny 28. TOROMARIKA MOMBA NY FIARAHA-MIASA EO AMIN'NY LAHY SY NY VAVY....136
Tovana fanampiny 29. HAFATRA MANENTANA NY FIAROVANA NY TONTOLO IAINANA....136
Tovana fanampiny 30. TENY FANKASITRAHANA....136

## LISITR'IREO TRANGA NA SEHO AZO DINIHINA

Tranga 1. Filohan'ny VOI mpanao jadona....137
Tranga 2. Sazy tsy mitovy....137
Tranga 3. Faritra fanjonoana feran'ny zokiolona....138
Tranga 4. Komity iombonan'ny lahy sy vavy miambina faritra arovana....138
Tranga 5. Vehivavy miteny voalohany amin'ny fivoriambe....138
Tranga 6. Vehivavy voafidy ho mpitahiry vola....138
Tranga 7. Vehivavy mikirakira vokatra avy amin'ny ala....139
Tranga 8. Fanelanelanana tsy misy herisetra....139
Tranga 9. Honko natokana ho an'ny lehilahy....139

Tranga 10. Kaoperativa fanjonoana iombonana ........................................140
Tranga 11. Vehivavy mpiambina eny ifotony...............................................140
Tranga 12. Mpitrandraka ala tsy ara-dalàna voasazy...................................140
Tranga 13. Vehivavy mampiasa rafitra fitarainana .......................................140
Tranga 14. Lehilahy manohana ny vehivavy eny amin'ny honko.............141
Tranga 15. Fanavaozana dina iombonana......................................................141
Tranga 16. Tovovavy mpandraharaha maitso...............................................141
Tranga 17. Fahazoan'ny vehivavy tany : tsy mpandova ary nisara-panambadiana..........................................................................................142
Tranga 18. Vehivavy mahazo fanohanana amin'ny asa fivelomana..........142
Tranga 19. Vehivavy mpampiasa tany............................................................143
Tranga 20. Vehivavy, fivezivezena ary fahazoana loharanon-karena .......143
Tranga 21. Vondron'ny vehivavy mpanao voly legioma ............................143
Tranga 22. Lehilahy manohana ny fandraisan'ny vehivavy anjara............144
Tranga 23. Vehivavy mitaraina amin'ny tsy rariny .......................................144

## TENY FOHY SY FANAFOHEZANTENY

| | |
|---|---|
| 3R : | **R**ight (droit/zo) – **R**esource (ressource/loharanonkarena) – **R**epresentation (représentation/fisoloan-tena) |
| GBF : | Global Biodiversity Framework |
| GIZ : | Deutsche Gesellschaft für Internationale Zusammenarbeit |
| ONG | Organisation Non Gouvernementale (Fikambanana tsy miankina amin'ny Fanjakana) |
| PADDI : | Projet d'Appui au Développement Durable et Intégré des communautés et des écosystèmes |
| VOI: | Vondron'Olona Ifotony |
| WE4R : | Women's Empowerment for Resilient Rural Areas |



# FOTOTRA SY FANOVANA NY FENITRA

## FIZARANA 1 – Fanokafana sy fifandaminana

**Tanjona amin'ny fampiofanana**

- Mametraka fifampitokisana sy fifanajana.
- Manazava ny tanjon'ny fiofanana sy ny fomba fiasa.
- Manangona ny andrasan'ny mpandray anjara.

**Vokatra andrasana**

Rehefa vita ity fizarana ity dia:

- mifankafantatra sy mahazo aina ny mpandray anjara,
- mazava amin'ny rehetra ny tanjon'ny fiofanana,
- voafaritra ny fitsipika iombonana amin'ny fandraisana anjara.

**Votoatiny lehibe**

- Fampahafantarana ny fiofanana,
- fanangonana ny andrasan'ny mpandray anjara,
- fametrahana fitsipika iombonana,
- fampidirana ny foto-kevitra momba ny fitoviana sy ny fiaraha-miasa.

**Fomba fampitana**

- Fampahafantarana tsotra,
- adihevitra misokatra,
- lalao fanalefahana,
- fifanakalozan-kevitra.

**Fizotry ny fiofanana**

1. Fandraisana sy fampahafantarana.
2. Fanontaniana momba ny andrasana sy ny olana atrehan'ny mpandray anjara.
3. Fanazavana ny tanjon'ny fiofanana.
4. Fametrahana fitsipika iombonana.
5. Lalao fanalefahana.

**Fitaovana ilaina**

- Solaitrabe na taratasy lehibe,
- penina lehibe,
- karatra kely,
- fandaharam-potoana.

**Faharetany :** Adiny 1.

**HAFATRA LEHIBE**

Ny fiofanana dia natao hanamafisana ny fiaraha-miasa sy ny fitoviana eo amin'ny vehivavy sy ny lehilahy amin'ny fitantanana ny harena voajanahary sy ny fampandrosoana maharitra.



# Tahirin-kevitra 1. Fampahafantarana ny torolàlana sy ny fandaharam-piofanana

## TANJONA ANKAPOBENY

Hanamafisana ny fahaizan'ireo mpisehatra eny anivon'ny fiarahamonina sy ireo rafitra isan-tsokajiny amin'ny :

- fampidirana ny fomba maha-lahy sy maha-vavy miabo ;
- fampiroboroboana fitovian-jo ;
- ary fananganana fitantanana mirindra sy mandray anjara

eo amin'ny :

- fiarovana ny zavamananaina ;
- fiatrehana ny fiovan'ny toetr'andro ;
- ary fitantanana maharitra ny tany sy ny harena voajanahary.

## TANJON'NY FAMPIOFANAANA ANKAPOBENY

Rehefa vita ny fiofanana dia andrasana ny mpandray anjara ho afaka :

- mahatakatra ireo foto-kevitra fototra momba :
    - ny lahy sy ny vavy ;
    - ny fomba maha-lahy sy maha-vavy ;
    - ary ny fomba maha-lahy sy maha-vavy miabo ;
- mandinika ireo :
    - fitsipika ara-tsosialy ;
    - fomba fisainana raikitra ;
    - ary fifandraisan-kery

      izay misy fiantraikany amin'ny fitantanana ny harena voajanahary ;
- mamantatra ireo :
    - tsy fitoviana ;
    - sakana ;
    - ary voka-dratsin'ny fomba fisainana manimba

      eo amin'ny fitantanana ny tontolo iainana sy ny fampandrosoana ;
- mampiroborobo :
    - fitantanana mandray anjara ;
    - fisorohana herisetra ;
    - ary fifandraisana mirindra

      amin'ny alalan'ny fomba maha-lahy sy maha-vavy miabo ;

- mamolavola hetsika sy fiovana azo tanterahina eny anivon'ny fiarahamonina ;
- mampiely ny fahalalana azo amin'ny alalan'ny fiofanana sy fanentanana mifandimby.

## DRAFITRA ANKAPOBEN'NY FIOFANANA

Ny fafana etsy ambany dia manome tari-dalana momba ny fizotry ny atrikasa iray. Ny mpampiasa tsirairay dia afaka manitsy ny atrikasany arakaraka ny filàny.

| Fizarana | Tanjona lehibe | Fomba fampitana | Fitaovana | Fahareta ny |
|---|---|---|---|---|
| **Fizarana 1: fanokafana sy fametrahana ny rafitra** | Fametrahana fifampitokisana sy tanjon'ny fiofanana | Adihevitra, lalao savaranonando | Taratasy lehibe | 1 ora |
| **Fizarana 2: foto-kevitra fototra** | Fahatakarana ny lahy sy ny vavy sy ny tsy fitoviana | Asa isaky ny vondrona, fanazaran-tena | Karatra | 1 ora sy 45 mn |
| **Fizarana 3: fomba maha-lahy sy maha-vavy** | Famakafakana ny fomba fisainana sy "hevi-draikitra" | Adihevitra sy fanadihadiana | Taratasy lehibe | 1 ora sy 30 mn |
| **Fizarana 4: fifandraisan-kery sy fahefana** | Fahatakarana ny fahefana sy ny fifandraisana ara-tsosialy | Lalao sy fandinihana | Takelaka sy kisary | 2 ora sy 30 mn |
| **Fizarana 5: fanovana ara-tsosialy** | Fanentanana ny fiovana mankany amin'ny fitovian-jo | Asa vondrona | Takelaka | 1 ora sy 30 mn |
| **Fizarana 6: lahy sy vavy ary harena voajanahary** | Fampidirana ny lahy sy ny vavy amin'ny fitantanana loharanon-karena | Fanadihadiana tranga | Sarintany sy kisary | 1 ora sy 15 mn |
| **Fizarana 7: lahy sy vavy ary fiovan'ny toetr'andro** | Fahatakarana ny faharefoana sy paikady fiatrehana | Adihevitra tarihana | Kisary | 1 ora sy 30 mn |
| **Fizarana 8: tany, herisetra ary fandriampahalemana** | Fisorohana fifandirana sy herisetra | Fanadihadiana tranga | Taratasy | 1 ora sy 30 mn |
| **Fizarana 9: fampiharana eny an-toerana** | Fampiharana ny lesona amin'ny fiarahamonina | Fampisehoana sy adihevitra | PPT sy torolàlana | 1 ora |
| **Fizarana 10: fampielezana sy fanohizana** | Fanamafisana fanoloran-tena sy fampielezana fahalalana | Lalao an-tsehatra sy famintinana | Torolàlana | 1 ora sy 30 mn |

**FANAMARIHANA MANAN-DANJA**

- Ahitana fanazaran-tena maro ny fizarana tsirairay ;
- Tsy voatery ampiasaina avokoa ireo fanazaran-tena rehetra ;
- Tsara raha :
    - fanazaran-tena iray lehibe ;
    - ary fanazaran-tena fanampiny fohy iray no fidina arakaraka :
    - ny fotoana ;
    - ny haavon'ny mpandray anjara ;
    - ary ny tanjon'ny fiofanana.

**TOROMARIKA HO AN'NY MPAMPIOFANA**

Ny mpampiofana dia asaina :

- mampifanaraka ny votoaty amin'ny zava-misy eo an-toerana ;
- mampiasa teny mora takarina ;
- manaja ny kolontsaina sy ny fahasamihafan'ny mpandray anjara ;
- mamporisika ny rehetra handray anjara ;
- mamorona sehatra :
    - azo antoka ;
    - manaja ;
    - ary malalaka hifanakalozan-kevitra.

**HAFATRA LEHIBE**

Ny fitovian-jo sy ny fiaraha-miasa eo amin'ny lahy sy ny vavy dia :

- manampy amin'ny fiarovana ny tontolo iainana ;
- manamafy ny fampandrosoana maharitra ;
- mampihena ny fifandirana sy ny herisetra ;
- ary manampy amin'ny fananganana fiarahamonina mirindra sy mandray anjara.

# FIZARANA 2 – Foto-kevitra fototra momba ny lahy sy ny vavy, ny fitsipika ara-tsosialy ary ny fampandrosoana

**Tanjona amin'ny fampiofanana**

- Mahafantatra ny maha samy hafa ny "sexe" sy ny "genre" ;
- Mahatakatra ny fomba anabeazana sy ananganan'ny fiarahamonina ny anjara andraikitry ny lahy sy ny vavy ;
- Mamantatra ireo antony mahatonga sy mampitohy ny tsy fitoviana eo amin'ny vehivavy sy ny lehilahy.

**Vokatra andrasana**

Rehefa vita ity fizarana ity dia :

- mahafehy ireo foto-kevitra fototra momba ny lahy sy ny vavy ny mpandray anjara ;
- takatra ny maha samy hafa ny toetra voajanahary sy ny toetra vokatry ny fanabeazana sy ny fiarahamonina ;
- fantatra ireo antony sy rafitra mitazona ny tsy fitoviana.

**Votoatiny lehibe**

- Maha samy hafa ny "sexe" sy ny "genre" ;
- Fitsipika ara-tsosialy sy hdevi-draikitra ;
- Fomba fanabeazana sy fitaizana ara-tsosialy ;
- Fampidirana ny rafitra "3R" ;
- Lahy sy vavy ary fampandrosoana.

**Fomba fampitàna**

- Fifanakalozan-kevitra sy brainstorming ;
- Asa isaky ny vondrona ;
- Fanazaran-tena iarahana ;
- Adihevitra tarihana.

**Fizotry ny fiofanana**

1. Fampidirana ireo foto-kevitra fototra ;
2. Fanatanterahana ireo fanazaran-tena ;
3. Adihevitra iarahana ;
4. Famintinana sy fanamafisana ireo hafatra lehibe.

**Fanazaran-tena ampiasaina**

- Fanazaran-tena 1 : Rehareha maha-lehilahy sy maha-vehivavy ;
- Fanazaran-tena 2 : Loharanon'ny tsy fitoviana ;
- Fanazaran-tena 3 : Lahy sy vavy ary fampandrosoana ;
- Fanazaran-tena 4 : Lahy sy vavy ary ny fomba fitaizana sy fanabeazana — Mitombo ho lehilahy sy mitombo ho vehivavy ;
- Fanazaran-tena 5 : "Lehilahy" sy "Vehivavy" ;
- Fanazaran-tena 6 : hevi-draikitra sy fomba fisainana raikitra.

**Fitaovana ilaina**

- Tahirin-kevitra 2 : Famaritana ireo foto-kevitra fototra ;
- Tahirin-kevitra 2a : Lehilahy sy vehivavy ;
- Tahirin-kevitra 2b : Rehareha maha-lehilahy sy maha-vehivavy ;
- Tahirin-kevitra 2d : Fototra ara-kolontsain'ny hevi-draikitra ;
- Tahirin-kevitra 3 : Andrim-piarahamonina sy fomba fanabeazana ;
- Taratasy lehibe sy karatra.

**Faharetany:** Adiny 1 sy 45 minitra.

**HAFATRA LEHIBE**

Ny "genre" na ny anjara andraikitra sy fitondran-tena andrasana amin'ny lahy sy ny vavy dia vokatry ny fananganana ara-tsosialy. Midika izany fa :

- azo ovaina izy ireny ;
- misy fiantraikany amin'ny andraikitra sy fahafahana ;
- ary mety hiteraka tsy fitoviana eo amin'ny vehivavy sy ny lehilahy.



## Fanazaran-tena 1 – Maha samy hafa ny “sexe” sy ny “genre”

**Tanjona**

- Hampitovy ny fahatakarana momba ny maha samy hafa ny toetra voajanahary sy ny toetra ara-tsosialy ;
- Hanala ireo fifangaroan-kevitra momba ny “sexe” sy ny “genre”.

**Fomba fanatanterahana**

Asa ataon’ny tsirairay arahina adihevitra iarahana.

**Votoatiny**

- Karatra misy :
    - zavatra ireharehana maha-lehilahy na maha-vehivavy ;
    - fahasarotana na olana sedraina maha-lehilahy na maha-vehivavy.
- Fanasokajiana :
    - toetra voajanahary ;
    - toetra ara-tsosialy.

**Faharetany :** 30 minitra.

**Fizotrany**

1. Zaraina amin’ny mpandray anjara ny karatra.
2. Manoratra :
    - zavatra iray ireharehany ;
    - olana iray sedrainy noho izy lehilahy na vehivavy.
3. Sokajiana ireo valiny :
    - voajanahary ;
    - nianarana teo amin’ny fiarahamonina.
4. Atao ny adihevitra iarahana.

**Fanontaniana hifanakalozan-kevitra**

- Inona no voajanahary ?
- Inona no nianarana ?
- Inona no avy amin’ny kolontsaina sy ny fiarahamonina ?

**Vokatra andrasana**

Mahatakatra mazava ny maha samy hafa ny toetra voajanahary sy ny toetra ara-tsosialy ny mpandray anjara.

## Fanazaran-tena 2 – Loharanon'ny tsy fitoviana

**Tanjona**

- Handinihana ireo antony lalina mahatonga ny tsy fitoviana eo amin'ny lahy sy ny vavy.

**Votoatiny**

- Fomba fanabeazana sy fitaizana ;
- Fianakaviana ;
- Sekoly ;
- Finoana ;
- Haino aman-jery ;
- Lalàna sy rafitra sosialy.

**Faharetany :** 30 minitra.

**Fizotrany**

1. Zaraina vondrona ny mpandray anjara.
2. Fanontaniana tarihana :
   "Avy aiza ny tsy fitoviana eo amin'ny lahy sy ny vavy ?"
3. Samy maneho ny valiny ny vondrona tsirairay.
4. Ampifandraisina amin'ny zava-misy eny amin'ny fiarahamonina sy ny rafitra eo an-toerana ny adihevitra.

**Vokatra andrasana**

Takatra fa avy amin'ny rafitra sy fomba fisainana ara-tsosialy ny tsy fitoviana.

## Fanazaran-tena 3 – lahy sy vavy ary fampandrosoana

**Tanjona**

- Hampiroborobo fampandrosoana :
    - mirindra ;
    - mampandray anjara ;
    - ary maharitra.

**Votoatiny**

- Ny maha-zava-dehibe ny fitovian-jo eo amin'ny lahy sy ny vavy amin'ny fampandrosoana.

**Faharetany :** 25 minitra.

**Fizotrany**

1. Anontaniana ny mpandray anjara :
    - Inona avy ny andraikitry ny lehilahy sy ny vehivavy eo amin'ny fampandrosoana ny tanàna sy ny fokontany ?
2. Resahina ireo olana mifandraika amin'ny tsy fitoviana.
3. Hazavaina :
    - ny maha-zava-dehibe ny fiaraha-miasa ;
    - ny fifamenoan'ny andraikitry ny lahy sy ny vavy ;
    - ary ny ilàna ny fandraisan'anjaran'ny rehetra.

**HAFATRA LEHIBE**

Tsy hisy fampandrosoana maharitra raha tsy mandray anjara mitovy sy omena lanja ny vehivavy sy ny lehilahy.

## Fanazaran-tena 4 – lahy sy vavy ary ny fomba fanabeazana : mitombo ho lehilahy sy mitombo ho vehivavy

**Dingana 1 – Lalan'ny fiainana sy ny fanabeazana**
**Tanjona manokana**

- Mamantatra ireo fotoana isehoan'ny tsy fitoviana eo amin'ny lahy sy ny vavy ;
- Mahatakatra ny fiantraikan'ny fanabeazana sy ny fitaizana samihafa.

**Faharetany :** 35 minitra.

**Toromarika ho an'ny mpandray anjara**

1. Zaraina ho vondrona dimy mifangaro ny mpandray anjara.
2. Omena sokajin-taona iray ny vondrona tsirairay.
3. Fenoin'izy ireo ao anaty tabilao :
    - ny zavatra andrasana amin'ny zazalahy sy ny zazavavy ;
    - ny fahafahana omena ;
    - ny fameperana sy fanerena ara-tsosialy.
4. Manomana famelabelarana fohy mandritra ny 3 minitra ny vondrona tsirairay.

**Fafana tari-dalana**

| Vanim-potoana | Zazalahy / Lehilahy | Zazavavy / Vehivavy |
|---|---|---|
| Fony mbola ao an-kibo | | |
| Hatramin'ny 5 taona | | |
| 6 hatramin'ny 13 taona | | |
| 14 hatramin'ny 21 taona | | |
| 22 taona no ho miakatra | | |

**FOTOANA ISAN-KARAZANY EO AMIN'NY FIAINANA**

**Fony mbola ao an-kibo**
**Fanontaniana tarihana**

- Misy ve safidy kokoa amin'ny lahy sa vavy ?
- Ahoana ny fihetsiky ny fianakaviana arakaraka ny andrasana na lahy na vavy?
- Misy finoana na tsindry samihafa ve ?

**Ohatra mety hivoaka**

| Zazalahy | Zazavavy |
|---|---|
| Tiana ho mpandova | Mety tsy dia misy andrasana aminy loatra |
| Heverina ho hanohana ny ray aman-dreny any aoriana | Heverina ho handany vola |
| Mitondra ny anaran-dray | Tsy dia omena lanja mitovy |

**Hatramin'ny 5 taona**
**Fanontaniana tarihana**

- Inona avy ireo kilalao omena ?
- Ahoana no firesahana amin'ny ankizy ?
- Iza no ampirisihina hitrandraka sy hilalao ?

**Ohatra mety hivoaka**

| Zazalahy | Zazavavy |
|---|---|
| Kilalao mifandraika amin'ny hetsika sy hery | Saribakoly sy kilalao an-dakozia |
| Ampirisihina hivezivezy sy hitrandraka | Asaina mangina sy milamina |
| Omena fahafahana bebe kokoa | Arahi-maso akaiky kokoa |

**6 hatramin'ny 13 taona**
**Fanontaniana tarihana**

- Iza no manao asa an-trano ?
- Iza no manana fotoana hilalaovana sy hianarana ?
- Iza no ampirisihina handray andraikitra ivelan'ny tokantrano ?

**Ohatra mety hivoaka**

| Zazalahy | Zazavavy |
|---|---|
| Manao asa ivelan'ny trano | Manao asa an-trano |
| Manana fotoana malalaka kokoa | Be asa sy andraikitra ao an-trano |
| Ampirisihina haneho hevitra | Asaina mankatò |

**14 hatramin'ny 21 taona**
**Fanontaniana tarihana**

- Inona ny andrasana amin'ny fianarana ?
- Misy tsindry momba ny fanambadiana ve ?
- Mitovy ve ny fahafahana mivezivezy ?

**Ohatra mety hivoaka**

| Zazalahy | Zazavavy |
|---|---|
| Ampirisihina hanohy fianarana | Atahorana hampanambadiana aloha loatra |
| Malalaka mivezivezy | Misy fameperana |
| Omena lanja ny asa sy ny hoavy | Omena lanja kokoa ny fitondran-tena |

**22 taona no ho miakatra**
**Fanontaniana tarihana**

- Iza no mandray fanapahan-kevitra ao an-tokantrano ?
- Iza no mifehy ny loharanon-karena ?
- Iza no mitondra ny ankamaroan'ny asa an-trano ?

**Ohatra mety hivoaka**

| Lehilahy | Vehivavy |
|---|---|
| Heverina ho loham-pianakaviana | Manaraka fanapahan-kevitra |
| Mifehy ny fananana sy vola | Mitondra asa an-trano |
| Afaka miasa sy mivezivezy | Manao asa roa sosona |

**Dingana 2 – Fafana mampiseho ny fahafahana sy sakana**
**Tanjona**

- Hampiseho ny fitambaran'ny tombony sy ny sakana mianjady amin'ny lahy sy ny vavy rehefa mandeha ny fotoana.

**Toromarika**

1. Manaova tsipika roa :
    - làlan'ny zazalahy ;
    - làlan'ny zazavavy.
2. Isaky ny sokajin-taona dia asiana :
    - "+" raha misy fahafahana ;
    - "–" raha misy sakana na fameperana.
3. Ampitahaina ireo làlana roa.

**Fanontaniana hifanakalozan-kevitra**

- Inona no hitanareo momba ny fitambaran'ny tombony sy sakana ?
- Rahoviana no manomboka miseho mazava ny elanelana ?
- Inona avy ireo antony mahatonga izany ?

**HAFATRA LEHIBE**

Ny tsy fitoviana dia:

- mitombo tsikelikely ;
- vokatry ny fanabeazana sy ny rafitra ara-tsosialy ;
- ary azo ovaina.

**Dingana 3 – Iza no tompon'andraikitra ?**
**Tanjona**

- Mamantatra ireo olona sy rafitra mandray anjara amin'ny fananganana ny fomba fisainana momba ny lahy sy ny vavy.

**Toromarika**

Angataho ny mpandray anjara hamaritra ny fiantraikan'ireto :

- Fianakaviana ;
- Sekoly ;
- Fivavahana ;
- Haino aman-jery ;
- Fiarahamonina ;
- Lalàna sy andrim-panjakana.

**Fanontaniana hifanakalozan-kevitra**

- Iza no manomboka misy fiantraikany aloha indrindra ?
- Iza no afaka manova ny toe-javatra ?
- Aiza no tokony hanombohana ny fanovana ?

**HAFATRA LEHIBE**

- Tsy voajanahary ny ankamaroan'ny tsy fitoviana ;
- Manomboka dieny mbola kely ny fananganana ny fomba fisainana ;
- Mitombo ny elanelana rehefa mandeha ny fotoana ;
- Azo ovaina ny rafitra sy ny fomba fisainana.

## Fanazaran-tena 5 – "lehilahy" sy "vehivavy"

**Tanjona**

- Hampiseho fa ny anjara toerana sy ny fitondran-tena andrasana amin'ny lehilahy sy vehivavy dia vokatry ny fananganana ara-tsosialy.

**Fomba fanatanterahana**

Lalao sy adihevitra iarahana anaty faribolana.

**Votoatiny**

- Fitsipika ara-tsosialy ;
- Hevi-draikitra ;
- Fanantenan'ny fiarahamonina amin'ny lahy sy ny vavy.

**Faharetany :** 30 minitra.

**Fizotrany**

1. Manao faribolana ny mpandray anjara.
2. Misy olona iray eo afovoany manipy baolina sady miteny :
   - "Ny vehivavy dia…"
3. Mamaly avy hatrany ilay nahazo baolina.
4. Averina amin'ny :
   - "Ny lehilahy dia…"
5. Soratana amin'ny tabilao ireo valiny.
6. Avadika ny lohateny :
   - "Lehilahy" ↔ "Vehivavy".
7. Atao ny adihevitra.

**Fanontaniana tarihana**

- Voajanahary ve ireo toetra lazaina ?
- Sa zavatra nianarana teo amin'ny fiarahamonina ?
- Inona ny vokatr'ireo hevi-draikitra ireo ?
- Misy manakana ny olona ve izy ireny ?

**HAFATRA LEHIBE**

- Ny "genre" dia fananganana ara-tsosialy ;
- Miova arakaraka ny fotoana sy ny kolontsaina izy ;
- Ny hevi-draikitra dia mety :
    - hanakana ;
    - hampihena ny fahafahan'ny olona ;
    - ary hiteraka tsy fitoviana.

## Fanazaran-tena 6 – hevi-draikitra sy fomba fisainana raikitra

**Tanjona**

- Mamantatra ireo loharano ara-kolontsaina mamorona sy mampitohy hevi-draikitra ;
- Manazava ny fomba ananganan'ny kolontsaina sy ny fiarahamonina ny fomba fijery momba ny lahy sy ny vavy.

**Fomba fanatanterahana**

Asa anaty vondrona arahina adihevitra iarahana.

**Faharetany :** 30 minitra.

**Fizotrany**

1. Zaraina ho vondrona efatra ny mpandray anjara.
2. Angatahana ny vondrona tsirairay hitady :

- ohabolana ;
- angano ;
- hira ;
- fomba fiteny ;
- na tantara mahazatra ;

izay mampiseho ny fomba fijery momba ny lehilahy sy ny vehivavy.

3. Dinihin'ny vondrona :

- inona ny hevi-draikitra ampitain'ireo fomba fiteny ireo ;

- inona ny fiantraikany amin'ny vehivavy sy ny lehilahy ;
- ahoana no mety hanakanany ny olona amin'ny safidy sy ny fahafahany.


4. Samy maneho ny valiny eo anatrehan'ny rehetra ny vondrona tsirairay.

**Fanontaniana hifanakalozan-kevitra**

- Inona avy ireo hafatra ampitain'ireo fomba fiteny sy kolontsaina ireo ?
- Ahoana no fiantraikany amin'ny fomba fijerin'ny olona ny tenany ?
- Ahoana no fiantraikany amin'ny fifandraisan'ny vehivavy sy ny lehilahy?
- Inona avy ireo sakana ateraky ny hevi-draikitra ?
- Mitovy ve ny fiantraikany amin'ny lahy sy ny vavy ?
- Ahoana no mety hisian'ny vokany eo amin'ny fitantanana ny harena voajanahary sy ny fiarahamonina ?

**HAFATRA LEHIBE**

- Ny hevi-draikitra dia vokatry ny kolontsaina sy ny fomba fanabeazana
- Tsy voajanahary izy ireny ;
- Mety hanimba sy hanakana ny olona ;
- Azo ovaina amin'ny alalan'ny fanabeazana sy fifanakalozan-kevitra.



## Tahirin-kevitra 2a. Lehilahy sy vehivavy

**Fampahatsiahivana ny tanjona**

- Hampiseho fa ny toerana sy ny fitondran-tena andrasana amin'ny lehilahy sy vehivavy dia vokatry ny fananganana ara-tsosialy ;
- Hanazava fa ny "genre" dia mifandray amin'ny fifandraisana ara-tsosialy miainga amin'ny fahasamihafana ara-batana eo amin'ny lahy sy ny vavy.

**Fizotrany**

1. Angatahana hanao faribolana ny mpandray anjara.

Misy olona iray eo afovoany mitazona baolina.

2. Manipy baolina izy sady miteny :
    - "Ny vehivavy dia…"
3. Ilay mahazo baolina dia mamaly avy hatrany amin'ny teny na fomba fiteny mamaritra ny vehivavy.
4. Averina amin'ny : "Ny lehilahy dia…"
5. Soratan'ny olona iray amin'ny taratasy lehibe ireo valiny ao anaty tsanganana roa :
    - "Ny vehivavy dia…"
    - "Ny lehilahy dia…"
6. Rehefa vita dia avadika ny lohateny : "Vehivavy" ↔ "Lehilahy".
7. Atao ny adihevitra momba ireo valiny:

- marina foana ve ireo izay voasoratra?
- efa voajanahary ve ireo sa avy amin'ny fiaraha-monina?

**8. Fanontaniana tarihana**

- Marina mandrakariva ve ireo toetra voalaza ?
- Voajanahary sa nianarana teo amin'ny fiarahamonina ?
- Inona ny vokatr'ireo hevi-draikitra ireo ?

**Valiny mety hivoaka**

- Mampihena ny lanjan'ny vehivavy ;
- Mamorona fanerena amin'ny lahy sy ny vavy ;
- Manakana ny safidy sy ny fahafahan'ny olona.

9. Manao famintinana fohy mifantoka amin'ny famaritana fototra ny atao hoe fitovian-jo eo amin'ny vavy sy ny lahy.

**HAFATRA LEHIBE**

- Ny fahasamihafana ara-batana eo amin'ny lahy sy ny vavy dia tsy miova firy ;
- Ny andraikitra sy ny toetra andrasana kosa dia miova arakaraka ny fiarahamonina sy ny vanim-potoana ;
- Ny "genre" dia ireo fananganana ara-tsosialy ireo ;
- Sakana lehibe amin'ny fitovian-jo ny hevi-draikitra ;
- Ny fomba maha-lehilahy miabo dia manampy amin'ny fananganana fifandraisana ara-drariny sy mirindra kokoa.



## Tahirin-kevitra 2b. Rehareha maha-lehilahy sy maha-vehivavy

### Fafana 1 – Zavatra ireharehan'ny lehilahy

| Zavatra | Voajanahary | Ara-tsosialy |
|---|---|---|
| Tsy mitondra vohoka | ✓ | |
| Mahery ara-batana | ✓ | |
| Heverina ho mpitarika sy loham-pianakaviana | | ✓ |
| Heverina ho mpandova | | ✓ |
| Malalaka amin'ny fivezivezena sy fanapahan-kevitra | | ✓ |
| Afaka misafidy vady | | ✓ |
| Afaka mitana toerana maha-mpitarika nentim-paharazana | | ✓ |
| Mamokatra tsirinaina | ✓ | |
| Afaka manambady vehivavy maro | | ✓ |
| Tsy voatery hanao asa an-trano | | ✓ |
| Afaka misaraka amin'ny vadiny ary manambady vehivavy hafa | | ✓ |
| Heverina ho manan-danja kokoa noho ny vehivavy | | ✓ |

### Fafana 2 – Zavatra ireharehan'ny vehivavy

| Zavatra | Voajanahary | Ara-tsosialy |
|---|---|---|
| Mitondra zaza ao an-kibo | ✓ | |
| Miteraka | ✓ | |
| Mampinono zaza | ✓ | |
| Mahavita mitaiza irery ny ankizy | | ✓ |
| Heverina ho malemy fanahy sy be fitiavana | | ✓ |
| Mikarakara tokantrano | | ✓ |
| Manana nono ho an'ny fampinonoana | ✓ | |
| Mahay mihaino ny filan'ny ankizy | | ✓ |
| Heverina ho matanja-tsaina amin'ny fiatrehana olana | | ✓ |
| Manome fampiononana ny ankizy sy ny vady | | ✓ |

**Fafana 3 – Zavatra tsy tian'ny lehilahy amin'ny maha-lehilahy**

| Zavatra | Voajanahary | Ara-tsosialy |
|---|---|---|
| Antenaina hiatrika loza sy ady | | ✓ |
| Mitondra ny andraikitra famelomana ny ankohonana | | ✓ |
| Mora ahiahiana rehefa misy olana eo amin'ny fiarahamonina | | ✓ |

**Fafana 4 – Zavatra tsy tian'ny vehivavy amin'ny maha-vehivavy**

| Zavatra | Voajanahary | Ara-tsosialy |
|---|---|---|
| Fadimbolana | ✓ | |
| Fitondrana vohoka | ✓ | |
| Fanaintainana amin'ny fiterahana | ✓ | |
| Loza mety hitranga amin'ny fiterahana | ✓ | ✓ |
| Herisetra ara-nofo | | ✓ |
| Fanerena hankatò vady sy ray aman-dreny | | ✓ |
| Heverina ho zavatra fotsiny | | ✓ |
| Sarotra ny maneho hevitra eo anatrehan'ny lehilahy | | ✓ |
| Fanilikilihana ny vehivavy tsy manambady | | ✓ |
| Tsy fahafahana misafidy vady malalaka | | ✓ |
| Tsy fitoviana amin'ny lova | | ✓ |
| Heverina ho ambany noho ny lehilahy | | ✓ |
| Fanerena amin'ny andraikitry ny maha-reny | | ✓ |
| Tahotra ho ilaozan'ny vady | | ✓ |
| Matetika ny vehivavy no omena tsiny amin'ny olana ao an-tokantrano | | ✓ |
| Fifaninana vokatry ny fampirafesana ataon'ny lehilahy | | ✓ |
| Fanaraha-maso sy fanjakazakan'ny lehilahy | | ✓ |

**Fafana 5 – Maha samy hafa ny “Sexe” sy ny “Genre”**

| Sexe | Genre |
|---|---|
| Toetra voajanahary sy ara-batana | Andraikitra sy fitondran-tena natsangan'ny fiarahamonina |
| **Efa voafaritra hatrany am-bohoka** | Nianarana sy ampitain'ny fiarahamonina |
| Mamaritra ny fiasan'ny vatana | Misy fiantraikany amin'ny fitondran-tena sy andraikitra |
| **Mitovitovy maneran-tany** | Miova arakaraka ny kolontsaina sy ny toerana |
| Tsy miova firy | Miova rehefa mandeha ny fotoana |
| **Tsy miankina amin'ny toerana sy fotoana** | Miankina amin'ny vanim-potoana sy ny fiarahamonina |



## Tahirin-kevitra 2d. Fototra ara-kolontsain'ny hevi-draikitra momba ny lahy sy ny vavy : ohabolana, angano ary hira

**Fampahatsiahivana ny tanjona**

- Hanazava ny fomba ananganan'ny kolontsaina, ny andrim-piarahamonina ary ny rafitra sosialy ny hevi-draikitra momba ny lahy sy ny vavy ;
- Hampiseho fa mety hampitohy ny tsy fitoviana ireo fomba fisainana sy fomba fanao sasany.

**Fizotrany**

1. Zaraina ho vondrona efatra ny mpandray anjara.
2. Angatahana ny vondrona tsirairay :

**a) Hitady :**

- ohabolana ;
- angano ;
- hira ;
- fomba fiteny ;
- tantara ;
- na fomba amam-panao

izay mampifandray fitondran-tena, toetra na andraikitra amin'ny lehilahy sy ny vehivavy.

**b) Handinika :**

- inona avy ireo hevi-draikitra ampitain'ireo fomba fiteny sy fomba amam-panao ireo.

**d) Hijery :**

- ahoana no mety hanakan'ireo hevi-draikitra ireo ny vehivavy sy ny lehilahy ;
- ahoana no mety hampihena ny safidy sy ny fahafahan'ny olona.

**e) Hanomana famelabelarana**

- haseho eo anatrehan'ny rehetra.

**Fanontaniana hifanakalozan-kevitra**

- Ankoatra ny ohabolana sy ny finoana, inona koa ireo zavatra misy fiantraikany amin'ny fomba fijery momba ny vehivavy sy ny lehilahy ?

**Valiny mety hivoaka :** haino aman-jery ; dokambarotra ; sarimihetsika ; fahitalavitra ; gazety ; sariitatra ; vazivazy ; hira ; boky.

**Fanontaniana fanampiny**

- Inona avy ireo hafatra ampitain'ireo fomba fiteny sy kolontsaina ireo ?
- Ahoana no fiantraikany amin'ny fomba fijerin'ny olona ny tenany ?
- Ahoana no fiantraikany amin'ny fomba fijerin'ny olona ny vehivavy sy ny lehilahy ?
- Inona avy ireo sakana ara-tsosialy sy ara-kolontsaina aterak'ireo hevi-draikitra ireo ?
- Mitovy ve ny fiantraikany amin'ny vehivavy sy ny lehilahy ?
- Ahoana no fiantraikany amin'ny fifandraisan'ny lahy sy ny vavy, indrindra eo amin'ny fiarovana ny tontolo iainana sy ny harena voajanahary ?

**Valiny mety hivoaka**

- Mampihena ny lanjan'ny vehivavy eo amin'ny fiarahamonina ;
- Mamorona fanantenana tsy mitombina amin'ny lahy sy ny vavy ;
- Manakana ny safidy sy ny fahafahan'ny olona eo amin'ny fiainana.

## HAFATRA LEHIBE

- Miova arakaraka ny toerana sy ny kolontsaina ny fomba fijery momba ny lehilahy sy ny vehivavy ;
- Ny fananganana ara-tsosialy dia manamafy ireo fomba fijery ireo ka mamorona hevi-draikitra ;
- Betsaka amin'ireo fahasamihafana lazaina momba ny lahy sy ny vavy no vokatry ny fanabeazana sy ny kolontsaina fa tsy voajanahary ;
- Mety hanimba ny fivoaran'ny olona sy ny fifandraisana ara-tsosialy ny hevi-draikitra sasany ;
- Azo atao ary ilaina ny manova ireo fitsipika ara-tsosialy manimba sy mampiroborobo fifandraisana ara-drariny kokoa.

## Tahirin-kevitra 3. Andrim-piarahamonina, mpisehatra ary ny fomba fanabeazana sy fananganana ny lahy sy ny vavy

*(Nalaina lafika avy amin'ny asan'i : Miruka, O. (2007). Gender Mainstreaming Manual. Nairobi : Swedish Cooperative Centre et Vi- Agroforestry, pp. 18-25 et Miruka, O. Wainaina, N, Chege R, et Munyua, A. (2003) Femnet Training Manual on Gender Based Violence. Nairobi : Femnet, pp. 30-41)*

**a) Ny tontolo iainana ao an-tokantrano sy ny fianakaviana**

Eo anivon'ny fianakaviana no manomboka ny fananganana ny fomba fisainana momba ny lahy sy ny vavy. Miseho amin'ny endrika maro izany.

**Fombafomba rehefa teraka**

Ao amin'ny fiarahamonina maro dia misy fomba amam-panao samihafa arakaraka ny lahy na vavy teraka. Ireo fomba ireo dia mampiseho ny toerana sy ny lanja omena ny zaza.

**Ohatra :**

- mety hisy fifaliana lehibe kokoa rehefa lahy ny zaza ;
- mety heverina ho mpandova sy hitondra ny anaran-dray ny zazalahy ;
- indraindray kosa tsy omena lanja mitovy amin'izany ny zazavavy.

**Fitoerana sy lova**

Matetika ny zazalahy no heverina hijanona sy handova ny fananan'ny fianakaviana, raha ny zazavavy kosa antenaina hanambady sy hifindra toerana.
Izany dia mety hiteraka :

- tsy fitoviana amin'ny fampiasam-bola amin'ny fanabeazana ;
- tsy fitoviana amin'ny lova sy fananana.

**Fizarana asa**

Matetika :

- ny vehivavy sy ny zazavavy no manao asa an-trano sy fikarakarana ;
- ny lehilahy kosa no manao asa mitondra vola sy mitana andraikitra politika.

Mety hiteraka tsy fitoviana eo amin'ny fahafahana sy ny fahefana izany.

**Fitaizana sy fanahafana**

Matetika :

- ny zazalahy maka tahaka ny rainy ;
- ny zazavavy maka tahaka ny reniny.

Raha mahita fanjakazakana sy herisetra ao an-tokantrano ny ankizy dia mety haveriny eo amin'ny fiainany izany rehefa lehibe.

**Fandraisana fanapahan-kevitra**

Ao amin'ny tokantrano maro :

- ny lehilahy no mandray fanapahan-kevitra lehibe ;
- ny vehivavy kosa voafetra amin'ny raharaha an-trano.

Izany dia mety hampihena ny fandraisan'anjaran'ny vehivavy amin'ny fitantanana sy ny fanapahan-kevitra.

**Fidiram-bola sy fandaniana**

Matetika :

- ny lehilahy no mividy fananana maharitra ;
- ny vehivavy kosa mandany vola amin'ny sakafo sy ny filàn'ny ankohonana.

Noho izany dia mety tsy hanana fananana voasoratra amin'ny anarany ny vehivavy na dia miasa mafy aza.

**Fitarihana ny fianakaviana**

Matetika ny lehilahy no heverina ho loham-pianakaviana na dia mety tsy izy aza no mitondra ny ankamaroan'ny andraikitra.
Ny fiovan'ny toe-karena sy ny andraikitra anefa dia mety hiteraka :

- fifandirana ;
- fahasosorana ;
- ary indraindray herisetra.

**Teny sy fanabeazana omena ny ankizy**

Ny ankizilahy matetika ampianarina :

- tsy hitomany ;
- ho matanjaka ;
- hiady raha ilaina.

Ny ankizivavy kosa ampianarina :

- hankatò ;
- ho malemy fanahy ;
- hiomana amin'ny maha-vady sy maha-reny.

**Kilalao**

- Ny zazalahy matetika omena kilalao mifandraika amin'ny hery sy teknika ;
- ny zazavavy kosa omena saribakoly sy kilalao an-dakozia.

Izany dia mampitohy ny hevi-draikitra sy ny fizarana andraikitra.

**Fananana sy lova**

Ao amin'ny fiarahamonina maro dia mbola heverina fa an'ny lehilahy ny fananana sy ny lova.

Na dia misy lalàna manohana ny fitoviana aza dia mbola misy kolontsaina manakana ny vehivavy tsy handova. Ny Lalàmpanorenana eto Madagasikara dia miantoka ny zo fototra ananan'ny tsirairay, anisan'izany ny zo hanana tany. Tsy misy fanavahana vehivavy sy lehilahy izany fepetra izany. Toy izany koa, ny lalàna malagasy manankery momba ny lova dia manaiky fa ny zanaka ho laharana voalohany amin'ireo mpandova, tsy misy fanavahana na zazavavy na zazalahy. Araka ny famaritana, ny zanaka dia ireo zaza nateraka iray ra izay voaporofo ara-dalàna ny fihaviany na nekena tamin'ny fomba ara-dalàna, ary tsy nesorin'ny lalàna taminy ny zo handova.

**Fomba amam-panao sy herisetra**

Misy toerana mbola mihevitra fa :

- fomba famaizana ara-dalàna ny herisetra atao amin'ny vehivavy ;
- na mariky ny fitiavana aza indraindray.

Izany dia mampitohy ny fanjakazakana sy ny tsy fitoviana.

**Firazanana sy fanohizan-taranaka**

Ao amin'ny rafitra maro :

- ny anaran-dray no entin'ny ankizy ;
- ny fananana ampitaina amin'ny zazalahy ;
- ny lehilahy no heverina ho mitondra ny taranaka.

**Fomba fampidirana amin'ny maha-olon-dehibe**

Mandritra ny fombafomba fampidirana ho olon-dehibe dia ampianarina ny ankizilahy sy ankizivavy momba ny andraikiny.

Matetika :

- ny ankizilahy ampianarina ho mpitarika sy hanjakazaka ;
- ny ankizivavy kosa ampianarina hankatò sy hikarakara tokantrano.

**Fanambadiana**

Ao amin'ny fiarahamonina maro :

- omena lanja lehibe ny fanambadian'ny vehivavy ;
- ary mety hatao tsinontsinona ny vehivavy tsy manambady.

Mety hanery vehivavy hijanona ao anatin'ny fifandraisana mampijaly izany.

**Vodiondry na fanomezam-panambadiana**

Ny fanomezana entina amin'ny fanambadiana dia natao ho mariky ny fifamatorana teo aloha.
Kanefa amin'izao fotoana izao dia mety :

- hahatonga ny vehivavy ho raisina toy ny fananana ;
- hiteraka fanerena sy herisetra.

**b) Ny sekoly sy ny rafi-panabeazana**

Ny sekoly sy ny rafitra fanabeazana dia manana anjara toerana lehibe amin'ny fananganana ny fomba fijery sy ny fitondran-tenan'ny ankizy momba ny lahy sy ny vavy.
Na dia toerana tokony hampianatra fitoviana aza ny sekoly, dia mbola mety hisy ao anatiny ireo fomba fisainana sy hevi-draikitra mampitohy ny tsy fitoviana.

**Boky sy fitaovam-pampianarana**

Ao anatin'ny boky sy sary ampiasaina any an-tsekoly dia matetika :

- ny lehilahy no aseho ho :
  - mpitarika ;
  - mpiasam-panjakana ;
  - mpahay siansa ;
  - na olona miasa ivelan'ny tokantrano ;
- ny vehivavy kosa aseho ho :
  - mpikarakara tokantrano ;
  - mpanadio ;
  - na mikarakara ankizy.

Izany dia mety hampitohy ny hevi-draikitra momba ny andraikitry ny lahy sy ny vavy.

**Fitondran-tenan'ny mpampianatra**

Indraindray ny mpampianatra dia mety :

- hanome vahana kokoa ny ankizilahy ;
- hamporisika azy ireo hiteny sy handray andraikitra ;
- na hanome asa sarotra kokoa azy ireo.

Ny ankizivavy kosa mety :

- asaina mangina kokoa ;
- omena asa fikarakarana ;
- na tsy ampirisihina handray andraikitra mitovy.

**Fizarana taranja**

Mbola misy taranja heverina fa :

- "an'ny lehilahy" ;

- na “an’ny vehivavy”.

**Ohatra**

- ny siansa sy teknika heverina ho an’ny ankizilahy ;
- ny asa fikarakarana kosa heverina ho an’ny ankizivavy.

Izany dia mety hampihena ny safidy sy ny vintan’ny ankizivavy amin’ny sehatra sasany.

**Fandraisana andraikitra any an-tsekoly**

Matetika :

- ny ankizilahy no tendrena ho filoha na mpitarika ;
- ny ankizivavy kosa omena andraikitra fanampiny na fikarakarana.

Mety hampitohy ny tsy fitoviana eo amin’ny fahatokisan-tena sy ny fitarihana izany.

**Herisetra sy fanilikilihana**

Mety hisy :

- fanesoana ;
- fanararaotana ;
- fanorisorenana ;
- na herisetra ara-nofo

mihatra kokoa amin’ny ankizivavy.
Izany dia mety hiteraka :

- tahotra ;
- fialana an-tsekoly ;
- na fihenan’ny vokatra amin’ny fianarana.

**HAFATRA LEHIBE**

Ny sekoly dia tokony :

- hampiroborobo fitoviana sy fifanajana ;
- hanome fahafahana mitovy ny ankizy rehetra ;
- ary hiady amin’ny hevi-draikitra sy ny herisetra.

**d) Ny haino aman-jery sy ny fampahalalam-baovao**

Ny haino aman-jery dia manana hery lehibe amin’ny fananganana ny fomba fijerin’ny olona ny lahy sy ny vavy.
Mety :

- hampitohy hevi-draikitra ;
- na kosa hanampy amin’ny fanovana fomba fisainana.

**Dokambarotra**

Ao anatin'ny dokambarotra maro :

- ny vehivavy aseho ho :
  - tsara tarehy ;
  - mpikarakara tokantrano ;
  - na miankina amin'ny lehilahy ;
- ny lehilahy kosa aseho ho :
  - matanjaka ;
  - manan-kery ;
  - mpanapa-kevitra ;
  - na mpifehy.

**Sarimihetsika sy tantara**

Ao amin'ny sarimihetsika sy tantara maro :

- ny lehilahy no mpamonjy sy mahery fo ;
- ny vehivavy kosa mila vonjena na miandry fanampiana.

Mety hampitohy fomba fijery tsy mitovy izany.

**Hira sy vazivazy**

Misy hira sy vazivazy :

- manambany vehivavy ;
- manaraby lehilahy maneho fihetseham-po ;
- na mampiroborobo herisetra sy fanjakazakana.

**Tambajotra sosialy**

Ny tambajotra sosialy dia mety :

- hampiely fanilikilihana sy herisetra ;
- na hanaparitaka fahalalana sy hafatra miabo.

Miankina amin'ny fomba fampiasana azy izany.

**HAFATRA LEHIBE**

Tokony hampiasaina :

- hampiroboroboana fitoviana ;
- hanabeazana ;
- ary hiadiana amin'ny hevi-draikitra sy herisetra

ny haino aman-jery sy ny tambajotra sosialy.

**e) Ny fivavahana sy ny kolontsaina**

Ny fivavahana sy ny kolontsaina dia anisan'ny singa lehibe manova sy mandrindra ny fiainan'ny olona.
Mety :

- hanohana fitoviana sy fifanajana ;
- na hampitohy tsy fitoviana sy fanjakazakana.

**Fomba fandikana ny finoana**

Indraindray ny fomba fandikana ny finoana dia mety :

- hanome fahefana bebe kokoa ny lehilahy ;
- hamporisika ny vehivavy hankatò fotsiny ;
- na hanakana ny vehivavy tsy handray andraikitra.

Kanefa misy koa fampiofanana :

- mamporisika fifanajana ;
- fitovian-jo ;
- ary fiaraha-miasa.

**Fomba amam-panao**

Ny fomba amam-panao sasany dia mety :

- hanakana ny vehivavy tsy handray fanapahan-kevitra ;
- hanakana azy tsy handova ;
- na hampitohy fanambadiana aloha loatra.

**Fomba fijery momba ny lehilahy**

Matetika ny lehilahy ampirisihina :

- tsy haneho fahalemena ;
- tsy hitomany ;
- na hampiseho hery mandrakariva.

Mety hiteraka :

- herisetra ;
- fahasarotana amin'ny fifandraisana ;
- na olana ara-tsaina izany.

**HAFATRA LEHIBE**

Ny kolontsaina sy ny fivavahana dia afaka :

- manohana fitoviana ;
- mampiroborobo fandriampahalemana ;
- ary manamafy fifanajana

raha adika sy ampiharina amin'ny fomba manaja ny zon'ny rehetra.

**f) Ny lalàna sy ny andrim-panjakana**

Ny lalàna sy ny andrim-panjakana dia tokony hiaro :

- ny fitovian-jo ;
- ny zon'olombelona ;
- ary ny fiarovana ny olona rehetra.

Na izany aza dia mbola misy elanelana eo amin'ny lalàna sy ny zava-misy.

**Fitoviana eo anatrehan'ny lalàna**

Any amin'ny firenena maro dia efa misy lalàna :

- miaro ny zon'ny vehivavy ;
- miady amin'ny herisetra ;
- ary manohana ny fitovian-jo.

Kanefa indraindray :

- tsy fantatry ny olona ireo lalàna ;
- tsy ampiharina tsara ;
- na voasakan'ny fomba amam-panao.

**Fidirana amin'ny rariny**

Mety ho sarotra amin'ny vehivavy :

- ny manatona fitsarana ;
- ny mitory herisetra ;
- na ny mitaky ny zony.

Ny antony dia mety ho :

- tahotra ;
- fanerena ara-tsosialy ;
- tsy fahampian'ny vola ;
- na tsy fahalalana ny lalàna.

**Fandraisana anjara amin'ny fitantanana**

Mbola matetika :

- vitsy kokoa ny vehivavy amin'ny toerana fanapahan-kevitra ;
- na amin'ny rafitra fitantanana sy politika.

Izany dia mety hampihena ny fandraisan'ny vehivavy anjara amin'ny fitantanana ny harena voajanahary sy ny fampandrosoana.

## HAFATRA LEHIBE

Ilaina :

- ny fanamafisana ny fampiharana lalàna ;
- ny fanabeazana ny olom-pirenena momba ny zony ;
- ary ny fampandraisana anjara mitovy ny vehivavy sy ny lehilahy amin'ny fitantanana sy fanapahan-kevitra.

## FAMINTINANA NY FIZARANA 2

Ny fomba fijery sy ny andraikitra omena ny lahy sy ny vavy dia :

- tsy voajanahary amin'ny ankamaroany ;
- fa vokatry ny fanabeazana sy ny rafitra ara-tsosialy.

Ireo :

- fianakaviana ;
- sekoly ;
- haino aman-jery ;
- fivavahana ;
- kolontsaina ;
- ary lalàna

dia samy mandray anjara amin'ny fananganana ny fomba fisainana momba ny lahy sy ny vavy.

Noho izany dia azo ovaina :

- ny hevi-draikitra ;
- ny fomba fisainana manimba ;
- ary ny tsy fitoviana

amin'ny alalan'ny :

- fanabeazana ;
- fifanakalozan-kevitra ;
- fanamafisana ny zon'olombelona ;
- ary fiaraha-miasa eo amin'ny vehivavy sy ny lehilahy.

## FIZARANA 3 – Fomba maha-lahy sy maha-vavy miabo

**Tanjona amin'ny fampiofanana**

- Mahatakatra ny atao hoe fomba maha-lahy sy maha-vavy miabo ;
- Mamantatra ireo fomba fisainana sy fitondran-tena mety hiteraka fanjakazakana sy herisetra ;
- Mampiroborobo fifandraisana mifototra amin'ny fifanajana sy ny fiaraha-miasa ;
- Manohana ny fitovian-jo sy ny fandraisan'anjaran'ny rehetra.

**Vokatra andrasana**

Rehefa vita ity fizarana ity dia :

- mahafantatra ny maha samy hafa ny fomba maha-lahy sy maha-vavy manimba sy ny fomba miabo ny mpandray anjara ;
- takatra ny fiantraikan'ny hevi-draikitra amin'ny fifandraisana sy ny fiarahamonina ;
- afaka mamolavola fihetsika sy fomba fanao manohana fifanajana sy fitoviana ny mpandray anjara.

**Votoatiny lehibe**

- Hevitry ny fomba maha-lahy sy maha-vavy miabo ;
- Fitsipika ara-tsosialy sy fanerena mahazo ny lahy sy ny vavy ;
- Vokatr'ireo hevi-draikitra amin'ny olona sy ny fiarahamonina ;
- Fifanajana sy fifampiresahana ;
- Fisorohana herisetra sy fanjakazakana.

**Fomba fampitàna**

- Fifanakalozan-kevitra ;
- Asa isam-bondrona ;
- Fanadihadiana tranga ;
- Lalao sy fanazaran-tena ;
- Adihevitra tarihana.

**Faharetany :** Adiny 2 sy sasany.

## Fanazaran-tena 7 – Toeran'ny « boity » lehilahy sy ny vehivavy

**Tanjona**

- Mamantatra ireo zavatra andrasan'ny fiarahamonina amin'ny lehilahy sy ny vehivavy ;
- Mahatakatra ny tsindry sy fanerena ara-tsosialy mianjady amin'ny olona.

**Fomba fanatanterahana**
Asa iarahana amin'ny taratasy lehibe sy adihevitra.

**Faharetany :** 45 minitra.

**Fizotrany**

1. Manorata boaty roa lehibe : "Lehilahy" sy "Vehivavy".
2. Anontanio ny mpandray anjara :

**"Inona avy ireo zavatra andrasan'ny fiarahamonina amin'ny lehilahy ?"**

Soraty ao anaty "boity" ny valiny.

Avy eo : **"Inona avy ireo zavatra andrasan'ny fiarahamonina amin'ny vehivavy?"**
Soraty ao anaty boaty faharoa.

3. Rehefa vita dia anontanio :

- Inona no mitranga rehefa tsy manaraka ireo fitsipika ireo ny olona ?
- Inona avy ny sazy ara-tsosialy mety hiseho ?
- Misy fiantraikany amin'ny fahafahan'ny olona ve ireo fanerena ireo ?

**Ohatra mety hivoaka**
**Lehilahy**

- Tsy tokony hitomany ;
- Tokony ho matanjaka ;
- Tokony hitondra vola ;
- Tokony hitarika ;
- Tsy tokony hatahotra ;
- Tokony hanapa-kevitra.

**Vehivavy**

- Tokony hankatò ;
- Tokony hikarakara tokantrano ;
- Tokony ho malemy fanahy ;
- Tokony hikarakara ankizy ;
- Tsy tokony hiteny mafy ;
- Tokony hanaja sy hanaraka vady.

**Fanontaniana hifanakalozan-kevitra**

- Voajanahary ve ireo zavatra andrasana ireo ?
- Inona ny voka-dratsin'ny fanerena ara-tsosialy ?
- Mety hiteraka herisetra sy fanilikilihana ve izany ?
- Ahoana no ahafahana manova ireo fomba fisainana manimba ?

**HAFATRA LEHIBE**

- Mety hanery sy hanakana ny olona ny hevi-draikitra ;
- Tsy voatery hanaraka fomba fijery manimba ny olona iray vao eken'ny fiarahamonina ;
- Azo ovaina ny fitsipika ara-tsosialy rehefa tsy mampandroso sy manimba.

## Fanazaran-tena 8 – Ny lehilahy sy ny fihetseham-po

**Tanjona**

- Hanampy ny lehilahy hahatakatra fa tsy fahalemena ny maneho fihetseham-po ;
- Hampiroborobo fifandraisana salama sy fifampiresahana.

**Faharetany :** 30 minitra.

**Fizotrany**

1. Anontanio ny mpandray anjara :
- Inona avy ireo fihetseham-po eken'ny fiarahamonina hasehon'ny lehilahy?
- Inona avy ireo voarara na tsikeraina ?
2. Soraty amin'ny tabilao ny valiny.
3. Ataovy ny adihevitra :
- Inona ny vokatra rehefa tsy afaka maneho alahelo na tahotra ny lehilahy ?
- Inona no mety hitranga rehefa terena "ho mafy" mandrakariva ny lehilahy?

**Valiny mety hivoaka**

- Fahatezerana ;
- Herisetra ;
- Tsy fahafahana mifandray tsara amin'ny hafa ;
- Fihenjanana sy fahaketrahana.

**HAFATRA LEHIBE**

- Ny lehilahy koa dia manana fihetseham-po ;
- Tsy fahalemena ny maneho alahelo, tahotra na fangorahana ;

- Ny fifampiresahana sy fihainoana dia manampy amin'ny fifandraisana salama.

## Fanazaran-tena 9 – Ny vehivavy sy ny fahatokisan-tena

**Tanjona**

- Hanamafisana ny fahatokisan-tenan'ny vehivavy ;
- Hamporisihana ny vehivavy handray anjara sy haneho hevitra.

**Faharetany :** 30 minitra.

**Fizotrany**

1. Asaina miteny ny mpandray anjara :
- Inona avy ireo sakana manakana ny vehivavy tsy handray andraikitra ?
- Inona no mampihena ny fahatokisan-tenany ?
2. Soratana ny valiny.
3. Asaina manolotra vahaolana ny vondrona.

**Valiny mety hivoaka**

**Sakana**

- Tahotra ;
- Fanilikilihana ;
- Tsy fahazoana miteny ;
- Tsy fanohanana ;
- Fomba fisainana manambany.

**Vahaolana**

- Fampiofanana ; Fanohanana ; Famporisihana ;
- Fanomezana sehatra hitenenana ;
- Fampidirana vehivavy amin'ny fanapahan-kevitra.

**HAFATRA LEHIBE**

- Manana fahaiza-manao sy fahafahana mitovy ny vehivavy ;
- Zava-dehibe ny fandraisan'anjaran'ny vehivavy amin'ny fampandrosoana sy fitantanana ;
- Mila omena sehatra sy tohana ny vehivavy.

## Fanazaran-tena 10 – Fifanaraha-miasa eo amin'ny lahy sy ny vavy

**Tanjona**

- Hampiseho ny maha-zava-dehibe ny fiaraha-miasa ;
- Hampiroborobo fifandraisana mifototra amin'ny fifanajana sy ny fifampizarana andraikitra.

**Faharetany :** 35 minitra.

**Fizotrany**

1. Zaraina vondrona ny mpandray anjara.
2. Omena toe-javatra iray :

**Ohatra :**

- fitantanana tokantrano ;
- asa fambolena ;
- fitantanana ala ;
- fitantanana rano ;
- fanabeazana ankizy.

3. Angatahana ny vondrona :

- hamaritra ny andraikitry ny lahy sy ny vavy ;
- handinika ny tsy fitoviana ;
- hanolotra fomba fiaraha-miasa mirindra kokoa.

4. Famelabelarana sy adihevitra.

**HAFATRA LEHIBE**

- Rehefa miara-miasa sy mifampizara andraikitra ny lahy sy ny vavy dia :
    - mihatsara ny fifandraisana ;
    - mihena ny fifandirana ;
    - ary mahomby kokoa ny asa sy ny fitantanana.

## Fanazaran-tena 11 – Herisetra sy fomba fisorohana azy

**Tanjona**

- Mamantatra ireo endrika herisetra mifototra amin'ny lahy sy ny vavy ;
- Mampiroborobo fomba fisorohana sy fiarovana.

**Faharetany :** 40 minitra.

**Votoatiny**

- Herisetra ara-batana ;
- Herisetra ara-tsaina ;
- Herisetra ara-toekarena ;
- Herisetra ara-nofo ;
- Fanerena sy fanjakazakana.

**Fizotrany**

1. Anontanio ny mpandray anjara :

- Inona avy ireo endrika herisetra hita eny amin'ny fiarahamonina ?
- Inona no mahatonga azy ?
- Iza no tena voakasika ?

2. Diniho miaraka :

- ny vokatrin'ny herisetra ;
- ny fomba fisorohana ;
- ny andraikitry ny lehilahy sy ny vehivavy amin'ny fisorohana azy.

### HAFATRA LEHIBE

- Tsy azo ekena ny herisetra amin'ny endriny rehetra ;
- Ny fifanajana sy ny fifampiresahana no fototry ny fisorohana herisetra
- Samy manana andraikitra amin'ny fisorohana herisetra ny lehilahy sy ny vehivavy.

### FAMINTINANA NY FIZARANA 3

Ny fomba maha-lahy sy maha-vavy miabo dia mifototra amin'ny fifanajana ; fitovian-jo ; fiaraha-miasa ; fifampiresahana ; ary fandavana ny herisetra sy fanjakazakana.

Ny Hevi-draikitra sy ny fanerena ara-tsosialy dia mety hanimba ny olona ; hampitohy herisetra ; ary hampitombo tsy fitoviana.

Noho izany dia ilaina :

- ny fanovana fomba fisainana ;
- ny fanabeazana ;
- ny fanohanana fifandraisana mirindra ;
- ary ny fampandraisana anjara mitovy ny lahy sy ny vavy amin'ny fiainam-piarahamonina sy ny fitantanana maharitra ny harena voajanahary.



## Tahirin-kevitra 4. Fomba maha-lehilahy sy maha-vehivavy

**Tanjona**

- Mahatakatra ny atao hoe fomba maha-lehilahy sy maha-vehivavy ;
- Mandinika ny fiantraikan'ny "stéréotype" amin'ny fiainana andavanandro ;
- Mamantatra ireo fomba fisainana mety hiteraka tsy fitoviana sy herisetra.

**Fampidirana**

Ny fiarahamonina dia mametraka andrasana manokana amin'ny :

- lehilahy ;
- vehivavy ;
- ankizilahy ;
- ary ankizivavy.

Ireo andrasana ireo no antsoina hoe :

- fomba maha-lehilahy ;
- sy fomba maha-vehivavy.

Mety :

- miova arakaraka ny kolontsaina ;
- miova arakaraka ny fotoana ;
- ary tsy mitovy amin'ny toerana rehetra.

**OHATRA MOMBA NY FOMBA MAHA-LEHILAHY**

Matetika ny lehilahy dia andrasana :

- ho matanjaka ;
- tsy hitomany ;
- hitarika ;
- hitondra vola ;
- tsy hatahotra ;
- hanapa-kevitra.

## OHATRA MOMBA NY FOMBA MAHA-VEHIVAVY

Matetika ny vehivavy dia andrasana :

- ho malemy fanahy ;
- hikarakara ankizy ;
- hanao asa an-trano ;
- hankatò ;
- tsy hiteny mafy ;
- hanohana ny vady.

## FIANTRAIKAN'IREO HEVI-DRAIKITRA

**Mety hisy vokany tsara sasany**

- Fahafantarana andraikitra ;
- Fikajiana soatoavina sasany ;
- Firaisan-kina eo amin'ny fiarahamonina.

**Saingy mety hiteraka olana koa:**

**Ho an'ny lehilahy**

- Tsy fahafahana maneho fihetseham-po ;
- Fanerena ho "mafy" foana ;
- Herisetra ;
- Fihenjanana sy adin-tsaina.

**Ho an'ny vehivavy**


- Tsy fahafahana mandray fanapahan-kevitra ;
- Fanilikilihana ;
- Tsy fitoviana amin'ny fanabeazana sy asa ;
- Herisetra sy fanjakazakana.

**FANONTANIANA HIFANAKALOZAN-KEVITRA**

- Inona avy ireo hevi-draikitra hita eo amin'ny fiarahamoninareo ?
- Misy fiantraikany amin'ny ankizy ve izany ?
- Ahoana no hanovana ireo fomba fisainana manimba ?

**HAFATRA LEHIBE**

- Tsy voatery hanaraka hevi-draikitra ny olona vao eken'ny fiarahamonina ;
- Samy afaka :
    - mitarika ;
    - maneho fihetseham-po ;
    - mandray andraikitra ;
    - ary mandray fanapahan-kevitra ny lahy sy ny vavy ;
- Ny fifanajana sy fitovian-jo dia manampy amin'ny fananganana fiarahamonina mirindra.



## Tahirin-kevitra 5. Fitsipika "Code" maha-lehilahy

**Tanjona**

- Mandinika ireo fitsipika sy fanerena ara-tsosialy apetraka amin'ny lehilahy ;
- Mahatakatra ny fiantraikan'izany amin'ny fihetsika sy fifandraisana ;
- Mampiroborobo fomba maha-lehilahy miabo sy manaja.

**Fampidirana**

Ao amin'ny fiarahamonina maro dia misy fitsipika tsy voasoratra milaza :

- ny tokony ho toetran'ny lehilahy ;
- ny fomba tokony hitondrany tena ;
- ary izay heverina ho "tena lehilahy".

Ireo fitsipika ireo no azo antsoina hoe : **"Fitsipika maha-lehilahy".**

Matetika izy ireo dia ampianarina :

- hatramin'ny fahazazana ;
- amin'ny alalan'ny fianakaviana ;
- sekoly ;
- namana ;
- haino aman-jery ;
- ary kolontsaina.

**OHATRA AMIN'NY KAODIN'NY MAHA-LEHILAHY**

Matetika ny lehilahy dia asaina :

- tsy hitomany ;
- tsy hatahotra ;
- tsy haneho fahalemena ;
- ho mahery sy matanjaka ;
- hitarika ;
- hanana vola ;
- tsy hihemotra ;
- ho mpanapa-kevitra ;
- hanjakazaka indraindray ;
- tsy hanao asa heverina ho "asan'ny vehivavy".

## FIANTRAIKAN'IREO FANERENA IREO

**Mety hisy vokany ratsy amin'ny lehilahy**

**Ara-pihetseham-po**

- Tsy fahafahana maneho alahelo ;
- Fitazonana olana irery ;
- Adin-tsaina sy fahaketrahana.

**Ara-pifandraisana**

- Fahasarotana mifampiresaka ;
- Herisetra ;
- Fanjakazakana ;
- Tsy fihainoana ny hafa.

**Ara-pahasalamana**

- Fisotroana toaka tafahoatra ;
- Fitondran-tena mampidi-doza ;
- Tsy fitadiavana fitsaboana ara-potoana.

## FIANTRAIKANY EO AMIN'NY VEHIVAVY SY NY FIAHAVANANA

Rehefa terena hanjakazaka sy "ho mafy" mandrakariva ny lehilahy dia mety :

- hitombo ny herisetra ;
- hihena ny fifampiresahana ;
- hisy tsy fitoviana amin'ny fanapahan-kevitra ;
- ary hiharatsy ny fifandraisana ao an-tokantrano sy eo amin'ny fiarahamonina.

## FANONTANIANA HIFANAKALOZAN-KEVITRA

- Inona avy ireo zavatra andrasan'ny fiarahamonina amin'ny lehilahy ?
- Misy fanerena ve mahazo ny lehilahy ?
- Inona no mety ho vokatr'izany ?
- Ahoana no mety hanovana ireo fomba fisainana manimba ?

**HAFATRA LEHIBE**

- Tsy voatery hanjakazaka vao “tena lehilahy” ;
- Tsy fahalemena ny :
    - maneho fihetseham-po ;
    - mihaino ;
    - miresaka ;
    - na mangataka fanampiana ;
- Ny lehilahy miabo dia :
    - manaja ;
    - mihaino ;
    - miara-miasa ;
    - ary mandray andraikitra am-pilaminana.



## Tahirin-kevitra 6. Lehilahy fakan-tahaka

**Tanjona**

- Mamantatra ireo toetra tsara azo anahafana ;
- Mampiroborobo fomba maha-lehilahy miabo ;
- Manamafy ny andraikitry ny lehilahy amin'ny fitovian-jo sy fandriampahalemana.

**Fampidirana**

Misy fiantraikany lehibe amin'ny :

- ankizy ;
- tanora ;
- ary fiarahamonina

ny fitondran-tenan'ireo lehilahy heverina ho :

- mpitarika ;
- ray ;
- mpampianatra ;
- na olona hajaina.

Noho izany dia zava-dehibe ny fananana : **lehilahy fakan-tahaka miabo.**

**TOETRAN'NY LEHILAHY FAKAN-TAHAKA MIABO**

Ny lehilahy fakan-tahaka dia :

- manaja ny hafa ;
- mihaino ;
- tsy mampiasa herisetra ;
- mandray andraikitra ;
- manaja ny zon'ny vehivavy sy ny ankizy ;
- mizara andraikitra ao an-tokantrano ;
- manampy amin'ny fanabeazana ;
- mandray fanapahan-kevitra amin'ny fifampidinihana ;
- miaro ny tontolo iainana sy ny harena voajanahary.

## OHATRA AMIN'NY FITONDRAN-TENA MIABO

### Ao an-tokantrano

- Manampy amin'ny asa an-trano ;
- Mihaino ny hevitry ny vady ;
- Mandray anjara amin'ny fikarakarana ankizy.

### Eo amin'ny fiarahamonina

- Manaja ny hevitry ny vehivavy ;
- Misoroka herisetra ;
- Mamporisika fitovian-jo ;
- Mandray anjara amin'ny hetsika fampandrosoana.

### Eo amin'ny tontolo iainana

- Miaro ala sy rano ;
- Mamporisika fitantanana maharitra ;
- Miara-miasa amin'ny rehetra.

## FANONTANIANA HIFANAKALOZAN-KEVITRA

- Iza avy ireo lehilahy heverina ho fakan-tahaka eo amin'ny fiarahamonina ?
- Inona ny toetra tsara ananany ?
- Ahoana no ahafahan'ny lehilahy manampy amin'ny fitovian-jo sy fandriampahalemana ?

## HAFATRA LEHIBE

- Ny tena hery dia :
    - ny fifanajana ;
    - ny fifehezan-tena ;
    - ary ny fiaraha-miasa ;
- Ny lehilahy miabo dia :
    - tsy mampiasa herisetra ;
    - manaja ny hafa ;
    - ary mandray andraikitra amin'ny fomba marina sy mandray anjara.

## Tahirin-kevitra 7a. Fomba maha-lehilahy miabo sy maha-vehivavy miabo

**Tanjona**

- Mahatakatra ny atao hoe fomba maha-lehilahy miabo sy maha-vehivavy miabo ;
- Mampiroborobo fitondran-tena mifototra amin'ny fifanajana sy fiaraha-miasa ;
- Mandrisika fihetsika manohana fitovian-jo sy fandriampahalemana.

**Fampidirana**

Ny fomba maha-lehilahy sy maha-vehivavy dia :

- tsy voatery hifototra amin'ny fanjakazakana ;
- tsy tokony hiteraka herisetra ;
- ary tsy tokony hanakana ny olona tsy haneho ny maha-izy azy.

Azo ampiroboroboina kosa ny :

- fomba maha-lehilahy miabo ;
- sy fomba maha-vehivavy miabo.

izay mifototra amin'ny :

- fifanajana ;
- fifampitokisana ;
- fiaraha-miasa ; ary fitovian-jo.

**TOETRAN'NY FOMBA MAHA-LEHILAHY MIABO**

Ny lehilahy miabo dia :

- manaja ny zon'ny hafa ;
- tsy mampiasa herisetra ;
- mihaino sy mifampiresaka ;
- mizara andraikitra ;
- maneho fihetseham-po amim-panajana ;
- mandray andraikitra amin'ny fianakaviana sy fiarahamonina ;
- miaro ny tontolo iainana ;
- manohana ny fitovian-jo.

## TOETRAN'NY FOMBA MAHA-VEHIVAVY MIABO

Ny vehivavy miabo dia :

- matoky tena ;
- mahay maneho hevitra ;
- mandray anjara amin'ny fanapahan-kevitra ;
- manaja ny hafa ;
- miara-miasa ;
- mandray andraikitra ;
- mampiroborobo fandriampahalemana sy fifanajana.

## FIFANDRAISANA MIABO EO AMIN'NY LAHY SY NY VAVY

Ny fifandraisana miabo dia :

- mifototra amin'ny fifampiresahana ;
- ahitana fihainoana sy fifanajana ;
- tsy misy herisetra ;
- mizara andraikitra ;
- ary mandray fanapahan-kevitra iarahana.

## OHATRA FITONDRAN-TENA MIABO

### Ao an-tokantrano

- Fifampizarana asa ;
- Fihainoana ny hevitry ny rehetra ;
- Fikarakarana ankizy iarahana.

### Eo amin'ny fiarahamonina

- Fandraisana anjaran'ny vehivavy sy lehilahy ;
- Fifampidinihana ;
- Fisorohana herisetra ;
- Fampiroboroboana fandriampahalemana.

### Eo amin'ny tontolo iainana

- Fiaraha-mitantana loharanon-karena ;
- Fampandraisana anjara ny rehetra ;
- Fiarovana ny ala sy rano.

**FANONTANIANA HIFANAKALOZAN-KEVITRA**

- Inona no atao hoe lehilahy miabo ?
- Inona no atao hoe vehivavy miabo ?
- Inona avy ireo fitondran-tena tokony hampiroboroboina ?
- Ahoana no ahafahana manangana fifandraisana mirindra ?

**HAFATRA LEHIBE**

- Samy afaka :
    - mitarika ;
    - maneho fihetseham-po ;
    - mandray andraikitra ;
    - ary mandray fanapahan-kevitra ny lahy sy ny vavy ;
- Ny fifanajana sy fiaraha-miasa no fototry ny fiarahamonina mirindra.



## Tahirin-kevitra 7b. “Mitondra tena toy ny lehilahy” / “Mitondra tena toy ny vehivavy”

**Tanjona**

- Mandinika ireo fomba fiteny sy ny hevi-draikitra ampiasaina eo amin’ny fiarahamonina ;
- Mahatakatra ny fiantraikan’izany amin’ny ankizy sy olon-dehibe ;
- Mamporisika fomba firesaka manaja sy tsy manavakavaka.

**Fampidirana**

Ao amin’ny fiarahamonina dia matetika misy fomba fiteny toy ny :

- “Mitondrà tena toy ny lehilahy” ;
- “Aza mitomany fa lehilahy ianao” ;
- “Tsy asan-dehilahy izany” ;
- “Tokony hangina ny vehivavy” ;
- “Tsy mety amin’ny vehivavy izany”.

Ireo teny ireo dia :

- mampita hevi-draikitra ;
- mametra ny olona ;
- ary mety hiteraka tsy fitoviana sy fanerena.

**FIANTRAIKAN’IREO TENY IREO**

**Ho an’ny ankizilahy sy lehilahy**

- Tsy fahafahana maneho alahelo ;
- Tahotra ho heverina ho malemy ;
- Fanerena hanjakazaka ;
- Herisetra sy adin-tsaina.

**Ho an’ny ankizivavy sy vehivavy**

- Tsy fahatokisan-tena ;
- Tahotra hiteny ;
- Tsy fandraisana andraikitra ;
- Fanilikilihana sy tsy fitoviana.

**OHATRA TENY TSARA KOKOA**


| Teny manimba | Teny manaja kokoa |
|---|---|
| "Aza mitomany fa lehilahy ianao" | "Afaka maneho fihetseham-po ny rehetra" |
| "Tsy asan-dehilahy izany" | "Afaka manao izany ny rehetra" |
| "Tokony hangina ny vehivavy" | "Manan-jo haneho hevitra ny rehetra" |
| "Lehilahy no manapa-kevitra" | "Tsara kokoa ny fifampidinihana" |

**FANONTANIANA HIFANAKALOZAN-KEVITRA**

- Inona avy ireo teny na fomba fiteny mahazatra eo amin'ny fiarahamonina?
- Misy fiantraikany amin'ny ankizy ve izany ?
- Ahoana no hanovana ireo fomba firesaka manimba ?

**HAFATRA LEHIBE**

- Misy hery lehibe ny teny ampiasaintsika ;
- Afaka :
    - manangana ;
    - manimba ;
    - na manavakavaka ny teny ;
- Zava-dehibe ny fampiasana teny :
    - manaja ;
    - mamporisika ;
    - ary tsy manavakavaka.



## Tahirin-kevitra 8. Antony ilàna fanovana ny fomba maha-lehilahy

**Tanjona**

- Mahatakatra ny antony maha-zava-dehibe ny fanovana ireo fomba fisainana manimba ;
- Mandinika ny fiantraikan'ny hevi-draikitra amin'ny lehilahy sy ny vehivavy ;
- Mampiroborobo fomba maha-lehilahy miabo sy mandray anjara.

**Fampidirana**

Ao amin'ny fiarahamonina maro dia mbola misy fomba fisainana milaza fa :

- ny lehilahy no tokony hanjakazaka ;
- tsy tokony haneho fihetseham-po izy ;
- tsy tokony hanao asa sasany ;
- ary tokony ho "mahery" mandrakariva.

Na dia mety heverina ho fomba nentim-paharazana aza izany dia mety :

- hiteraka herisetra ;
- hanimba fifandraisana ;
- hampitombo adin-tsaina ;
- ary hanakana fitovian-jo.

Noho izany dia ilaina ny fanovana ny fomba maha-lehilahy manimba mba hananganana fiarahamonina :

- mirindra ;
- mandray anjara ;
- ary tsy mampiasa herisetra.

**ANTONY ILÀNA NY FANOVANA**

**1. Fisorohana herisetra**

Ny fanjakazakana sy ny finoana fa "mahazo mifehy" ny lehilahy dia mety :

- hiteraka herisetra ;
- hampitombo tahotra ;
- ary hanimba tokantrano sy fiarahamonina.

Ny lehilahy miabo kosa :

- mifampiresaka ;
- manaja ;
- ary tsy mampiasa herisetra.

**2. Fanatsarana fifandraisana ao an-tokantrano**

Rehefa :

- mizara andraikitra ;
- mihaino ;
- ary mifampiresaka

ny lahy sy ny vavy dia :

- mihena ny fifandirana ;
- mitombo ny fifampitokisana ;
- ary mihatsara ny fiainan'ny fianakaviana.

**3. Fahasalaman'ny lehilahy**

Ny fanerena ny lehilahy :

- tsy hitomany ;
- tsy haneho alahelo ;
- na tsy hangataka fanampiana

dia mety :

- hampitombo adin-tsaina ;
- hiteraka fahaketrahana ;
- ary hanimba fahasalamana.

**4. Fampandrosoana sy fitovian-jo**

Ny fiaraha-miasan'ny lahy sy ny vavy dia :

- manamafy fampandrosoana ;
- manatsara fitantanana loharanon-karena ;
- ary mampitombo fandraisan'anjara.

**5. Fiarovana ny ankizy sy ny tanora**

Ny ankizy dia mianatra amin'ny :

- zavatra hitany ;
- zavatra reny ;
- ary fitondran-tenan'ny olon-dehibe.

Noho izany dia zava-dehibe ny fananana :

- lehilahy fakan-tahaka miabo ;
- sy fifandraisana mifototra amin'ny fifanajana.

**INONA NO AZO OVAINA ?**

Afaka ovaina :

- ny fomba firesaka ;
- ny fomba fanabeazana ;
- ny fomba fifandraisana ;
- ny fomba fandraisana fanapahan-kevitra ;
- ary ny hevi-draikitra manimba.

**OHATRA FANOVANA MIABO**


| Fomba taloha | Fomba miabo |
|---|---|
| Lehilahy ihany no manapa-kevitra | Fifampidinihana |
| Vehivavy manao asa rehetra ao an-trano | Fifampizarana andraikitra |
| Tsy mahazo mitomany ny lehilahy | Afaka maneho fihetseham-po ny rehetra |
| Herisetra rehefa misy olana | Fifampiresahana sy fihainoana |

**FANONTANIANA HIFANAKALOZAN-KEVITRA**

- Inona avy ireo fomba fisainana tokony hovaina ?
- Inona ny vokatra tsara azo avy amin'ny fanovana ?
- Ahoana no ahafahan'ny lehilahy mandray anjara amin'ny fitovian-jo ?

**HAFATRA LEHIBE**

- Azo ovaina ny fomba maha-lehilahy manimba ;
- Ny lehilahy miabo dia :
  - manaja ;
  - mihaino ;
  - miara-miasa ;
  - ary mandray andraikitra am-pilaminana ;
- Ny fanovana dia manampy amin'ny :
  - fandriampahalemana ;
  - fitovian-jo ;
  - ary fampandrosoana maharitra.



# FIZARANA 4 – Fifandraisan-kery sy fahefana eo amin'ny lahy sy ny vavy

**Tanjona amin'ny fampiofanana**

- Mahatakatra ny atao hoe fahefana sy fifandraisan-kery ;
- Mamantatra ny fomba isehoan'ny fahefana eo amin'ny fiainana andavanandro ;
- Mandinika ny fiantraikan'ny tsy fitovian-kery eo amin'ny lahy sy ny vavy ;
- Mampiroborobo fomba fampiasana fahefana mifototra amin'ny fifanajana sy ny fiaraha-miasa.

**Vokatra andrasana**

Rehefa vita ity fizarana ity dia :

- takatra ny karazana fahefana samihafa ;
- fantatra ny fomba isehoan'ny fanjakazakana sy ny tsy fitoviana ;
- mahay mandinika ny fifandraisan-kery eo amin'ny fiarahamonina ny mpandray anjara ;
- afaka mamolavola fomba fiaraha-miasa ara-drariny kokoa izy ireo.

**Votoatiny lehibe**

- Hevitry ny fahefana sy fifandraisan-kery ;
- Karazana fahefana ;
- Fanjakazakana sy tsy fitoviana ;
- Fandraisana fanapahan-kevitra ;
- Fahatokisan-tena sy fandraisan'anjara.

**Fomba fampitàna**

- Adihevitra tarihana ;
- Asa anaty vondrona ;
- Fanadihadiana tranga ;
- Lalao sy fanazaran-tena ;
- Fifanakalozan-kevitra.

**Faharetany :** Adiny 2 sy sasany.

## Fanazaran-tena 12 – Inona ny atao hoe fahefana ?

**Tanjona**

- Hampitovy ny fahatakarana momba ny atao hoe fahefana ;
- Hampiseho fa tsy voatery ho ratsy ny fahefana.

**Faharetany :** 30 minitra.

**Fizotrany**

1. Anontanio ny mpandray anjara :

**"Inona no tonga ao an-tsainareo rehefa mandre ny teny hoe fahefana ?"**

2. Soraty amin'ny tabilao ny valiny.
3. Zarao amin'ny sokajy ireo valiny :
   - fahefana manery ;
   - fahefana iarahana ;
   - hery anaty ;
   - fahefana manao zavatra.
4. Atao ny adihevitra.

**Valiny mety hivoaka**

**Fahefana manery**

- Fanjakazakana ;
- Fibaikoana ;
- Herisetra ;
- Fanerena.

**Fahefana iarahana**

- Fiaraha-miasa ;
- Fifampizarana andraikitra ;
- Fifanampiana.

**Hery anaty**

- Fahatokisan-tena ;
- Fahaizana maneho hevitra ;
- Fahaizana mandray fanapahan-kevitra.

**Fahefana manao zavatra**

- Fahaizana manova toe-javatra ;
- Fahafahana mandray andraikitra ;
- Fandraisana anjara amin'ny fiarahamonina.

**HAFATRA LEHIBE**

- Tsy voatery ho ratsy ny fahefana ;
- Miankina amin'ny fomba fampiasana azy ny vokany ;
- Ny fahefana tsara dia ilay :
    - manampy ;
    - mampandroso ;
    - ary manamafy ny fiaraha-miasa.

## Fanazaran-tena 13 – Aiza no misy ny fahefana ?

**Tanjona**

- Mamantatra ny toerana isehoan'ny fahefana eo amin'ny fiainana andavanandro ;
- Mandinika ny tsy fitoviana eo amin'ny lahy sy ny vavy.

**Faharetany :** 35 minitra.

**Fizotrany**

1. Zaraina ho vondrona ny mpandray anjara.
2. Omena sehatra iray isaky ny vondrona :
- tokantrano ;
- sekoly ;
- fiarahamonina ;
- asa ;
- fikambanana ;
- fitantanana harena voajanahary.
3. Angatahana ny vondrona hamaly :
- Iza no mandray fanapahan-kevitra ?
- Iza no manana fahefana bebe kokoa ?
- Iza no tsy dia re feo ?
- Inona no antony ?
4. Famelabelarana sy adihevitra.

**HAFATRA LEHIBE**

Matetika :

- tsy mitovy ny fahefana sy ny fahafahana eo amin'ny lahy sy ny vavy ;
- mety hampihena ny fandraisan'anjaran'ny vehivavy izany ;
- ary mety hampitohy fanjakazakana sy tsy fitoviana.

## Fanazaran-tena 14 – Ny hazon'ny fahefana

**Tanjona**

- Hampiseho ny fifandraisan'ny antony sy ny vokatr'ny tsy fitovian-kery.

**Faharetany :** 40 minitra.

**Fizotrany**

1. Manaova sary hazo lehibe :

- fakany ;
- vatany ;
- sampany ;
- raviny.

2. Asaina fenoin'ny mpandray anjara :

**Fakany**

Ny antony mahatonga ny tsy fitoviana :

- Hevi-draikitra ;
- fomba amam-panao ;
- fanabeazana ;
- tsy fitoviana amin'ny fananana ;
- lalàna tsy ampiharina.

**Vatany**

Ny endriky ny tsy fitoviana :

- fanjakazakana ;
- tsy fahafahana mandray fanapahan-kevitra ;
- tsy fitoviana amin'ny asa sy karama ;
- herisetra.

**Sampany sy raviny**

Ny vokany :

- fahantrana ;
- tsy fandriampahalemana ;
- tsy fahatokisan-tena ;
- olana eo amin'ny tokantrano ;
- fahasimban'ny fiarahamonina.

3. Adihevitra iarahana.

**HAFATRA LEHIBE**

- Misy antony lalina ny tsy fitovian-kery ;
- Raha tsy voavaha ireo antony ireo dia hitohy ny olana ;
- Ilaina ny fiaraha-miasa amin'ny fanovana ny rafitra sy ny fomba fisainana.

## Fanazaran-tena 15 – Fandraisana fanapahan-kevitra ao an-tokantrano

**Tanjona**

- Mandinika ny fomba fandraisana fanapahan-kevitra ao an-tokantrano ;
- Mampiroborobo fifampiresahana sy fifampizarana andraikitra.

**Faharetany :** 35 minitra.

**Fizotrany**

1. Anontanio ny mpandray anjara : **Iza no manapa-kevitra momba ny :**
- vola ;
- fanabeazana ankizy ;
- fambolena ;
- fananana ;
- fahasalamana ;
- fitsidihana havana ;
- fividianana lehibe ?
2. Soraty ny valiny.
3. Diniho miaraka :
- mitovy ve ny fandraisan'anjara ?
- misy olona tsy re feo ve ?
- inona ny vokany ?
4. Angataho ny mpandray anjara hanolotra fomba fanatsarana ny fifampiresahana sy ny fanapahan-kevitra iarahana.

**HAFATRA LEHIBE**

- Mahasoa kokoa ny fanapahan-kevitra iarahana ;
- Rehefa samy mandray anjara ny lahy sy ny vavy dia :
    - mihena ny fifandirana ;
    - mihatsara ny fitantanana ;
    - ary mahazo tombony kokoa ny ankohonana.

## Fanazaran-tena 16 – Fahatokisan-tena sy fandraisana anjara

**Tanjona**

- Hanamafisana ny fahatokisan-tena sy ny fandraisan'anjara ;
- Hamporisihana ny olona handray andraikitra.

**Faharetany :** 30 minitra.

**Fizotrany**

1. Asaina mieritreritra ny mpandray anjara :
- zavatra iray hainy tsara ;
- zavatra iray efa vitany sy reharehany.
2. Zaraintsika amin'ny vondrona kely izany.
3. Adihevitra :
- Inona no manakana ny olona tsy handray andraikitra ?
- Inona no mampitombo ny fahatokisan-tena ?

**Valiny mety hivoaka**

**Sakana**

- Tahotra ;
- fanesoana ;
- tsy fahampian'ny fanohanana ;
- fanilikilihana ;
- Hevi-draikitra.

**Zavatra manampy**

- Famporisihana ;
- fanabeazana ;
- fanohanana ;
- fanomezana sehatra ;
- fiaraha-miasa.

**HAFATRA LEHIBE**

- Samy manana hery anaty sy fahaiza-manao ny olona rehetra ;
- Mila omena sehatra sy tohana ny lahy sy ny vavy ;
- Ny fahatokisan-tena dia manampy amin'ny fandraisana andraikitra sy fanovana tsara.

## Fanazaran-tena 17 – Fahefana sy fitantanana ny harena voajanahary

**Tanjona**

- Mampifandray ny fifandraisan-kery sy ny fitantanana ny harena voajanahary ;
- Mandinika ny fandraisan'anjaran'ny lahy sy ny vavy.

**Faharetany :** 40 minitra.

**Fizotrany**

1. Zaraina vondrona ny mpandray anjara.
2. Omena lohahevitra iray :
- ala ;
- rano ;
- tany ;
- jono ;
- fambolena.
3. Angatahana ny vondrona handinika :
- Iza no mandray fanapahan-kevitra ?
- Iza no tena miasa ?
- Iza no mahazo tombony bebe kokoa ?
- Misy olona voailika ve ?
4. Famelabelarana sy adihevitra.

**HAFATRA LEHIBE**

- Rehefa tsy mitovy ny fahefana dia mety tsy hitovy koa ny fahazoana tombony sy ny fandraisana anjara ;
- Zava-dehibe ny fampandraisana anjara ny vehivavy sy ny lehilahy amin'ny fitantanana ny harena voajanahary ;
- Ny fiaraha-miasa sy ny fitoviana dia manampy amin'ny fitantanana maharitra kokoa.

**FAMINTINANA NY FIZARANA 4**

Ny fahefana sy ny fifandraisan-kery dia hita amin'ny sehatra rehetra eo amin'ny fiainana :

- tokantrano ;
- sekoly ;
- asa ;
- fiarahamonina ;
- ary fitantanana ny harena voajanahary.

Raha tsy mitovy ny fahefana sy ny fahafahana dia mety :

- hisy fanilikilihana ;
- hitombo ny herisetra ;
- hihena ny fandraisan'anjara ;
- ary tsy hahomby ny fampandrosoana.

Noho izany dia ilaina :

- ny fifampiresahana ;
- ny fanamafisana ny fahatokisan-tena ;
- ny fampandraisana anjara mitovy ;
- ary ny fampiasana fahefana amin'ny fomba manaja sy mampandroso ny rehetra.



## Tahirin-kevitra 9. Karazana fahefana sy hery

**Tanjona**

- Mahatakatra ny atao hoe fahefana sy hery ;
- Mamantatra ireo karazana fahefana misy eo amin'ny fiarahamonina ;
- Mandinika ny fomba ampiasana fahefana amin'ny fomba miabo na manimba.

**Fampidirana**

Ny fahefana dia :

- fahafahana ;
- hery ;
- na fomba ahafahan'ny olona iray :
    - mandray fanapahan-kevitra ;
    - mitaona ny hafa ;
    - na mifehy toe-javatra.

Samy manana endrika sy fomba isehoany ny fahefana.

Afaka :

- manampy sy mampandroso ; na
- manindry sy manavakavaka izany arakaraka ny fampiasana azy.

**KARAZANA FAHEFANA**

**1. Fahefana manindry na manjakazaka**

Izany dia :

- fampiasana hery ;
- fandrahonana ;
- na fanerena
  mba hifehezana ny hafa.

**Ohatra**

- Herisetra ;
- fandrahonana ;
- tsy fanomezana fahafahana hiteny ;
- fanapahan-kevitra ataon'olona iray irery.

**2. Fahefana avy amin'ny fahalalana**

Ny olona manana :

- fahalalana ;
- traikefa ;
- na fahaiza-manao

dia mety hanana fahefana hitaona ny hafa.

**Ohatra**

- Mpampianatra ;
- mpanentana ;
- ray aman-dreny ;
- mpitondra fiarahamonina.

**3. Fahefana iarahana**

Io no :

- fiaraha-miasa ;
- fifampizarana ;
- ary fifampidinihana

eo amin'ny olona na vondrona.

**Ohatra**

- Fanapahan-kevitra iarahana ;
- asa iarahana ;
- fitantanana mandray anjara.

**4. Fahefana anaty**

Izany dia :

- fahatokisan-tena ;
- fahasahiana ;
- fahafahana maneho hevitra ;
- ary fahatsapana ny maha-zava-dehibe ny tena.

## FAHEFANA SY LAHY SY VAVY

Matetika eo amin'ny fiarahamonina :

- tsy mitovy ny fahefana ananan'ny lahy sy ny vavy ;
- ny lehilahy no omena sehatra bebe kokoa ;
- ary mety tsy ho re ny feon'ny vehivavy sy ny tanora.

Noho izany dia ilaina :

- ny fifampizarana fahefana ;
- ny fandraisana anjara mitovy ;
- ary ny fifampidinihana.

## FANONTANIANA HIFANAKALOZAN-KEVITRA

- Inona avy ireo karazana fahefana hita eo amin'ny fiarahamonina ?
- Ahoana no ampiasan'ny olona fahefana ?
- Inona no maha-samy hafa ny fahefana manindry sy ny fahefana iarahana ?
- Ahoana no hampiroboroboana fahefana miabo ?

## HAFATRA LEHIBE

- Tsy voatery hampiasa herisetra na fanerena vao manana fahefana ;
- Ny fahefana miabo dia :
  - mampiray ;
  - manaja ;
  - ary mampandraisa anjara ny rehetra ;
- Zava-dehibe ny :
  - fifampizarana fahefana ;
  - fihainoana ;
  - ary fifampidinihana.

## Tahirin-kevitra 10. Fifandraisan-kery sy fizakan-tena

**Tanjona**

- Mahatakatra ny atao hoe fifandraisan-kery ;
- Mandinika ny fomba isehoan'ny tsy fitoviana eo amin'ny fiarahamonina ;
- Mampiroborobo fizakan-tena sy fandraisan'anjara mitovy.

**Fampidirana**

Ao amin'ny fiarahamonina dia misy hatrany :

- olona manana fahefana bebe kokoa ;
- olona mora voahilika ;
- ary olona tsy dia re feo.

Izany no antsoina hoe : **fifandraisan-kery.**

Mety hiseho izany :

- ao an-tokantrano ;
- any an-tsekoly ;
- eo amin'ny asa ;
- ao amin'ny fiarahamonina ;
- ary amin'ny fitantanana loharanon-karena.

**OHATRA AMIN'NY FIFANDRAISAN-KERY**

**Ao an-tokantrano**

- Olona iray ihany no mandray fanapahan-kevitra ;
- Tsy re ny hevitry ny vady na ny ankizy ;
- Tsy mizara andraikitra.

**Eo amin'ny fiarahamonina**

- Lehilahy ihany no miteny amin'ny fivoriana ;
- Tsy ampandraisina anjara ny tanora ;
- Misy olona tsy mahazo maneho hevitra.

**Eo amin'ny fitantanana loharanon-karena**

- Vondrona vitsy no mifehy ny tany sy rano ;
- Tsy mitovy ny fahafahana miditra amin'ny loharanon-karena ;
- Tsy re ny feon'ny vehivavy.

## VOKA-DRATSIN'NY TSY FITOVIAN-KERY

Mety :

- hampitombo fifandirana ;
- hiteraka herisetra ;
- hampihena ny fandraisan'anjara ;
- hampitombo fanilikilihana ;
- ary hanakana fampandrosoana.

## INONA NY FIZAKAN-TENA ?

Ny fizakan-tena dia :

- fahafahan'ny olona :
    - maneho hevitra ;
    - mandray fanapahan-kevitra ;
    - mahalala ny zony ;
    - ary mandray andraikitra.

Mifandray amin'ny :

- fahatokisan-tena ;
- fahalalana ;
- fanabeazana ;
- ary fanohanana ara-tsosialy izany.

## AHOANA NO HANAMAFISANA NY FIZAKAN-TENA ?

### 1. Fanabeazana sy fampahafantarana

- Fahalalana ny zo ;
- Fampiofanana ;
- Fampitana vaovao.

**2. Fandraisan'anjara**

- Fanomezana sehatra hitenenana ;
- Fampandraisana anjara amin'ny fanapahan-kevitra ;
- Famporisihana ny vehivavy sy tanora.

**3. Fiaraha-miasa**

- Fifampidinihana ;
- Fifanajana ;
- Fizarana andraikitra.

**4. Fanohanana sy fifampaherezana**

- Fanohanana avy amin'ny fianakaviana ;
- Fanohanana avy amin'ny fiarahamonina ;
- Fanomezana fahatokisan-tena.

**FANONTANIANA HIFANAKALOZAN-KEVITRA**

- Aiza no hita ny tsy fitovian-kery eo amin'ny fiarahamonina ?
- Iza no tsy dia re feo ?
- Ahoana no ahafahana mampitombo ny fizakan-tena ?
- Inona ny andraikitry ny rehetra amin'ny fanamafisana ny fandraisan'anjara ?

**HAFATRA LEHIBE**

- Zava-dehibe ny :
    - fandraisan'anjara ;
    - fizakan-tena ;
    - ary fifampizarana fahefana ;
- Rehefa :
    - re ny feon'ny rehetra ;
    - hajaina ny zon'ny tsirairay ;
    - ary mizara andraikitra ny rehetra

dia mihatsara ny :

- fiaraha-monina ;
- fandriampahalemana ;
- ary fampandrosoana.

## Tahirin-kevitra 11. Fandraisan'anjaran'ny lehilahy amin'ny fisorohana herisetra

**Tanjona**

- Mahatakatra ny andraikitry ny lehilahy amin'ny fisorohana herisetra ;
- Mampiroborobo fitondran-tena manaja sy tsy mampiasa herisetra ;
- Manamafy ny fiaraha-miasa eo amin'ny lahy sy ny vavy amin'ny fananganana fandriampahalemana.

**Fampidirana**

Ny fisorohana herisetra dia :

- tsy andraikitry ny vehivavy ihany ;
- fa andraikitry ny rehetra.

Zava-dehibe ny anjara toeran'ny lehilahy satria :

- matetika izy ireo no omena fahefana bebe kokoa eo amin'ny fiarahamonina ;
- ary afaka mitondra fiovana tsara amin'ny :
    - fitondran-tena ;
    - fomba firesaka ;
    - ary fifandraisana.

**INONA NO AZON'NY LEHILAHY ATAO ?**

**1. Tsy mampiasa herisetra**

- Tsy mikapoka ;
- tsy mandrahona ;
- tsy manaratsy ;
- tsy manambany ;
- tsy manery.

**2. Mampiasa fifampiresahana**

- Mihaino ;
- mifampiresaka ;
- mandamina olana am-pilaminana.

**3. Manaja ny zon'ny vehivavy sy ankizy**

- Mihaino ny heviny ;
- manome sehatra ;
- manohana ny fandraisan'anjarany.

**4. Mizara andraikitra**

- Asa an-trano ;
- fikarakarana ankizy ;
- fanapahan-kevitra.

**5. Mijoro manohitra herisetra**

- Tsy manaiky fanararaotana ;
- mampahafantatra ;
- manohana olona iharan'ny herisetra.

## OHATRA FITONDRAN-TENA MIABO

**Ao an-tokantrano**

- Mihaino ny vady ;
- mandray fanapahan-kevitra iarahana ;
- tsy mampiasa herisetra.

**Eo amin'ny fiarahamonina**

- Mamporisika fifanajana ;
- manohitra fanilikilihana ;
- manohana fandriampahalemana.

## SAKANA METY HISEHO

Mety :

- hisy fanesoana ;
- hisy olona tsy hanaiky fanovana ;
- hisy hevi-draikitra mbola mafy.

Na izany aza dia :

- azo ovaina ny fomba fisainana ;
- ary manomboka amin'ny fihetsika madinika ny fanovana.

## FANONTANIANA HIFANAKALOZAN-KEVITRA

- Inona ny andraikitry ny lehilahy amin'ny fisorohana herisetra ?
- Inona avy ireo fitondran-tena tokony hovaina ?
- Ahoana no ahafahan'ny lehilahy manohana fitovian-jo ?

## HAFATRA LEHIBE

- Ny tena hery dia :
    - ny fifanajana ;
    - ny fifehezan-tena ;
    - ary ny fifampiresahana ;
- Samy manana andraikitra amin'ny fisorohana herisetra ny lahy sy ny vavy ;
- Ny fiaraha-miasa sy fifanajana no fototry ny fandriampahalemana.



## Tahirin-kevitra 12. Fitsipika sy dingana momba ny tsy fampiasana herisetra

**Tanjona**

- Mahafantatra ireo fitsipika manampy amin'ny fisorohana herisetra ;
- Mampiroborobo fomba famahana olana am-pilaminana ;
- Manamafy fifampiresahana sy fifanajana eo amin'ny fiarahamonina.

**Fampidirana**

Ny herisetra dia :

- tsy vahaolana ;
- manimba olona sy fiarahamonina ;
- ary mety hiteraka tahotra sy fifandirana maharitra.

Azo ianarana kosa ny :

- fomba fifampiresahana ;
- fomba fihainoana ;
- ary fomba famahana olana am-pilaminana.

**FITSIPIKA MOMBA NY TSY FAMPIASANA HERISETRA**

**1. Manaja ny hafa**

- Mihaino rehefa misy miteny ;
- tsy manambany ;
- tsy mandrahona ;
- tsy manaratsy.

**2. Mifehy tena**

- Tsy manao herisetra rehefa tezitra ;
- maka fotoana mba ho tony ;
- misaina alohan'ny miteny na manao zavatra.

**3. Mampiasa fifampiresahana**

- Milaza olana am-pahatoniana ;
- mihaino ny hevitry ny hafa ;
- mitady vahaolana iarahana.

**4. Manaiky fahasamihafana**

- Tsy voatery hitovy hevitra ny rehetra ;
- tokony hajaina ny fahasamihafan'ny olona.

**5. Mitady fanampiana raha ilaina**

- Miresaka amin'ny olona atokisana ;
- manatona mpanelanelana ;
- na mitady fanohanana.

**DINGANA FAMAHANA OLANA AM-PILAMINANA**

**Dingana 1 – Mamantatra ny olana**

- Inona marina ny olana ?
- Iza no voakasika ?

**Dingana 2 – Mihaino ny rehetra**

- Avelao hiteny ny tsirairay ;
- aza manapaka teny ;
- hajao ny hevitra rehetra.

**Dingana 3 – Mitady vahaolana**

- Inona avy ireo vahaolana azo atao ?
- Iza no afaka manampy ?

**Dingana 4 – Mifanaraka**

- Misafidy vahaolana eken'ny rehetra ;
- mizara andraikitra.

**Dingana 5 – Manara-maso**

- Jereo raha mihatsara ny toe-javatra ;
- tohizo ny fifampiresahana.

**OHATRA FAMAHANA OLANA TSY MISY HERISETRA**


| Toe-javatra | Fomba manimba | Fomba miabo |
|---|---|---|
| Tsy fifanarahana ao an-tokantrano | Fandrahonana sy herisetra | Fifampiresahana |
| Ady amin'ny tany | Fikomiana sy herisetra | Fanelanelanana |
| Tsy fitovian-kevitra | Fanaratsiana | Fihainoana sy fifampidinihana |
| Hatezerana | Kapoka | Fifehezan-tena sy resaka |

**FANONTANIANA HIFANAKALOZAN-KEVITRA**

- Inona avy ireo fomba famahana olana hita eo amin'ny fiarahamonina?
- Inona no voka-dratsin'ny herisetra ?
- Ahoana no ahafahana mampiroborobo fandriampahalemana?

**HAFATRA LEHIBE**

- Tsy vahaolana ny herisetra ;
- Ny fifampiresahana sy fihainoana dia manampy amin'ny famahana olana ;
- Ny fifanajana sy ny fifehezan-tena dia manamafy fandriampahalemana.



## Tahirin-kevitra 13. Lova avy amin'ny raiko sy lova avy amin'ny reniko

**Tanjona**

- Mandinika ireo soatoavina sy fomba fisainana noraisina avy amin'ny ray aman-dreny ;
- Mamantatra ireo zavatra tsara tiana hotohizana ;
- Mandinika ireo fomba fisainana manimba tokony hovaina.

**Fampidirana**

Ny :

- fomba firesaka ;
- fomba fitondran-tena ;
- fomba fijery ;
- ary soatoavina

dia matetika ianarana avy amin'ny :

- ray ;
- reny ;
- fianakaviana ;
- ary fiarahamonina.

Misy :

- lova tsara tokony hotohizana ;
- ary fomba fisainana sasany tokony hovaina mba hananganana fiarahamonina mirindra kokoa.

**OHATRA LOVA TSARA AVY AMIN'NY RAY**

- Fandraisana andraikitra ;
- fahasahiana ;
- fahavononana hiasa ;
- fiarovana ny fianakaviana ;
- fanajana ny hafa.

## OHATRA LOVA TSARA AVY AMIN'NY RENY

- Fikarakarana ;
- fihainoana ;
- fifandeferana ;
- fitiavana ;
- fiaraha-mientana.

## OHATRA ZAVATRA TOKONY HOVAINA

**Mety avy amin'ny ray**

- Tsy fihainoana ;
- fanjakazakana ;
- herisetra ;
- tsy fanehoana fihetseham-po.

**Mety avy amin'ny reny**

- Fanaovana sorona tafahoatra ;
- tsy fahatokisan-tena ;
- tahotra haneho hevitra.

## INONA NO TOKONY HATAO ?

- Mitahiry ireo soatoavina tsara ;
- manitsy ireo fomba fisainana manimba ;
- mampianatra fifanajana sy fitovian-jo ;
- manome ohatra tsara ho an'ny ankizy.

## FANONTANIANA HIFANAKALOZAN-KEVITRA

- Inona avy ireo zavatra tsara nianaranao tamin'ny ray aman-dreninao?
- Misy fomba fisainana tokony hovaina ve?
- Inona no tianao hampitaina amin'ny taranaka?

## HAFATRA LEHIBE

- Misy fiantraikany amin'ny taranaka ny fomba fanabeazana ;
- Afaka misafidy hitahiry ny tsara ary hanova ny manimba ny tsirairay ;
- Ny fifanajana sy fitovian-jo dia azo ampitaina amin'ny alalan'ny fanabeazana sy ohatra tsara.

## Tahirin-kevitra 14. Fafana mirakitra ny asa andavanandron'ny lehilahy sy vehivavy

**Tanjona**

- Mandinika ny fizarana asa eo amin'ny lahy sy ny vavy ;
- Mahatakatra ny vesatra sy fotoana lanin'ny tsirairay ;
- Mampiroborobo fifampizarana andraikitra.

**Toromarika**

Fenoy ity fafana ity amin'ny alalan'ny fanoratana ireo asa atao mandritra ny andro sy ny olona manao izany.

| Asa atao | Vehivavy | Lehilahy | Iarahana |
|---|---|---|---|
| Fikarakarana sakafo | | | |
| Fakana rano | | | |
| Fakana kitay | | | |
| Fambolena | | | |
| Fiompiana | | | |
| Fikarakarana ankizy | | | |
| Fivarotana | | | |
| Fanapahan-kevitra | | | |
| Fandraisana anjara amin'ny fivoriana | | | |
| Fitantanana vola | | | |

**FANONTANIANA HIFANAKALOZAN-KEVITRA**

- Mitovy ve ny asa ataon'ny lahy sy ny vavy ?
- Iza no manana vesatra lehibe kokoa ?
- Iza no manana fotoana malalaka kokoa ?
- Misy asa azo zaraina kokoa ve ?

**HAFATRA LEHIBE**

Samy manana andraikitra lehibe ny lahy sy ny vavy. Zava-dehibe ny fifampizarana andraikitra. Ny fiaraha-miasa dia manampy amin'ny fitoniana ; fifanajana ary fahasalamana ao an-tokantrano sy fiarahamonina.

# FAMPIHARANA ISAN-TSEHATRA SY FANAPARIAHANA

## FIZARANA 5 – Fanovana ara-tsosialy ho an'ny fitovian-jo sy ny fandraisana anjara

**Tanjona amin'ny fampiofanana**

- Mahatakatra ny atao hoe fanovana ara-tsosialy ;
- Mamantatra ireo fomba fisainana sy fomba fanao manakana ny fitovian-jo ;
- Mampiroborobo fanovana mitondra fitoviana sy fifanajana ;
- Manohana ny fandraisan'anjaran'ny vondrom-piarahamonina amin'ny fanovana.

**Vokatra andrasana**

Rehefa vita ity fizarana ity dia :

- takatra ny maha-zava-dehibe ny fanovana ara-tsosialy ;
- fantatra ireo sakana ara-kolontsaina sy ara-tsosialy ;
- afaka mamolavola hetsika fanovana ny mpandray anjara ;
- mahafantatra ny anjara andraikiny amin'ny fampiroboroboana fitoviana izy ireo.

**Votoatiny lehibe**

- Hevitry ny fanovana ara-tsosialy ;
- Fitsipika sy fomba fanao manimba ;
- Andraikitry ny olona sy ny fiarahamonina ;
- Fifandraisana sy fifampiresahana ;
- Fampandraisana anjara sy fiaraha-miasa.

**Fomba fampitàna**

- Adihevitra tarihana ;
- Asa anaty vondrona ;
- Fanadihadiana tranga ;
- Lalao an-tsehatra ;
- Fifanakalozan-kevitra.

**Fotoana natokan** : Adiny 1 sy sasany.

## Fanazaran-tena 18 – Inona ny fanovana ara-tsosialy?

**Tanjona**

- Hampitovy ny fahatakarana momba ny fanovana ara-tsosialy ;
- Hampiseho fa azo ovaina ny fomba fisainana sy fomba fanao manimba.

**Faharetany :** 30 minitra.

**Fizotrany**

1. Anontanio ny mpandray anjara :

**"Inona avy ireo zavatra niova teo amin'ny fiarahamonina nandritra ny taona maro ?"**

2. Soraty amin'ny tabilao ny valiny.
3. Asaina mandinika :

- Inona no nahatonga ireo fiovana ?
- Iza no nandray anjara ?
- Inona ny vokatr'ireo fiovana ?

**Valiny mety hivoaka**

- Fiovan'ny fomba fanabeazana ;
- Fiovan'ny toerana sy andraikitry ny vehivavy ;
- Fampidirana ankizivavy an-tsekoly ;
- Fampihenana fomba fanao manimba ;
- Fandraisan'anjara bebe kokoa amin'ny fitantanana.

**HAFATRA LEHIBE**

- Tsy mijanona ho toy ny taloha mandrakariva ny fiarahamonina ;
- Azo ovaina ny fomba fisainana sy ny fomba fanao ;
- Ny fanovana dia mitaky :
    - fotoana ;
    - fifanakalozan-kevitra ;
    - ary fiaraha-miasa.

## Fanazaran-tena 19 – Ireo misakana ny fitoviana

**Tanjona**

- Mamantatra ireo sakana ara-tsosialy sy ara-kolontsaina manakana ny fitovian-jo.

**Faharetany :** 35 minitra.

**Fizotrany**

1. Zaraina vondrona ny mpandray anjara.
2. Angatahana ny vondrona hitanisa :
- fomba fisainana ;
- fomba amam-panao ;
- fitsipika ara-tsosialy ; na toe-javatra manakana ny vehivavy sy ny lehilahy tsy hanana fahafahana mitovy.
3. Famelabelarana sy adihevitra.

**Valiny mety hivoaka**

- Fanambadiana aloha loatra ;
- Tsy fahafahan'ny vehivavy mandova ;
- Fisorohana ny vehivavy tsy handray fanapahan-kevitra ;
- Fanambaniana lehilahy maneho fihetseham-po ;
- Fizarana asa tsy mitovy ;
- Herisetra sy fanerena.

**Fanontaniana hifanakalozan-kevitra**

- Inona ny vokatr'ireo sakana ireo ?
- Iza no tena voakasika ?
- Ahoana no mety hanovana azy ?

**HAFATRA LEHIBE**

- Mety hanakana ny fampandrosoana ny fomba fisainana manimba ;
- Samy mety hijaly noho ny hevi-draikitra ny lahy sy ny vavy ;
- Ilaina ny fanovana manohana fitoviana sy fifanajana.

## Fanazaran-tena 20 – Lalao an-tsehatra momba ny fanovana

**Tanjona**

- Hampiseho ny fomba hiatrehana toe-javatra misy tsy fitoviana ;
- Hanazatra fifampiresahana sy famahana olana.

**Faharetany :** 45 minitra.

**Fizotrany**

1. Zaraina vondrona ny mpandray anjara.
2. Omena toe-javatra iray ny vondrona tsirairay.

**Ohatra**

- Vehivavy tsy avela handray fitenenana amin'ny fivoriana ;
- Lehilahy ihomehezana satria manao asa an-trano ;
- Ankizivavy tsy avela hianatra ;
- Fanerena amin'ny fanambadiana aloha loatra ;
- Fifandirana momba ny fitantanana tany.

3. Asaina manao lalao an-tsehatra :

- mampiseho ny olana ;
- ary manolotra vahaolana.

4. Adihevitra iarahana rehefa vita.

**Fanontaniana tarihana**

- Inona ny olana hita ?
- Inona no mety ho vokany ?
- Inona ny vahaolana tsara kokoa ?
- Iza no tokony handray andraikitra ?

**HAFATRA LEHIBE**

- Ny fifampiresahana sy ny fifanajana dia manampy amin'ny famahana olana,
- Samy manana andraikitra amin'ny fanovana ny rehetra,
- Azo ovaina ny toe-javatra tsy ara-drariny.

## Fanazaran-tena 21 – Mpisehatra afaka manova toe-javatra

**Tanjona**

- Mamantatra ireo olona sy rafitra afaka mitondra fanovana tsara.

**Faharetany :** 30 minitra.

**Fizotrany**

1. Anontanio ny mpandray anjara :

**"Iza avy no afaka manampy amin'ny fanovana ny fomba fisainana sy ny toe-javatra ?"**

2. Soraty ny valiny.
3. Diniho miaraka ny andraikitry ny :

- ray aman-dreny ;
- mpampianatra ;
- mpitondra fivavahana ;
- mpitondra fokontany ;
- tanora ;
- fikambanana ;
- haino aman-jery ;
- vehivavy sy lehilahy.

**HAFATRA LEHIBE**

- Tsy andraikitry ny olona iray irery ny fanovana ;
- Mila fiaraha-mientana avy amin'ny rehetra ;
- Samy manana anjara toerana ny olona sy ny rafitra rehetra.

## Fanazaran-tena 22 – Drafitra tsotra ho an'ny fanovana

**Tanjona**

- Hanampy ny mpandray anjara hamolavola hetsika azo tanterahina eo amin'ny fiarahamonina.

**Faharetany :** 40 minitra.

**Fizotrany**

1. Zaraina vondrona ny mpandray anjara.
2. Asaina misafidy olana iray :

- herisetra ;
- tsy fitoviana ;

- fanilikilihana ;
- tsy fandraisana anjara ; na fomba fanao manimba.

3. Angatahana hamaly :

- Inona ny olana ?
- Iza no voakasika ?
- Inona no azo atao ?
- Iza no handray andraikitra ?
- Rahoviana no hanatanterahana azy ?

4. Famelabelarana sy fifanakalozan-kevitra.

**HAFATRA LEHIBE**

- Mila hetsika mazava ny fanovana ;
- Zava-dehibe ny fandraisan'anjaran'ny fiarahamonina ;
- Tsara kokoa ny fanovana rehefa iarahana manao.

## Fanazaran-tena 23 – Fanoloran-tena

**Tanjona**

- Hamporisika ny mpandray anjara handray andraikitra manokana amin'ny fanovana.

**Faharetany :** 20 minitra.

**Fizotrany**

1. Asaina mieritreritra ny mpandray anjara :

**"Inona ny zavatra iray azoko atao hanohanana fitoviana sy fifanajana ?"**

2. Manoratra fanoloran-tena tsotra ny tsirairay.
3. Raha mety dia zaraina amin'ny vondrona izany.

**Ohatra mety hivoaka**

- Hihaino sy hanaja ny hevitry ny vehivavy sy ny lehilahy aho ;
- Hizara andraikitra ao an-tokantrano aho ;
- Tsy hanaiky herisetra aho ;
- Hanohana ny fianaran'ny ankizivavy aho ;
- Hamporisika fifampiresahana sy fiaraha-miasa aho.

**HAFATRA LEHIBE**

- Manomboka amin'ny fihetsika madinika ny fanovana ;
- Samy afaka mitondra fiovana tsara ny tsirairay ;
- Ny fanoloran-tena sy ny fiaraha-miasa no fototry ny fanovana maharitra.

**FAMINTINANA NY FIZARANA 5**

Ny fanovana ara-tsosialy dia dingana :

- mitaky fotoana ;
- mitaky fifanakalozan-kevitra ;
- ary mitaky fiaraha-miasa.

Ny hevi-draikitra sy ny fomba fisainana manimba dia mety :

- hanakana ny fampandrosoana ;
- hampitombo herisetra ;
- ary hampihena ny fandraisan'anjaran'ny olona.

Noho izany dia ilaina :

- ny fanabeazana ;
- ny fampahafantarana ;
- ny fanamafisana ny zon'olombelona ;
- ary ny fampandraisana anjara ny rehetra amin'ny fanovana.

Ny tanjona dia fiarahamonina :

- mirindra ;
- mandray anjara ;
- manaja ny lahy sy ny vavy ;
- ary manohana fampandrosoana maharitra.



# FIZARANA 6 – Lahy sy vavy ary fitantanana ny harena voajanahary

**Tanjona amin'ny fampiofanana**

- Mahatakatra ny fifandraisan'ny lahy sy ny vavy amin'ny fitantanana ny harena voajanahary ;
- Mamantatra ny andraikitra sy fahafahan'ny vehivavy sy ny lehilahy amin'ny fampiasana loharanon-karena ;
- Mandinika ny tsy fitoviana eo amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra sy ny fahazoana tombony ;
- Mampiroborobo fitantanana mirindra sy maharitra.

**Vokatra andrasana**

Rehefa vita ity fizarana ity dia :

- takatra ny anjara toeran'ny lahy sy ny vavy amin'ny fitantanana ny harena voajanahary ;
- fantatra ireo sakana sy tsy fitoviana misy ;
- afaka mamolavola fomba fitantanana mandray anjara sy ara-drariny ny mpandray anjara.

**Votoatiny lehibe**

- Lahy sy vavy ary loharanon-karena ;
- Fizarana andraikitra sy asa ;
- Fahafahana miditra amin'ny loharanon-karena ;
- Fandraisana fanapahan-kevitra ;
- Fitantanana maharitra sy mandray anjara.

**Fomba fampitàna**

- Asa anaty vondrona ;
- Sarintany sy tabilao ;
- Adihevitra tarihana ;
- Fanadihadiana tranga ;
- Fifanakalozan-kevitra.

**Faharetany :** Adiny 2.

## Fanazaran-tena 24 – Iza no manao inona ?

**Tanjona**

- Mamantatra ny fizarana andraikitra eo amin'ny lahy sy ny vavy amin'ny fampiasana harena voajanahary.

**Faharetany :** 35 minitra.

**Fizotrany**

1. Manaova fafana lehibe misy tsanganana roa :
- Vehivavy ;
- Lehilahy.
2. Anontanio ny mpandray anjara : **"Iza no manao ireto asa ireto ?"**
- Fangalana rano ;
- Fakana kitay ;
- Fambolena ;
- Fiompiana ;
- Jono ;
- Fitrandrahana ala ;
- Fivarotana vokatra ;
- Fitantanana vola ;
- Fanapahan-kevitra.
3. Asio marika :
- "V" ho an'ny vehivavy ;
- "L" ho an'ny lehilahy ;
- "I" raha iarahana.
4. Atao ny adihevitra.

**Fanontaniana hifanakalozan-kevitra**

- Mitovy ve ny asa ataon'ny lahy sy ny vavy ?
- Iza no tena mandany fotoana sy hery bebe kokoa ?
- Iza no mahazo tombony bebe kokoa ?
- Iza no mandray fanapahan-kevitra ?

**HAFATRA LEHIBE**

- Samy manana andraikitra lehibe amin'ny fitantanana ny harena voajanahary ny lahy sy ny vavy ;
- Matetika anefa tsy mitovy ny fahafahana sy ny tombontsoa azon'izy ireo ;
- Zava-dehibe ny fanekena sy fanomezana lanja ny asa rehetra.

## Fanazaran-tena 25 – Sarintanin'ny loharanon-karena

**Tanjona**

- Mandinika ny fahafahan'ny lahy sy ny vavy miditra sy mampiasa loharanon-karena.

**Faharetany :** 40 minitra.

**Fizotrany**

1. Zaraina vondrona ny mpandray anjara.
2. Angatahana izy ireo hanao sarintanin'ny tanàna na faritra misy :
- ala ;
- rano ;
- tany fambolena ;
- tsena ;
- toerana fiompiana ;
- toerana fanangonana kitay.
3. Diniho miaraka :
- Iza no mampiasa ireo toerana ireo ?
- Iza no manana fahefana amin'ny fitantanana azy ?
- Iza no manana fahafahana voafetra ?

**Fanontaniana tarihana**

- Mora ve ny fidiran'ny vehivavy amin'ny fitantanana sy fisitrahana ny tany sy ny loharanon-karena ?
- Mitovy ve ny fahafahan'ny lehilahy sy ny vehivavy ?
- Inona no sakana misy ?

**Valiny mety hivoaka**

- Tsy fahafahana mandova ;
- Tsy fahafahana miteny amin'ny fivoriana ;
- Tsy fisian'ny fotoana ;
- Fomba amam-panao ;
- Tsy fisian'ny tahirin-kevitra ara-dalàna.

**HAFATRA LEHIBE**

- Tsy maintsy omena fahafahana (miteny, mandova, manao,…) mifanaraka amin'ny loharanon-karena sitrahina sy tantanana ny lahy sy ny vavy ;

- Rehefa voahilika ny olona iray dia mety tsy hahomby ny fitantanana ;
- Ny fitoviana dia manampy amin'ny fitantanana maharitra kokoa.

## Fanazaran-tena 26 – Iza no mandray fanapahan-kevitra ?

**Tanjona**

- Mandinika ny fandraisan'anjaran'ny lahy sy ny vavy amin'ny fanapahan-kevitra momba ny harena voajanahary.

**Faharetany :** 30 minitra.

**Fizotrany**

1. Anontanio ny mpandray anjara :

**Iza no manapa-kevitra momba ny :**

- fampiasana ala ;
- fizarana tany ;
- fitantanana rano ;
- fivarotana vokatra ;
- vola azo amin'ny harena voajanahary ?

2. Soraty ny valiny.
3. Diniho miaraka :

- Iza no re feo ?
- Iza no tsy voasolo tena ?
- Inona ny vokatr'izany ?

**HAFATRA LEHIBE**

- Raha tsy mandray anjara ny rehetra dia mety tsy hitovy ny tombontsoa sy ny vokatra ;
- Zava-dehibe ny fandraisan'anjaran'ny vehivavy amin'ny fitantanana sy fanapahan-kevitra ;
- Manampy amin'ny fitantanana tsara kokoa ny fifampidinihana sy ny fandraisana anjara.

## Fanazaran-tena 27 – Fotoana lanin'ny lahy sy ny vavy

**Tanjona**

- Mandinika ny fizarana fotoana sy asa ataon'ny lahy sy ny vavy.

**Faharetany :** 35 minitra.

**Fizotrany**

1. Zaraina vondrona ny mpandray anjara.
2. Angatahana hanao fandaharam-potoana iray andro ho an'ny :
- vehivavy ;
- lehilahy.
3. Soraty :
- asa atao ;
- fotoana lany ;
- fotoana fialan-tsasatra ;
- fotoana fandraisana anjara amin'ny fiarahamonina.
4. Ampitahaina ireo valiny.

**Fanontaniana hifanakalozan-kevitra**

- Iza no manana fotoana malalaka kokoa ?
- Iza no mitondra asa maro kokoa ?
- Misy fiantraikany amin'ny fandraisana anjara ve izany ?

**HAFATRA LEHIBE**

- Matetika ny vehivavy no mitondra asa maro mifandimby ;
- Mety hampihena ny fahafahany mandray anjara izany ;
- Zava-dehibe ny fifampizarana andraikitra.

## Fanazaran-tena 28 – Fitantanana mirindra ny harena voajanahary

**Tanjona**

- Hamolavola fomba fitantanana mandray anjara sy maharitra.

**Faharetany :** 40 minitra.

**Fizotrany**

1. Zaraina vondrona ny mpandray anjara.

2. Omena tranga iray :

**Ohatra :**

- fahasimban'ny ala ;
- tsy fahampian-drano ;
- olana amin'ny tany ;
- fitrandrahana tafahoatra.

3. Angatahana ny vondrona hanolotra :
   - olana ;
   - antony ;
   - vahaolana ;
   - andraikitry ny lahy sy ny vavy.
4. Famelabelarana sy adihevitra.

**HAFATRA LEHIBE**

- Ny fitantanana maharitra dia mitaky :
  - fiaraha-miasa ;
  - fifampidinihana ;
  - ary fandraisan'anjara mitovy.
- Samy manana fahalalana sy traikefa manan-danja ny vehivavy sy ny lehilahy.

## Fanazaran-tena 29 – Drafitra ho an'ny fandraisana anjara

**Tanjona**
Hanampy ny mpandray anjara hamolavola hetsika manohana fitoviana amin'ny fitantanana ny harena voajanahary.

**Faharetany :** 30 minitra.

**Fizotrany**

1. Asaina misafidy olana iray ny vondrona.
2. Mamaly ireto fanontaniana ireto :

- Inona ny olana ?
- Iza no voakasika ?
- Inona no vahaolana ?
- Ahoana no hampandraisana anjara ny vehivavy sy ny lehilahy ?
- Iza no tompon'andraikitra ?

3. Famelabelarana sy fifanakalozan-kevitra.

**HAFATRA LEHIBE**

- Mila mandray anjara ny rehetra amin'ny fiarovana ny harena voajanahary ;
- Ny fitoviana sy ny fiaraha-miasa dia manampy amin'ny faharetan'ny vahaolana ;
- Samy manana andraikitra sy anjara toerana lehibe ny lahy sy ny vavy.

**FAMINTINANA NY FIZARANA 6**

Ny lahy sy ny vavy dia samy :


- mampiasa ;
- miankina ;
- ary mitantana ny harena voajanahary.

Na izany aza dia mbola misy :

- tsy fitoviana amin'ny fahafahana ;
- tsy fitoviana amin'ny fanapahan-kevitra ;
- ary tsy fitoviana amin'ny fahazoana tombontsoa.

Noho izany dia ilaina :

- ny fampandraisana anjara ny rehetra ;
- ny fifampizarana andraikitra ;
- ny fanajana ny zon'ny tsirairay ;
- ary ny fitantanana mirindra sy maharitra ny harena voajanahary.



# FIZARANA 7 – Lahy sy vavy ary fiovan'ny toetr'andro

**Tanjona amin'ny fampiofanana**

- Mahatakatra ny fiantraikan'ny fiovan'ny toetr'andro amin'ny lahy sy ny vavy ;
- Mamantatra ireo faharefoana sy sakana samihafa atrehan'ny vehivavy sy ny lehilahy ;
- Mandinika ny anjara toeran'ny lahy sy ny vavy amin'ny fiatrehana ny fiovan'ny toetr'andro ;
- Mampiroborobo paikady fiarovana sy fampifanarahana mandray anjara.

**Vokatra andrasana**

Rehefa vita ity fizarana ity dia :

- takatra ny fifandraisan'ny lahy sy ny vavy sy ny fiovan'ny toetr'andro ;
- fantatra ireo fiantraikany samihafa amin'ny vehivavy sy ny lehilahy ;
- afaka mamolavola vahaolana sy paikady mifanaraka amin'ny zava-misy ny mpandray anjara.

**Votoatiny lehibe**

- Fiovan'ny toetr'andro sy ny vokany ;
- Faharefoana samihafa eo amin'ny lahy sy ny vavy ;
- Paikady fampifanarahana ;
- Fampandraisana anjara sy fiaraha-miasa ;
- Fitantanana maharitra ny tontolo iainana.

**Fomba fampitàna**

- Adihevitra tarihana ;
- Asa anaty vondrona ;
- Fanadihadiana tranga ;
- Sarintany sy tabilao ;
- Fifanakalozan-kevitra.

**Faharetany :** Adiny 2.

## Fanazaran-tena 30 – Inona no fiantraikan'ny fiovan'ny toetr'andro ?

**Tanjona**

- Mamantatra ireo fiovana hita eo amin'ny toetr'andro sy ny tontolo iainana ;
- Mandinika ny vokany eo amin'ny fiainam-bahoaka.

**Faharetany :** 30 minitra.

**Fizotrany**

1. Anontanio ny mpandray anjara : **"Inona avy ireo fiovana hitanareo tato anatin'ny taona vitsivitsy ?"**
2. Soraty amin'ny tabilao ny valiny.

**Valiny mety hivoaka**

- Tsy fahampian-drano ;
- Fiakaran'ny hafanana ;
- Fahataran'ny orana ;
- Tondra-drano ;
- Haintany ;
- Fahasimban'ny ala ;
- Fihenan'ny vokatra ara-pambolena ;
- Rivo-doza mahery vaika.

**Fanontaniana hifanakalozan-kevitra**

- Inona ny fiantraikan'ireo fiovana ireo amin'ny fiainana andavanandro?
- Iza no tena voakasika ?
- Mitovy ve ny fiantraikany amin'ny vehivavy sy ny lehilahy ?

**HAFATRA LEHIBE**

- Misy fiantraikany lehibe amin'ny fiainana sy ny harena voajanahary ny fiovan'ny toetr'andro ;
- Samy voakasika ny rehetra, saingy mety tsy hitovy ny fiantraikany.

## Fanazaran-tena 31 – Faharefoana eo amin'ny lahy sy ny vavy

**Tanjona**

- Mandinika ny fahasamihafan'ny fiantraikan'ny fiovan'ny toetr'andro amin'ny lahy sy ny vavy.

**Faharetany :** 35 minitra.

**Fizotrany**

1. Zaraina vondrona ny mpandray anjara.
2. Angatahana handinika : **Inona ny fiantraikan'ny :**
- haintany ;
- tondra-drano ;
- rivodoza ;
- fahasimban'ny ala ;
- tsy fahampian-tsakafo amin'ny :
  - vehivavy ;
  - lehilahy ;
  - ankizy ;
  - zokiolona.
3. Famelabelarana sy adihevitra.

**Valiny mety hivoaka**

**Vehivavy**

- Mitombo ny fotoana fitadiavana rano sy kitay ;
- Mitombo ny asa fikarakarana ;
- Mihena ny fotoana hidirana amin'ny asa sy fanabeazana ;
- Mora iharan'ny herisetra sy fanararaotana.

**Lehilahy**

- Fahaverezan'asa sy fidiram-bola ;
- Fifindra-monina ;
- Tsindry ara-toekarena ;
- Fihenjanana sy adin-tsaina.

**HAFATRA LEHIBE**

- Tsy mitovy ny fiantraikan'ny fiovan'ny toetr'andro amin'ny lahy sy ny vavy
- Ilaina ny mandray ny filàn'ny rehetra amin'ny famolavolana vahaolana.

## Fanazaran-tena 32 – Paikady fampifanarahana

**Tanjona**

- Mamantatra ireo fomba hiatrehana ny fiovan'ny toetr'andro ;
- Mampiroborobo vahaolana maharitra.

**Faharetany :** 40 minitra.

**Fizotrany**

1. Anontanio ny mpandray anjara :

**"Inona avy ireo fomba efa ampiasainareo hiatrehana ny fiovan'ny toetr'andro?"**

2. Soraty ny valiny.
3. Diniho miaraka :

- iza no mandray anjara ;
- iza no voahilika ;
- iza no mahazo tombony.

**Valiny mety hivoaka**

- Fambolena mahatanty haintany ;
- Fanajariana rano ;
- Fambolen-kazo ;
- Fampiasana fatana mitsitsy kitay ;
- Fikajiana ala ;
- Fampitomboana fiompiana ;
- Fitehirizana sakafo.

**HAFATRA LEHIBE**

- Zava-dehibe ny fahalalana sy traikefan'ny vondrom-piarahamonina ;
- Mila ampandraisina anjara ny vehivavy sy ny lehilahy amin'ny paikady rehetra ;
- Ny fiarovana ny tontolo iainana dia manampy amin'ny fiatrehana ny fiovan'ny toetr'andro.

## Fanazaran-tena 33 – Fandraisana anjara amin'ny fanapahan-kevitra

**Tanjona**

- Mandinika ny fandraisan'anjaran'ny lahy sy ny vavy amin'ny fanapahan-kevitra momba ny toetr'andro sy ny tontolo iainana.

**Faharetany :** 30 minitra.

**Fizotrany**

1. Anontanio ny mpandray anjara : **Iza no mandray fanapahan-kevitra momba ny :**
   - fitantanana rano ;
   - ala ;
   - fambolena ;
   - fiarovana ny tontolo iainana ;
   - fiomanana amin'ny loza voajanahary ?
2. Soraty ny valiny.
3. Diniho :
   - Iza no tsy re feo ?
   - Inona no vokatr'izany ?
   - Ahoana no hanatsarana ny fandraisan'anjaran'ny rehetra ?

**HAFATRA LEHIBE**

- Zava-dehibe ny fandraisan'anjaran'ny vehivavy sy ny lehilahy amin'ny fanapahan-kevitra ;
- Manampy amin'ny fahombiazan'ny vahaolana ny fifampidinihana sy ny fandraisana anjara mitovy.

## Fanazaran-tena 34 – Loza voajanahary sy fiarovana

**Tanjona**

- Mandinika ny fiomanana sy ny fiarovana amin'ny loza voajanahary.

**Faharetany :** 35 minitra.

**Fizotrany**

1. Zaraina vondrona ny mpandray anjara.
2. Omena tranga iray :

**Ohatra :**

- rivodoza ;
- haintany ;
- tondra-drano ;
- afo ala.

3. Angatahana ny vondrona hamaly :

- Iza no tena marefo ?
- Inona no ilaina amin'ny fiomanana ?
- Inona no andraikitry ny lahy sy ny vavy ?
- Ahoana no hiarovana ny olona marefo ?

4. Famelabelarana sy adihevitra.

**HAFATRA LEHIBE**

- Mila fiomanana sy fiaraha-miasa ny fiatrehana loza ;
- Tokony horaisina manokana ny filàn'ny vehivavy, ankizy ary olona marefo ;
- Samy manana andraikitra amin'ny fiarovana ny fiarahamonina ny lahy sy ny vavy.

## Fanazaran-tena 35 – Drafitra tsotra ho an'ny fiatrehana ny fiovan'ny toetr'andro

**Tanjona**

- Hamolavola hetsika tsotra sy azo tanterahina eny anivon'ny fiarahamonina.

**Faharetany :** 30 minitra.

**Fizotrany**

1. Zaraina vondrona ny mpandray anjara.
2. Angatahana hisafidy olana iray mifandraika amin'ny :

- rano ;
- ala ;
- fambolena ;
- loza voajanahary ;
- fahasimban'ny tontolo iainana.

3. Mamaly ireto fanontaniana ireto :

- Inona ny olana ?

- Iza no voakasika ?
- Inona no azo atao ?
- Iza no handray andraikitra ?
- Ahoana no hampandraisana anjara ny vehivavy sy ny lehilahy ?

4. Famelabelarana sy fifanakalozan-kevitra.

**HAFATRA LEHIBE**

- Mila fiaraha-mientana ny fiatrehana ny fiovan'ny toetr'andro ;
- Samy manana fahalalana sy traikefa ilaina ny lahy sy ny vavy ;
- Ny fitoviana sy ny fiaraha-miasa dia manampy amin'ny faharetan'ny vahaolana.

**FAMINTINANA NY FIZARANA 7**

Misy fiantraikany lehibe amin'ny :

- fiainana ;
- fahasalamana ;
- fambolena ;
- rano ;
- ary harena voajanahary ny fiovan'ny toetr'andro.

Na izany aza dia :

- tsy mitovy ny faharefoana ;
- tsy mitovy ny fahafahana ;
- ary tsy mitovy ny fiantraikany amin'ny lahy sy ny vavy.

Noho izany dia ilaina :

- ny fampandraisana anjara ny rehetra ;
- ny fanajana ny filàn'ny sokajin'olona samihafa ;
- ny fiarovana ny tontolo iainana ;
- ary ny fiaraha-miasa amin'ny fiatrehana ny fiovan'ny toetr'andro sy ny loza voajanahary.

# FIZARANA 8 – Fitantanana ny tany, fisorohana herisetra ary fandriampahalemana

**Tanjona amin'ny fampiofanana**

- Mahatakatra ny fifandraisan'ny fitantanana tany sy ny fitovian-jo ;
- Mamantatra ireo antony mahatonga fifandirana sy herisetra ;
- Mandinika ny anjara toeran'ny lahy sy ny vavy amin'ny fisorohana herisetra ;
- Mampiroborobo fandriampahalemana sy fifanajana eo amin'ny fiarahamonina.

**Vokatra andrasana**

Rehefa vita ity fizarana ity dia :

- takatra ny fifandraisan'ny tsy fitoviana sy ny fifandirana ;
- fantatra ireo endrika herisetra mifototra amin'ny lahy sy ny vavy ;
- afaka mamolavola paikady fisorohana herisetra sy fampihavanana ny mpandray anjara ;
- mahafantatra ny anjara andraikiny amin'ny fitandroana fandriampahalemana izy ireo.

**Votoatiny lehibe**

- Fitantanana tany sy loharanon-karena ;
- Fifandirana sy tsy fitoviana ;
- Herisetra mifototra amin'ny lahy sy ny vavy ;
- Fisorohana sy famahana olana ;
- Fampihavanana sy fandriampahalemana.

**Fomba fampitàna**

- Adihevitra tarihana ;
- Fanadihadiana tranga ;
- Asa anaty vondrona ;
- Lalao an-tsehatra ;
- Fifanakalozan-kevitra.

**Faharetany :** Adiny 2.

## Fanazaran-tena 36 – Olana momba ny tany sy ny loharanon-karena

**Tanjona**
Mamantatra ireo olana sy fifandirana mifandraika amin'ny tany sy loharanon-karena.

**Faharetany :** 35 minitra.

**Fizotrany**

1. Anontanio ny mpandray anjara :

**"Inona avy ireo olana sy fifandirana hita eo amin'ny fitantanana tany sy harena voajanahary ?"**

2. Soraty amin'ny tabilao ny valiny.

**Valiny mety hivoaka**

- Ady tany ;
- Tsy fitoviana amin'ny fananana ;
- Fanilihana vehivavy amin'ny lova ;
- Fitrandrahana tafahoatra ;
- Fifandirana eo amin'ny mpiompy sy mpamboly ;
- Tsy fisian'ny fifampidinihana ;
- Fandravana ala sy loharanon-karena.

**Fanontaniana hifanakalozan-kevitra**

- Iza no tena voakasik'ireo olana ireo ?
- Inona ny antony mahatonga azy ?
- Inona ny vokany amin'ny fiarahamonina ?

**HAFATRA LEHIBE**

- Mety hiteraka fifandirana sy tsy fandriampahalemana ny tsy fitoviana amin'ny fitantanana loharanon-karena ;
- Zava-dehibe ny fifampidinihana sy ny fitovian-jo.

## Fanazaran-tena 37 – Herisetra mifototra amin'ny lahy sy ny vavy

**Tanjona**

- Mamantatra ireo endrika herisetra mifototra amin'ny lahy sy ny vavy ;
- Mandinika ny antony sy ny vokatr'izany.

**Faharetany :** 40 minitra.

**Votoatiny**

**Herisetra ara-batana**

- Kapoka ;
- Fampijaliana ;
- Fandrahonana.

**Herisetra ara-tsaina**

- Fanalam-baraka ;
- Fanaratsiana ;
- Fanerena ;
- Fanilihana.

**Herisetra ara-toekarena**

- Fifehezana vola ;
- Fandraràna tsy hiasa ;
- Fanesorana fananana.

**Herisetra ara-nofo**

- Fanolanana ;
- Fanorisorenana ;
- Fanerena hanao firaisana ara-nofo.

**Fizotrany**

1. Zaraina vondrona ny mpandray anjara.
2. Angatahana handinika :
- Inona ny endrika herisetra hita eo amin'ny fiarahamonina ?
- Inona ny antony ?
- Iza no tena iharan'izany ?
- Inona ny vokany ?
3. Famelabelarana sy adihevitra.

**Valiny mety hivoaka**

**Antony**

- Tsy fitovian-kery ;
- Fahantrana ;
- Fisotroana toaka ;
- Hevi-draikitra ;
- Fanjakazakana ;
- Tsy fahalalana ny zo.

**Vokany**

- Tahotra ;
- Fahasimban'ny fahasalamana ;
- Fahatapahan'ny fianarana ;
- Fahasimban'ny fifandraisana ;
- Tsy fandriampahalemana.

**HAFATRA LEHIBE**

- Tsy azo ekena ny herisetra amin'ny endriny rehetra ;
- Ny herisetra dia manimba :
    - olona ;
    - tokantrano ;
    - ary fiarahamonina.

## Fanazaran-tena 38 – Famahana fifandirana amin'ny fomba milamina

**Tanjona**

- Hanazatra fomba famahana olana sy fifandirana am-pilaminana ;
- Hampiroborobo fifampiresahana sy fifanajana.

**Faharetany :** 35 minitra.

**Fizotrany**

1. Omena toe-javatra iray ny vondrona.

**Ohatra**

- Ady tany ;
- Fifandirana ao an-tokantrano ;

- Olana amin'ny rano ;
- Tsy fitoviana amin'ny fanapahan-kevitra ;
- Fampiasana ala.

2. Angatahana ny vondrona :

- hamaritra ny olana ;
- hijery ny antony ;
- hanolotra vahaolana am-pilaminana.

3. Famelabelarana sy adihevitra.

**Vahaolana mety hivoaka**

- Fifampiresahana ;
- Fanelanelanana ;
- Fifampidinihana ;
- Fanajana ny lalàna ;
- Fampandraisana anjara ny rehetra.

**HAFATRA LEHIBE**

- Tsy voatery hiafara amin'ny herisetra ny fifandirana ;
- Ny fifampiresahana sy fifanajana dia manampy amin'ny famahana olana.

## Fanazaran-tena 39 – Fitovian-jo eo amin'ny fitantanana tany

**Tanjona**

- Mandinika ny fahafahan'ny lahy sy ny vavy amin'ny fananana sy fitantanana tany.

**Faharetany :** 30 minitra.

**Fizotrany**

1. Anontanio ny mpandray anjara :

**"Mitovy ve ny fahafahan'ny vehivavy sy ny lehilahy amin'ny :**

- fananana tany ;
- lova ;
- fanapahan-kevitra ;
- fampiasana loharanon-karena ?"

2. Soraty ny valiny.
3. Adihevitra :

- Inona ny sakana misy ?

- Inona no vokatr'izany ?
- Ahoana no mety hanatsarana ny toe-javatra ?

**HAFATRA LEHIBE**

- Zava-dehibe ny fahafahan'ny rehetra miditra amin'ny tany sy loharanon-karena ;
- Ny fitovian-jo dia manampy amin'ny :
    - fampandrosoana ;
    - fandriampahalemana ;
    - ary fitantanana maharitra.

## Fanazaran-tena 40 – Mpisehatra amin'ny fisorohana herisetra

**Tanjona**

- Mamantatra ireo olona sy rafitra afaka misoroka herisetra sy mampiroborobo fandriampahalemana.

**Faharetany :** 30 minitra.

**Fizotrany**

1. Anontanio ny mpandray anjara :

**"Iza avy no afaka misoroka herisetra sy manampy amin'ny fandriampahalemana ?"**

2. Soraty ny valiny.

**Valiny mety hivoaka**

- Ray aman-dreny ;
- Mpampianatra ;
- Mpitondra fivavahana ;
- Mpitondra fokontany ;
- Tanora ;
- Vehivavy ;
- Lehilahy ;
- Fikambanana ;
- Polisy sy fitsarana.

**Fanontaniana hifanakalozan-kevitra**

- Inona no andraikitry ny tsirairay ?
- Ahoana no ahafahana miara-miasa ?

**HAFATRA LEHIBE**

- Samy manana andraikitra amin'ny fisorohana herisetra ny rehetra ;
- Mila fiaraha-miasa ny fananganana fandriampahalemana.

## Fanazaran-tena 41 – Drafitra tsotra ho an'ny fandriampahalemana

**Tanjona**

- Hamolavola hetsika tsotra ho an'ny fisorohana herisetra sy fanamafisana fandriampahalemana.

**Faharetany :** 30 minitra.

**Fizotrany**

1. Zaraina vondrona ny mpandray anjara.
2. Misafidy olana iray :
    - herisetra ;
    - ady tany ;
    - tsy fitoviana ;
    - fanilikilihana ;
    - fifandirana eo amin'ny fiarahamonina.
3. Mamaly ireto fanontaniana ireto :
    - Inona ny olana ?
    - Iza no voakasika ?
    - Inona no azo atao ?
    - Iza no handray andraikitra ?
    - Ahoana no hampandraisana anjara ny lahy sy ny vavy ?
4. Famelabelarana sy adihevitra.

**HAFATRA LEHIBE**

- Mila fiaraha-miasa ny fandriampahalemana ;
- Ny fitovian-jo sy ny fifanajana dia manampy amin'ny fisorohana herisetra ;
- Samy manana andraikitra amin'ny fananganana fiarahamonina mirindra ny lahy sy ny vavy.

**FAMINTINANA NY FIZARANA 8**

Ny tsy fitoviana sy ny tsy rariny amin'ny :

- tany ;
- loharanon-karena ;
- sy fahefana

dia mety hiteraka :

- fifandirana ;
- herisetra ;
- ary tsy fandriampahalemana.

Noho izany dia ilaina :

- ny fitovian-jo ;
- ny fifampiresahana ;
- ny fanajana ny zon'ny tsirairay ;
- ary ny fampandraisana anjara ny rehetra amin'ny famahana olana.

Ny tanjona dia fiarahamonina :

- milamina ;
- mirindra ;
- mandray anjara ;
- ary manaja ny lahy sy ny vavy.



# FIZARANA 9 – Fampiharana eo anivon'ny fiarahamonina sy fandraisana anjara

**Tanjona amin'ny fampiofanana**

- Hampifandray ny fahalalana azo tamin'ny fiofanana amin'ny zava-misy eny ifotony ;
- Hanamafisana ny fandraisan'anjaran'ny lahy sy ny vavy eo amin'ny fiarahamonina ;
- Hanampy ny mpandray anjara hamolavola hetsika azo tanterahina ;
- Hampiroborobo fiaraha-miasa sy andraikitra iombonana.

**Vokatra andrasana**

Rehefa vita ity fizarana ity dia :

- afaka mampihatra ny fahalalana azo eo amin'ny fiainana andavanandro ny mpandray anjara ;
- fantatra ireo hetsika azo tanterahina eny anivon'ny fiarahamonina ;
- mahavita mamolavola drafitra tsotra sy mazava ny vondrona.

**Votoatiny lehibe**

- Fampiharana eny ifotony ;
- Fandraisan'anjara sy fiaraha-miasa ;
- Fanentanana sy fampahafantarana ;
- Drafitra hetsika ;
- Fanaraha-maso sy fanombanana.

**Fomba fampitàna**

- Asa anaty vondrona ;
- Adihevitra tarihana ;
- Lalao an-tsehatra ;
- Fampiharana tranga ;
- Fifanakalozan-kevitra.

**Faharetany :** Adiny 2.

## Fanazaran-tena 42 – Inona no azo atao eo an-toerana ?

**Tanjona**

- Mamantatra ireo hetsika azo tanterahina eo amin'ny fiarahamonina ;
- Mampifandray ny fiofanana amin'ny zava-misy eny ifotony.

**Faharetany :** 30 minitra.

**Fizotrany**

1. Anontanio ny mpandray anjara :

**"Inona avy ireo olana hita eo amin'ny fiarahamonina mifandraika amin'ny :**

- tsy fitoviana ;
- herisetra ;
- fitantanana loharanon-karena ;
- na tsy fandraisana anjara ?"

2. Soraty amin'ny tabilao ny valiny.
3. Diniho miaraka :

- inona avy ireo olana maika ;
- iza no voakasika ;
- inona no azo atao eo an-toerana.

**Valiny mety hivoaka**

- Tsy fandraisan'anjaran'ny vehivavy amin'ny fivoriana ;
- Herisetra ao an-tokantrano ;
- Tsy fahafahan'ny vehivavy mandray fanapahan-kevitra ;
- Fandravana ala ;
- Tsy fitoviana amin'ny fitantanana tany ;
- Fanambadiana aloha loatra.

**HAFATRA LEHIBE**

- Manomboka eny anivon'ny fiarahamonina ny fanovana ;
- Samy afaka mandray andraikitra ny rehetra.

## Fanazaran-tena 43 – Fandraisana anjara eo amin'ny fiainam-piarahamonina

**Tanjona**

- Mandinika ny fandraisan'anjaran'ny lahy sy ny vavy eo amin'ny fiarahamonina.

**Faharetany :** 30 minitra.

**Fizotrany**

1. Anontanio ny mpandray anjara : **"Iza no mandray anjara amin'ny :**
- fivoriana ;
- fanapahan-kevitra ;
- fitantanana tetikasa ;
- fikambanana ;
- fitantanana harena voajanahary ?"
2. Soraty ny valiny.
3. Diniho :
- Iza no tsy dia mandray anjara ?
- Inona ny antony ?
- Ahoana no hampitomboana ny fandraisan'anjaran'ny rehetra ?

**Valiny mety hivoaka**

**Sakana**

- Tahotra ;
- Tsy fahatokisan-tena ;
- Tsy fanomezana sehatra ;
- Asa an-trano maro ;
- Fomba fisainana manambany.

**Vahaolana**

- Fanentanana ;
- Fampiofanana ;
- Fanohanana ;
- Famporisihana ;
- Fanomezana sehatra sy andraikitra.

**HAFATRA LEHIBE**

- Zava-dehibe ny fandraisan'anjaran'ny rehetra amin'ny fampandrosoana ;
- Mila omena sehatra sy fahafahana mitovy ny lahy sy ny vavy.

## Fanazaran-tena 44 – Fampahafantarana sy fanentanana

**Tanjona**

- Hampiroborobo fomba fanentanana sy fampahafantarana eny ifotony.

**Faharetany :** 35 minitra.

**Fizotrany**

1. Zaraina vondrona ny mpandray anjara.
2. Angatahana izy ireo hisafidy lohahevitra iray :
- fitovian-jo ;
- fisorohana herisetra ;
- fiarovana ny tontolo iainana ;
- fandraisan'anjaran'ny vehivavy ;
- fiovan'ny toetr'andro.
3. Asaina mamolavola :
- hafatra ;
- fomba fanentanana ;
- toerana hanaovana azy ;
- olona kendrena.
4. Famelabelarana sy adihevitra.

**Ohatra amin'ny fomba fanentanana**

- Fivoriana ;
- Lalao an-tsehatra ;
- Hira sy tononkalo ;
- Resadresaka ;
- Radio ;
- Tambajotra sosialy ;
- Hetsika eny ifotony.

**HAFATRA LEHIBE**

- Zava-dehibe ny fampahafantarana sy fanentanana ;
- Tokony ho mazava sy mora takarina ny hafatra ;
- Mila mifanaraka amin'ny kolontsaina sy ny zava-misy eny an-toerana ny fomba fanentanana.

## Fanazaran-tena 45 – Lalao an-tsehatra momba ny fiainam-piarahamonina

**Tanjona**

- Hanazatra ny mpandray anjara amin'ny fiatrehana toe-javatra eny ifotony ;
- Hampiroborobo fifampiresahana sy famahana olana.

**Faharetany :** 40 minitra.

**Fizotrany**

1. Omena toe-javatra iray ny vondrona.

**Ohatra**

- Vehivavy tsy mahazo miteny amin'ny fivoriana ;
- Fifandirana momba ny tany ;
- Herisetra ao an-tokantrano ;
- Fandravana ala ;
- Tanora tsy ampandraisina anjara.

2. Asaina manao lalao an-tsehatra :

- mampiseho ny olana ;
- manolotra vahaolana ;
- mampiseho fiaraha-miasa sy fifampiresahana.

3. Adihevitra rehefa vita.

**HAFATRA LEHIBE**

- Ny fifampiresahana sy fifanajana dia manampy amin'ny famahana olana ;
- Ny fiaraha-miasa dia manampy amin'ny fananganana fiarahamonina mirindra.



## Fanazaran-tena 46 – Drafitra hetsika eo an-toerana

**Tanjona**

- Hamolavola drafitra tsotra sy azo tanterahina eny anivon'ny fiarahamonina.

**Faharetany :** 45 minitra.

**Fizotrany**

1. Zaraina vondrona ny mpandray anjara.
2. Misafidy olana iray ny vondrona.
3. Fenoin'izy ireo ireto :

| Fanontaniana | Valiny |
|---|---|
| Inona ny olana ? | |
| Inona ny tanjona ? | |
| Inona ny hetsika hatao ? | |
| Iza no handray andraikitra ? | |
| Rahoviana no hanaovana azy ? | |
| Iza no hiara-miasa ? | |
| Inona ny vokatra andrasana ? | |

4. Famelabelarana sy fanitsiana iarahana.

**HAFATRA LEHIBE**

- Mila drafitra mazava ny hetsika ;
- Zava-dehibe ny fiaraha-miasa sy ny fandraisan'anjara ;
- Ny hetsika tsotra aza mety hitondra fiovana lehibe.

## Fanazaran-tena 47 – Fanaraha-maso sy fanombanana

**Tanjona**

- Hanampy ny mpandray anjara hahafantatra ny maha-zava-dehibe ny fanaraha-maso sy fanombanana.

**Faharetany :** 25 minitra.

**Fizotrany**

1. Anontanio ny mpandray anjara :

**"Ahoana no hahafantarantsika fa nisy fiovana?"**

2. Soraty ny valiny.

**Valiny mety hivoaka**

- Fitomboan'ny fandraisan'anjaran'ny vehivavy ;
- Fihenan'ny herisetra ;
- Fampihenana fifandirana ;
- Fitomboan'ny fiaraha-miasa ;
- Fiarovana tsara kokoa ny harena voajanahary.

**Fanontaniana hifanakalozan-kevitra**

- Inona avy ireo famantarana azo arahina ?
- Iza no hanao ny fanaraha-maso ?
- Rahoviana no hanaovana fanombanana ?

## HAFATRA LEHIBE

- Zava-dehibe ny fanaraha-maso sy fanombanana ;
- Manampy amin'ny fanatsarana hetsika sy paikady izany ;
- Mila mandray anjara amin'izany ny rehetra.

## FAMINTINANA NY FIZARANA 9

Ny fanovana maharitra dia :

- miainga eny ifotony ;
- mitaky fandraisan'anjaran'ny rehetra ;
- ary mila hetsika mazava sy azo tanterahina.

Ny fiaraha-miasa eo amin'ny :

- vehivavy ;
- lehilahy ;
- tanora ;
- mpitondra ;
- ary vondrom-piarahamonina

dia manampy amin'ny :

- fampandrosoana ; fisorohana herisetra ;
- fitantanana maharitra ny harena voajanahary ;
- ary fananganana fiarahamonina mirindra sy mandray anjara.

## FIZARANA 10 – Fampielezana ny fahalalana, fanoloran-tena ary famaranana ny fiofanana

**Tanjona amin'ny fampiofanana**

- Hamporisika ny mpandray anjara hizara ny fahalalana azony ;
- Hanamafisana ny fanoloran-tena amin'ny fampiharana ny lesona azo ;
- Handrafetana paikady fanohizana ny hetsika eny anivon'ny fiarahamonina ;
- Hamaranana ny fiofanana amin'ny fomba mandrisika sy mampiray.

**Vokatra andrasana**

Rehefa vita ity fizarana ity dia :

- vonona hizara sy hampita ny fahalalana azony ny mpandray anjara ;
- manana fanoloran-tena mazava amin'ny fanovana sy fampiharana ny lesona izy ireo ;
- fantatra ireo hetsika sy fomba hanohizana ny fanentanana eny ifotony.

**Votoatiny lehibe**

- Fampielezana fahalalana ;
- Fanoloran-tena manokana sy iombonana ;
- Fanohizana hetsika ;
- Fanamafisana fiaraha-miasa ;
- Famaranana sy tombana ankapobeny.

**Fomba fampitàna**

- Adihevitra tarihana ;
- Asa anaty vondrona ;
- Fanolorana hevitra ;
- Fifanakalozan-kevitra ;
- Fizarana traikefa.

**Faharetany:** Adiny 1 sy 30 minitra.

## Fanazaran-tena 48 – Inona no lesona azo ?

**Tanjona**

- Hamintina ireo fahalalana sy traikefa azo nandritra ny fiofanana.

**Faharetany :** 25 minitra.

**Fizotrany**

1. Anontanio ny mpandray anjara :

**“Inona avy ireo zavatra manan-danja indrindra nianaranareo ?”**

2. Soraty amin’ny tabilao ny valiny.

**Valiny mety hivoaka**

- Maha-zava-dehibe ny fitovian-jo ;
- Ny hevi-draikitra dia azo ovaina ;
- Mila fiaraha-miasa ny fitantanana loharanon-karena ;
- Tsy azo ekena ny herisetra ;
- Samy manana andraikitra amin’ny fampandrosoana ny lahy sy ny vavy ;
- Zava-dehibe ny fifampiresahana sy fifanajana.

**HAFATRA LEHIBE**

- Ny fahalalana dia ilaina rehefa ampiharina sy zaraina amin’ny hafa ;
- Samy afaka mitondra fiovana tsara ny tsirairay.

## Fanazaran-tena 49 – Ahoana no hizarana ny fahalalana ?

**Tanjona**

- Hamporisika ny mpandray anjara hizara ny fahalalana eny anivon’ny fiarahamonina.

**Faharetany :** 25 minitra.

**Fizotrany**

1. Zaraina vondrona ny mpandray anjara.
2. Angatahana izy ireo hamaly :

**“Ahoana no ahafahantsika mampita ireo hafatra sy fahalalana azo ?”**

3. Soraty ny valiny.

**Valiny mety hivoaka**

- Fanentanana eny anivon’ny fokontany ;
- Resadresaka amin’ny fianakaviana ;

- Fivoriana sy adihevitra ;
- Lalao an-tsehatra ;
- Fampiasana radio ;
- Fampiasana tambajotra sosialy ;
- Fampiofanana hafa.

**HAFATRA LEHIBE**

- Zava-dehibe ny fampitana fahalalana amin'ny fomba :
  - mazava ;
  - mora takarina ;
  - ary mifanaraka amin'ny kolontsaina sy zava-misy eny an-toerana.

## Fanazaran-tena 50 – Fanoloran-tena manokana

**Tanjona**

- Hamporisika ny tsirairay handray andraikitra amin'ny fanovana.

**Faharetany :** 20 minitra.

**Fizotrany**

1. Asaina mieritreritra ny mpandray anjara :

**"Inona ny zavatra iray hataoko manomboka izao ?"**

2. Manoratra fanoloran-tena tsotra ny tsirairay.
3. Raha mety dia vakiana eo anatrehan'ny vondrona izany.

**Ohatra mety hivoaka**

- Hanaja sy hihaino ny hevitry ny hafa aho ;
- Hizara andraikitra ao an-tokantrano aho ;
- Hanohana ny fianaran'ny ankizivavy aho ;
- Tsy hanaiky herisetra aho ;
- Hamporisika ny vehivavy handray anjara aho ;
- Hanao hetsika fiarovana ny tontolo iainana aho.

**HAFATRA LEHIBE**

- Manomboka amin'ny fihetsika sy fanapahan-kevitra madinika ny fanovana
- Samy manana anjara toerana amin'ny fananganana fiarahamonina mirindra ny rehetra.

## Fanazaran-tena 51 – Drafitra fanohizana hetsika

**Tanjona**

- Hamolavola paikady sy hetsika hanohizana ny asa eny anivon'ny fiarahamonina.

**Faharetany :** 30 minitra.

**Fizotrany**

1. Zaraina vondrona ny mpandray anjara.
2. Angatahana hamolavola :
- hetsika iray ;
- tanjona ;
- olona hiara-miasa ;
- fotoana hanatanterahana ;
- fomba fanaraha-maso.
3. Famelabelarana sy adihevitra.

**Ohatra mety hivoaka**

- Fanentanana momba ny fisorohana herisetra ;
- Hetsika fambolen-kazo ;
- Fampiofanana tanora ;
- Fivoriana momba ny fitovian-jo ;
- Fanohanana vehivavy amin'ny fitantanana loharanon-karena.

**HAFATRA LEHIBE**

- Mila tohizana sy hamafisina ny ezaka fanovana ;
- Zava-dehibe ny fiaraha-miasa sy ny fifampizarana andraikitra.

## Fanazaran-tena 52 – Tombana ny fiofanana

**Tanjona**

- Hanangona ny hevitry ny mpandray anjara momba ny fiofanana ;
- Hanatsarana ny fiofanana ho avy.

**Faharetany :** 20 minitra.

**Fizotrany**

**1.** Anontanio ny mpandray anjara hoe : **"Inona no :**

- nahafinaritra ;
- nahasoa ;
- sarotra ;
- na mila hatsaraina ?"

2. Soraty ny valiny.
3. Ataovy ny famintinana sy fankasitrahana.

**HAFATRA LEHIBE**

- Zava-dehibe ny fizarana hevitra sy traikefa ;
- Manampy amin'ny fanatsarana ny fiofanana ny tombana.



## FAMARANANA ANKAPOBENY

Ity torolàlana ity dia natao hanampiana ireo mpanentana, mpampiofana, fikambanana, vondrom-piarahamonina ary mpisehatra amin'ny fampandrosoana amin'ny fampiroboroboana ny fitovian-jo, ny fifanajana, ny fiaraha-miasa, ny fisorohana herisetra ary ny fitantanana maharitra ny harena voajanahary. Ny lehilahy sy ny vehivavy dia samy manana zo sy fahafahana ary andraikitra amin'ny fananganana fiarahamonina milamina, mandray anjara, maharitra ary ara-drariny. Ny fanovana dia azo atao, saingy mitaky fanoloran-tena sy fiaraha-mientana avy amin'ny rehetra mba hahafahana manorina fiarahamonina tsaratsara kokoa sy mirindra kokoa.

**HAFATRA FARANY**

Hajao hatrany ny maha-olona sy ny zon'ny tsirairay ary ampiroborobo ny fifampiresahana sy ny fifanajana eo amin'ny samy olona. Tsy tokony ekena ny herisetra sy ny fanilikilihana amin'ny endriny rehetra. Zava-dehibe ihany koa ny fizarana amin'ny hafa ny fahalalana azo sy ny fiaraha-miasa amin'ny rehetra amin'ny fananganana hoavy tsara kokoa, mirindra ary maharitra ho an'ny fiarahamonina.



# TOVANA FANAMPINY

## Tovana fanampiny 1. Voambolana fototra momba ny lahy sy ny vavy

| Voambolana | Fanazavana amin'ny teny malagasy |
|---|---|
| **Lahy sy vavy (Genre)** | Andraikitra, fitondran-tena ary toerana omen'ny fiarahamonina ny lahy sy ny vavy |
| **« Sexe »** | Fahasamihafana ara-batana sy voajanahary eo amin'ny lahy sy ny vavy |
| **Hevi-draikitra** | **Fomba fisainana raikitra momba ny olona na vondrona iray** |
| **Fitovian-jo** | Fahafahana sy zo mitovy ho an'ny rehetra |
| **Herisetra mifototra amin'ny lahy sy ny vavy** | **Herisetra atao noho ny maha-lahy na maha-vavy** |
| **Fanjakazakana** | Fampiasana hery hanerena na hifehezana ny hafa |
| **Fifandraisan-kery** | **Fomba ifampizaran'ny olona fahefana sy hery eo amin'ny fiarahamonina** |
| **Fandraisan'anjara** | Fandraisana anjara amin'ny asa sy fanapahan-kevitra |
| **Fanilikilihana** | **Fanavahana na fanambaniana olona iray** |
| **Fampandrosoana maharitra** | Fampandrosoana manaja ny olona sy ny tontolo iainana ho an'ny taranaka ankehitriny sy ny ho avy |

## Tovana fanampiny 2. TOROMARIKA HO AN'NY MPAMPIOFANA

### Alohan'ny fiofanana

Ny mpampiofana dia tokony :

- mahafantatra tsara ny votoatin'ny fiofanana ;
- manomana ny fitaovana ilaina ;
- mandinika ny zava-misy sy kolontsaina eo an-toerana ;
- manomana fomba fampitàna mifanaraka amin'ny mpandray anjara.

**Mandritra ny fiofanana** dia tokony :

- hamporisika ny fandraisan'anjaran'ny rehetra ;
- hanaja ny hevitry ny tsirairay ;
- hisoroka fanalam-baraka sy fanilikilihana ;
- hampiasa teny mazava sy mora takarina ;
- hanome sehatra mitovy ny lahy sy ny vavy.

**Raha misy adihevitra sarotra**

Ny mpampiofana dia tokony :

- hihaino tsara ;
- tsy hitsara ;
- hampitony ny fifanakalozan-kevitra ;
- hamerina ny resaka amin'ny tanjon'ny fiofanana ;
- hanamafy ny fifanajana sy ny fihainoana.

**Aorian'ny fiofanana**

Tsara raha :

- manao tombana ;
- manangona hevitra sy soso-kevitra ;
- manaraka ny fampiharana eny an-toerana ;
- manohy fanentanana sy fanohanana.

## Tovana fanampiny 3. FITSIPIKA IOMBONANA MANDRITRA NY FIOFANANA

Mba hahomby ny fiofanana dia ilaina ny fanajana ireto fitsipika ireto :

- mifampihaino ;
- tsy mifampitsara ;
- manaja ny hevitry ny tsirairay ;
- tsy manapaka teny ;
- mitandrina tsiambaratelo ;
- mandray anjara am-pahavitrihana ;
- manaja fotoana ;
- mampiasa teny mendrika sy manaja.

## Tovana fanampiny 4. OHATRA HAFATRA FANENTANANA

**Momba ny fitovian-jo**

- "Samy manana zo sy andraikitra ny lahy sy ny vavy."
- "Ny fiaraha-miasa no fototry ny fampandrosoana."
- "Ny vehivavy sy ny lehilahy dia samy afaka mitarika sy mandray andraikitra."

**Momba ny fisorohana herisetra**

- "Tsy vahaolana ny herisetra."
- "Ny fifampiresahana sy ny fifanajana no mitondra fandriampahalemana."
- "Arovy sy hajao ny zon'ny tsirairay."

**Momba ny tontolo iainana**

- "Ny fiarovana ny tontolo iainana dia andraikitry ny rehetra."
- "Ny ala sy ny rano dia harena iombonana."
- "Miara-miaro ny tontolo iainana isika ho an'ny taranaka ho avy."

## Tovana fanampiny 5. OHATRA LALAO FANALALAHANA

**Lalao : "Mifankafantatra"**

**Tanjona**

- Hampahazo aina ny mpandray anjara ;
- Hampiroborobo fifankafantarana.

**Fizotrany**

1. Mijoro anaty faribolana ny rehetra.
2. Samy milaza :
    - ny anarany ;
    - zavatra iray tiany ;
    - ary zavatra iray andrasany amin'ny fiofanana.
3. Averina amin'ny olona rehetra izany.

**Lalao : "Ny zavatra itovizantsika"**

**Tanjona**

- Hampiseho fa maro ny zavatra iombonana amin'ny olona.

**Fizotrany**

1. Mizara roa ny mpandray anjara.

2. Mitady zavatra telo itovizany izy ireo.
3. Zaraina amin'ny vondrona lehibe ny valiny.

## Tovana fanampiny 6. TOROMARIKA MOMBA NY LALAO AN-TSEHATRA

**Alohan'ny lalao**

- Hazavao mazava ny toe-javatra ;
- Omeo fotoana hiomanana ny vondrona ;
- Ampahatsiahivo fa tsy natao hanesoana olona ny lalao.

**Mandritra ny lalao**

- Avelao haneho hevitra malalaka ny mpandray anjara ;
- Araho ny fotoana ;
- Tandremo ny fifanajana.

**Aorian'ny lalao**

Ataovy ny adihevitra :

- Inona ny olana hita ?
- Inona ny vahaolana ?
- Inona ny lesona azo ?

## Tovana fanampiny 7. FAMANTARANA AZO ARAHINA EO AMIN'NY FANOVANA

**Ohatra famantarana**

**Momba ny fitovian-jo**

- Fitomboan'ny vehivavy mandray fitenenana ;
- Fitomboan'ny vehivavy mandray andraikitra ;
- Fandraisana anjara mitovy amin'ny fivoriana.

**Momba ny fisorohana herisetra**

- Fihenan'ny tranga herisetra ;
- Fitomboan'ny olona mahalala ny zony ;
- Fitomboan'ny fifampiresahana ao an-tokantrano.

**Momba ny tontolo iainana**

- Fitomboan'ny hetsika fiarovana ala ;
- Fampihenana fandripahana ala ;

- Fandraisan'anjaran'ny lahy sy ny vavy amin'ny fitantanana loharanon-karena.

## Tovana fanampiny 8. TOROMARIKA MOMBA NY FAMPANDRAISANA ANJARA

**Ho an'ny mpampiofana**

Ataovy izay :

- hahafahan'ny rehetra miteny ;
- tsy hanjakan'ny olona vitsy ny adihevitra ;
- handrenesana ny feon'ny vehivavy sy ny tanora ;
- hanajana ny olona saro-kenatra na mangina.

**Fomba azo ampiasaina**

- Asa anaty vondrona kely ;
- Fanontaniana misokatra ;
- Karatra sy sary ;
- Lalao sy adihevitra ;
- Fampiasana ohatra avy amin'ny fiainana andavanandro.

## Tovana fanampiny 9. TOROMARIKA MOMBA NY TENY SY FIHETSIKA

Mandritra ny fiofanana dia tokony :

- hisoroka teny manambany ;
- tsy hampiasa teny manavakavaka ;
- hanaja ny fahasamihafan'ny olona ;
- hisoroka fanalam-baraka sy vazivazy manafintohina.

## Tovana fanampiny 10. HAFATRA FAMARANANA

Ny fampiroboroboana :

- fitovian-jo ;
- fifanajana ;
- fiaraha-miasa ;
- ary fitantanana maharitra ny harena voajanahary

dia manampy amin'ny fananganana fiarahamonina :

- milamina ;
- mirindra ;
- mandray anjara ;

- ary maharitra.

Ny fanovana dia manomboka :

- amin'ny fomba fisainana ;
- amin'ny teny ampiasaina ;
- ary amin'ny fihetsika andavanandro.

Samy manana anjara toerana lehibe amin'ny fananganana fiarahamonina tsara kokoa ny lahy sy ny vavy.

## Tovana fanampiny 11. OHATRA FANONTANIANA HO AN'NY ADIHEVITRA

**Momba ny lahy sy ny vavy**

- Inona avy ireo asa heverina ho an'ny lehilahy sy ny vehivavy eo amin'ny fiarahamonina ?
- Misy asa ve tsy azon'ny vehivavy na lehilahy atao ?
- Ahoana no anabeazana ny ankizilahy sy ankizivavy ?
- Inona avy ireo hevi-draikitra hita eo amin'ny fiarahamonina ?

**Momba ny fitovian-jo**

- Mitovy ve ny fahafahan'ny lahy sy ny vavy ?
- Iza no mandray fanapahan-kevitra ?
- Iza no mahazo tombontsoa bebe kokoa ?
- Inona no sakana amin'ny fandraisan'anjaran'ny vehivavy ?

**Momba ny herisetra**

- Inona avy ireo endrika herisetra hita eo amin'ny fiarahamonina ?
- Inona no mahatonga azy ?
- Ahoana no hisorohana azy ?
- Iza avy no afaka mandray andraikitra ?

**Momba ny tontolo iainana**

- Iza no tena mampiasa ny loharanon-karena ?
- Iza no tena voakasiky ny fahasimban'ny tontolo iainana ?
- Ahoana no hiarovana ny ala sy ny rano ?
- Inona ny anjara toeran'ny vehivavy sy ny lehilahy ?

## Tovana fanampiny 12. OHATRA ASA ANATY VONDRONA

**Asa 1 – Sarin'ny fiarahamonina mirindra**

**Tanjona**

- Hamporisika ny mpandray anjara hamolavola fiarahamonina tiany ho tratrarina.

**Fizotrany**

1. Zaraina vondrona ny mpandray anjara.
2. Asaina manao sary na manoratra :
    - ny endriky ny fiarahamonina mirindra ;
    - ny fifandraisan'ny lahy sy ny vavy ;
    - ny fomba fitantanana ny harena voajanahary.
3. Famelabelarana sy adihevitra.

**Asa 2 – Olana sy vahaolana**

**Tanjona**

- Hampifandray ny olana sy ny vahaolana azo atao.

**Fizotrany**

1. Soratana amin'ny taratasy ny olana hita.
2. Asaina mitady :
    - antony ;
    - vokatra, ary vahaolana ny vondrona.
3. Zaraina amin'ny rehetra ny valiny.

## Tovana fanampiny 13. OHATRA HAFATRA HO AN'NY TANORA

**Hafatra miabo**

- "Ny tena hery dia ny fifanajana."
- "Ny lehilahy sy ny vehivavy dia samy afaka manatanteraka nofinofy."
- "Tsy fahalemena ny maneho fihetseham-po."
- "Ny fifampiresahana no vahaolana tsara indrindra."
- "Arovy ny tontolo iainana, arovy ny ho avy."

**Hafatra momba ny fisorohana herisetra**

- "Tsy fitiavana ny herisetra."
- "Hajao ny safidin'ny hafa."
- "Aoka tsy hisy fanerena na fanambaniana."

## Tovana fanampiny 14. OHATRA HAFATRA HO AN'NY RAY AMAN-DRENY

"Ny ankizy rehetra dia mendrika fahafahana mitovy."

- "Aza ferana amin'ny hevi-draikitra ny zanakao."
- "Ampianaro hifampihaino sy hifanaja ny ankizy."
- "Ny fanabeazana mitovy dia manampy amin'ny fananganana fiarahamonina mirindra."

## Tovana fanampiny 15. OHATRA HAFATRA HO AN'NY MPITONDRA SY MPANAPAKA

- "Ny fandraisan'anjaran'ny rehetra dia manamafy ny fampandrosoana."
- "Ny fitovian-jo dia manampy amin'ny fitoniana sy fandriampahalemana."
- "Mila re ny feon'ny vehivavy sy ny tanora."
- "Ny fitantanana tsara dia mifototra amin'ny fifampidinihana sy mangarahara."

## Tovana fanampiny 16. TOROMARIKA MOMBA NY FIFANAKALOZAN-KEVITRA

**Rehefa mitarika adihevitra**

Ny mpampiofana dia tokony :

- hanontany amin'ny fomba mazava ;
- hanome fotoana hitenenan'ny rehetra ;
- hisoroka fanerena sy fitsarana ;
- hamporisika fifanakalozan-kevitra milamina ;
- hamerina amin'ny lohahevitra rehefa miala lavitra ny resaka.

**Raha misy tsy fifanarahana**

Tokony :

- hihaino ny andaniny sy ankilany ;
- hampahatsiahy ny fitsipiky ny fifanajana ;
- hampitony ny toe-draharaha ;
- hitady vahaolana iarahana.

## Tovana fanampiny 17. TOROMARIKA MOMBA NY FAMELABELARANA

**Ho an'ny mpandray anjara**

Rehefa manao famelabelarana :

- mitenena mazava ;
- mijery ny mpihaino ;
- mifantoha amin'ny hafatra lehibe ;
- manaja fotoana ;
- manome toerana ho an'ny fanontaniana.

**Ho an'ny mpampiofana**

- Ampio ireo saro-kenatra ;
- Amporisiho ny rehetra ;
- Omeo teny fankaherezana sy fanitsiana amin'ny fomba manaja.

## Tovana fanampiny 18. OHATRA FAMINTINANA ISAKY NY FIZARANA

**Rehefa mamarana fizarana iray**

Ny mpampiofana dia afaka mametraka ireto fanontaniana ireto :

- Inona ny lesona lehibe azo ?
- Inona no tena nahaliana ?
- Inona no mbola tsy mazava ?
- Inona no azo ampiharina eo amin'ny fiainana andavanandro ?

**Tanjona**

- Hanamafisana ny fahalalana ;
- Hanampiana ny mpandray anjara hampifandray ny fiofanana amin'ny zava-misy.

## Tovana fanampiny 19. TOROMARIKA MOMBA NY FANDRINDRANA NY FOTOANA

**Alohan'ny fiofanana**

- Omano ny fandaharam-potoana ;
- Farito mazava ny tanjona ;
- Jereo ny fitaovana ilaina.

**Mandritra ny fiofanana**

- Hajao ny fotoana natokana ;
- Avelao hisy fotoana hifanakalozan-kevitra ;
- Ataovy misy fifandanjana ny fanazavana sy fanazaran-tena.

**Aorian'ny fiofanana**

- Ataovy ny famintinana ;
- Angony ny hevitra sy soso-kevitra ;
- Farano amin'ny hafatra miabo sy fanentanana.

## Tovana fanampiny 20. FAMARANANA FARANY

Ny tanjon'ity torolàlana ity dia ny :
- hanampy amin'ny fananganana fiarahamonina manaja ny lahy sy ny vavy ;
- hampiroborobo fitovian-jo sy fifanajana ;
- hisorohana herisetra sy fanilikilihana ;
- ary hanamafy ny fitantanana maharitra ny harena voajanahary.

Ny fanovana dia tsy vita indray andro fa :
- mila faharetana ;
- mila fiaraha-miasa ;
- ary mila fanoloran-tena avy amin'ny rehetra.

Ny fahalalana sy ny fifanajana no fototry ny :
- fandriampahalemana ;
- fampandrosoana ;
- ary fiarahamonina mirindra sy maharitra.

## Tovana fanampiny 21. OHATRA TRANGA HO AN'NY FANADINIHANA

**Tranga 1 – Vehivavy tsy mahazo miteny amin'ny fivoriana**

Ao amin'ny fokontany iray dia tsy mahazo maneho hevitra firy ny vehivavy mandritra ny fivoriana momba ny fitantanana ala sy rano. Rehefa misy vehivavy miteny dia tapahin'ny lehilahy matetika ny teniny na atao tsinontsinona ny heviny.

**Fanontaniana hifanakalozan-kevitra**

- Inona ny olana hita amin'ity tranga ity ?
- Inona ny antony mahatonga izany ?
- Inona ny vokany amin'ny fiarahamonina sy ny fitantanana loharanon-karena ?

- Ahoana no mety hanatsarana ny toe-javatra ?

**Hafatra lehibe**

- Mila re sy hajaina ny feon'ny rehetra ;
- Ny fandraisan'anjaran'ny vehivavy dia manampy amin'ny fanapahan-kevitra tsara kokoa.

**Tranga 2 – Ankizivavy atsahatra tsy hianatra**

Noho ny fahasahiranana ara-bola dia tapahin'ny ray aman-dreny fa ny zazalahy ihany no tohizana hianatra fa ny ankizivavy kosa asaina manampy ao an-trano sy hiomana amin'ny fanambadiana.

**Fanontaniana hifanakalozan-kevitra**

- Inona ny fiantraikan'izany amin'ny ankizivavy ?
- Inona ny voka-dratsiny amin'ny fiarahamonina ?
- Misy fomba hafa ve azo atao ?

**Hafatra lehibe**

- Zon'ny ankizy rehetra ny fanabeazana ;
- Ny fanabeazana ny ankizivavy dia manampy amin'ny fampandrosoana ny fiarahamonina.

**Tranga 3 – Herisetra ao an-tokantrano**

Misy lehilahy iray mampiasa herisetra rehefa tezitra na rehefa avy misotro toaka. Matahotra miteny ny vadiny satria miankina aminy ara-bola.

**Fanontaniana hifanakalozan-kevitra**

- Inona avy ireo endrika herisetra hita ?
- Inona ny antony mety mahatonga izany ?
- Inona ny vokany amin'ny vady sy ny ankizy ?
- Ahoana no hisorohana sy hamahana izany ?

**Hafatra lehibe**

- Tsy azo ekena ny herisetra ;
- Mila fifampiresahana, fanohanana ary fiarovana ny olona iharan'ny herisetra.

## Tovana fanampiny 22. OHATRA FOMBA FAMPAHAFANTARANA ENY IFOTONY

**Fivoriam-bahoaka**

Azo ampiasaina :

- hampitana hafatra ;
- hanaovana adihevitra ;
- hifanakalozana traikefa.

**Lalao an-tsehatra**

Manampy :

- hampahafantatra olana ;
- hampiseho vahaolana ;
- hahatonga ny olona handray anjara mavitrika.

**Hira sy tononkalo**

Mora :

- tadidy ;
- zaraina ;
- ary mifanaraka amin'ny kolontsaina eo an-toerana.

**Radio sy tambajotra sosialy**

Afaka :

- mampiely hafatra amin'ny olona maro ;
- manentana ;
- ary manabe.

## Tovana fanampiny 23. OHATRA TOMBANA NY FIOFANANA

**Fanontaniana azo apetraka**

**Momba ny Votoatiny**

- Mazava ve ny fanazavana ?
- Misy zavatra mbola tsy takatra ve ?
- Inona ny lohahevitra tena nahasoa ?

**Momba ny Fomba fampitàna**

- Nahafahana nandray anjara ve ?
- Nahaliana ve ny fanazaran-tena ?
- Nisy fotoana ampy ve ho an'ny adihevitra ?

**Momba ny fampiharana**

- Inona no hampiharinao aorian'ny fiofanana ?
- Inona no fanovana tianao hatao ?

## Tovana fanampiny 24. TOROMARIKA MOMBA NY FIAROVANA NY MPANDRAY ANJARA

**Mandritra ny adihevitra**

Mety hisy lohahevitra :

- mampahatsiaro ratra ;
- manahirana ;
- na mampihetsi-po.

Noho izany dia tokony :

- hanaja ny tsiambaratelon'ny olona ;
- tsy hanery olona hitantara zavatra manokana ;
- hamela ny olona hiala sasatra raha ilaina ;
- hihaino amin'ny fomba manaja sy mangoraka.

**Raha misy tranga herisetra ambara**

Ny mpampiofana dia tokony :

- hihaino tsara ;
- tsy hitsara ;
- tsy hanome tsiny ;
- hanondro toerana na rafitra afaka manampy raha misy.

## Tovana fanampiny 25. OHATRA FAMPIASANA SARY SY KARATRA

**Sary**

Azo ampiasaina :

- hanombohana adihevitra ;
- hanazavana toe-javatra ;
- hampitahana fomba fiainana sy andraikitra.

**Karatra**

Azo soratana amin'ny karatra :

- olana ;
- hafatra ;

- andraikitra ; na vahaolana.

Manampy amin'ny :

- fandraisan'anjara ;
- fifanakalozan-kevitra ary fandaminana hevitra izany.

## Tovana fanampiny 26. TOROMARIKA MOMBA NY FAMPIASANA TENY TSOTRA

Mandritra ny fiofanana dia tsara raha :

- mampiasa teny mora takarina ;
- manazava ireo voambolana sarotra ;
- mampiasa ohatra avy amin'ny fiainana andavanandro ;
- misoroka teny manambany sy manafintohina.

**Ohatra**

| Teny sarotra | Fomba tsotra kokoa |
|---|---|
| **Hevi-draikitra** | Fomba fisainana raikitra |
| **« Discrimination »** | Fanilikilihana |
| **« Participation »** | **Fandraisan'anjara** |
| **« Violence »** | Herisetra |
| **« Résilience »** | **Fahafahana miatrika olana sy miverina amin'ny laoniny** |

## Tovana fanampiny 27. OHATRA FOMBA FANAMAFISANA NY FIFANAJANA

**Atao**

- Mihaino rehefa misy miteny ;
- Manome lanja ny hevitry ny rehetra ;
- Mampiasa teny manaja ;
- Mifampisaotra sy mifankahery.

**Tsy atao**

- Fanesoana ;
- Fanalam-baraka ;
- Fanapahana teny ;
- Fandrahonana ;
- Fanilihana.

## Tovana fanampiny 28. TOROMARIKA MOMBA NY FIARAHA-MIASA EO AMIN'NY LAHY SY NY VAVY

Ny fiaraha-miasa tsara dia :

- mifototra amin'ny fifanajana ;
- mizara andraikitra ;
- mihaino ny hevitry ny rehetra ;
- miara-mitady vahaolana.

**Vokatra tsara azo**

- Mihena ny fifandirana ;
- Mihatsara ny fitantanana tokantrano ;
- Mihatsara ny fitantanana harena voajanahary ;
- Mitombo ny fandriampahalemana sy ny fifampitokisana.

## Tovana fanampiny 29. HAFATRA MANENTANA NY FIAROVANA NY TONTOLO IAINANA

"Ny tontolo iainana voaaro dia antoky ny ho avy."

- "Miara-miaro ala sy rano isika."
- "Ny harena voajanahary dia lova ho an'ny taranaka."
- "Samy manana andraikitra amin'ny fiarovana ny tontolo iainana ny rehetra."

## Tovana fanampiny 30. TENY FANKASITRAHANA

Isaorana manokana ireo mpandray anjara, mpampiofana, mpanentana, mpitarika fiarahamonina, ary ireo mpiara-miombon'antoka rehetra izay nandray anjara tamin'ny :

- fanomanana ;
- fanatanterahana ;
- ary fampielezana ity torolàlana ity.

Ny fanoloran-tenan'ny rehetra no ahafahana :

- mampiroborobo fitovian-jo ;
- misoroka herisetra ;
- miaro ny tontolo iainana ary manangana fiarahamonina mirindra sy maharitra.

# TRANGA ARA-PAMPIOFANANA – FANDINIHANA TRANGA EO AN-TOERANA

**KARAZAM-PAHEFANA SY MIRALENTA**

**Sehatra :** VOI – Faritra arovana – Jono – Honko – Ala

**Tanjona :** Hamantarana ireo karazana fahefana (fahefana manjakazaka, fiaraha-miasa, hery anatiny, fahefana manao zavatra) sy handinihana ny fifandraisany amin'ny miralenta eo amin'ny fitantanana ny harena voajanahary.

**Toromarika ankapobeny :**

Vakio ny tranga, ifanakalozy hevitra ao anaty vondrona ary valio ireo fanontaniana apetraka.

## Tranga 1. Filohan'ny VOI mpanao jadona

**Tranga :**

Ny filohan'ny VOI no manapa-kevitra irery momba ny fitsipika hidirana ala ary vao avy eo mampandre ny vehivavy.

**Fanontaniana :**

1. Karazana fahefana inona no hita eto ?
2. Iza no tena mandray fanapahan-kevitra ?
3. Inona ny fiantraikany amin'ny vehivavy ?
4. Ahoana no hahatonga izany ho fiaraha-mitantana ?
5. Ahoana no isehoan'ity toe-javatra ity amin'ny alalan'ny 3R (Ressources, Représentation, Droits) ?

## Tranga 2. Sazy tsy mitovy

**Tranga :**

Voasazy ny vehivavy rehefa maka kitay maty, nefa tsy saziana kosa ireo lehilahy manan-kery manao toy izany.

**Fanontaniana :**

1. Inona ny karazana fahefana hita ?
2. Inona ny fifandraisany amin'ny miralenta ?
3. Inona no vahaolana ara-drariny ?
4. Ahoana no isehoan'izany amin'ny 3R ?

## Tranga 3. Faritra fanjonoana feran'ny zokiolona

**Tranga :**

Ny zokiolona lehilahy ihany no mamaritra ny toerana sy fotoana fanjonoana, nefa tsy manontany ireo vehivavy mpivarotra hazandrano.

**Fanontaniana :**

1. Karazana fahefana inona no hita ?
2. Inona ny asa tsy hita maso ataon'ny vehivavy ?
3. Inona ny fomba fandraisana fanapahan-kevitra mampiaty ?
4. Ahoana no isehoan'izany amin'ny 3R ?

## Tranga 4. Komity iombonan'ny lahy sy vavy miambina faritra arovana

**Tranga :**

Miara-miantoka ny fiambenana faritra arovana ny vehivavy sy ny lehilahy.

**Fanontaniana :**

1. Karazana fahefana inona no aseho eto ?
2. Inona ny vokany amin'ny fiarovana ny tontolo iainana ?
3. Ahoana no isehoan'izany amin'ny 3R ?

## Tranga 5. Vehivavy miteny voalohany amin'ny fivoriambe

**Tranga :**

Vehivavy iray no sahy miteny voalohany nandritra ny fivoriambe tao amin'ny VOI.

**Fanontaniana :**

1. Karazana fahefana inona no hita ?
2. Nahoana izany no zava-dehibe ?
3. Ahoana no isehoan'izany amin'ny 3R ?

## Tranga 6. Vehivavy voafidy ho mpitahiry vola

**Tranga :**

Voafidy ho mpitahiry vola ny vehivavy iray ary nanatsara ny mangarahara ara-bola.

**Fanontaniana :**

1. Fahefana inona no ampiasainy ?

2. Inona ny vokany amin'ny fitantanana ?
3. Ahoana no isehoan'izany amin'ny 3R ?

## Tranga 7. Vehivavy mikirakira vokatra avy amin'ny ala

**Tranga :**

Mivondrona ny vehivavy hitantana sy hivarotra ireo vokatra azo avy amin'ny ala tsy hazo.

**Fanontaniana :**

1. Inona avy ireo fahefana mitambatra eto ?
2. Inona ny fifandraisany amin'ny faharetan'ny harena voajanahary ?
3. Ahoana no isehoan'izany amin'ny 3R ?

## Tranga 8. Fanelanelanana tsy misy herisetra

**Tranga :**

Komity iombonana no mamaha olana momba ny fidirana amin'ny harena voajanahary nefa tsy mampiasa herisetra.

**Fanontaniana :**

1. Inona ny fahefana manjaka eto ?
2. Inona ny fifandraisany amin'ny maha-lehilahy miabo ?
3. Ahoana no isehoan'izany amin'ny 3R ?

## Tranga 9. Honko natokana ho an'ny lehilahy

**Tranga :**

Ny lehilahy ihany no asaina amin'ny famerenana amin'ny laoniny ny honko ary tsy ampidirina amin'ny asa karama ny vehivavy.

**Fanontaniana :**

1. Karazana fahefana inona no hita ?
2. Inona ny vokany ara-toekarena amin'ny vehivavy ?
3. Inona no fiovana azo atao ?
4. Ahoana no isehoan'izany amin'ny 3R ?

## Tranga 10. Kaoperativa fanjonoana iombonana

**Tranga :**

Mamorona kaoperativa iarahan'ny mpanjono sy ny vehivavy mpivarotra hazandrano hitantanana ny vokatra sy ny vidiny.

**Fanontaniana :**

1. Karazana fahefana inona no hita ?
2. Inona ny tombontsoa ho an'ny vehivavy sy lehilahy ?
3. Ahoana no isehoan'izany amin'ny 3R ?

## Tranga 11. Vehivavy mpiambina eny ifotony

**Tranga :**

Vehivavy iray no raisina ho mpiambina eny amin'ny faritra arovana.

**Fanontaniana :**

1. Karazana fahefana inona no ampiasaina ?
2. Fitsaratsaram-poana inona no rava ?
3. Ahoana no isehoan'izany amin'ny 3R ?

## Tranga 12. Mpitrandraka ala tsy ara-dalàna voasazy

**Tranga :**

Nosazian'ny VOI ny mpitrandraka ala tsy ara-dalàna na dia olona manana fifandraisana sy fahefana aza izy.

**Fanontaniana :**

1. Karazana fahefana inona no hita ?
2. Nahoana izany no zava-dehibe amin'ny fitoviana ?
3. Ahoana no isehoan'izany amin'ny 3R ?

## Tranga 13. Vehivavy mampiasa rafitra fitarainana

**Tranga :**

Vehivavy iray no mampiasa rafitra fitarainana mba hitaterana fandrahonana na fampitahorana.

**Fanontaniana :**

1. Karazana fahefana inona no hita ?
2. Inona no ilaina mba hahasahy mitaraina ?
3. Ahoana no isehoan'izany amin'ny 3R ?

## Tranga 14. Lehilahy manohana ny vehivavy eny amin'ny honko

**Tranga :**

Lehilahy mpitarika iray no manohana ampahibemaso ny fandraisan'ny vehivavy anjara amin'ny famerenana amin'ny laoniny ny honko.

**Fanontaniana :**

1. Karazana fahefana inona no hita ?
2. Ohatra amin'ny maha-lehilahy miabo ve izany ?
3. Ahoana no isehoan'izany amin'ny 3R ?

## Tranga 15. Fanavaozana dina iombonana

**Tranga :**

Nohavaozina ny dina miaraka amin'ny fandraisana anjara mavitriky ny vehivavy sy ny tanora.

**Fanontaniana :**

1. Karazana fahefana inona no hita ?
2. Inona ny vokany amin'ny fahatokisana ny fitsipika ?
3. Ahoana no isehoan'izany amin'ny 3R ?

## Tranga 16. Tovovavy mpandraharaha maitso

**Tranga :**

Tovovavy iray no mamorona asa maharitra mifandray amin'ny harena voajanahary.
**Fanontaniana :**

1. Karazana fahefana inona no hita ?
2. Inona ny anjara toeran'ny hery anatiny amin'ny lalany ?
3. Ahoana no isehoan'izany amin'ny 3R ?

**HAFATRA FAMARANANA MOMBA NY FIFANDANJANA ARA-PAHEFANA**

Tsy ny fahefana no olana, fa ny fomba fampiasana azy. Ny maha-lehilahy sy maha-vehivavy miabo dia mikendry ny hanova ny fahefana manjakazaka ho fiaraha-miasa, hery anatiny ary fahefana ahafahana manao zavatra.

## Tranga 17. Fahazoan'ny vehivavy tany : tsy mpandova ary nisara-panambadiana

**Tranga :**

Vehivavy iray any ambanivohitra, nisara-panambadiana ary tsy mpandova, no tsy manana tany ka miankina amin'ny fifanarahana ataon'ny fianakaviana na ny fiarahamonina vao afaka mamboly.

**Fanontaniana :**

1. Karazana fahefana inona avy no misy fiantraikany amin'ny fahazoana tany amin'ity tranga ity ?
2. Inona avy ireo sakana mifandraika amin'ny fomba amam-panao sy ny sata maha-nisara-panambadiana ?
3. Inona avy ireo paikady afaka manamafy ny fizakan-tenan'ny vehivavy amin'ny resaka tany ?

## Tranga 18. Vehivavy mahazo fanohanana amin'ny asa fivelomana

**Tranga :**

Vehivavy iray no tohanan'ny ONG amin'ny fampivelarana asa mampidi-bola, saingy ifandirana ao an-tokantrano ny fitantanana sy ny fampiasana ny vola azo.

**Fanontaniana :**

1. Iza no manapa-kevitra momba ny fampiasana ny vola azo ?
2. Karazana fahefana inona avy no hita amin'ity toe-javatra ity ?
3. Ahoana ny fiantraikan'ny hery anatiny sy ny fahatokisan-tena amin'ny fifehezana ny loharanon-karena ?

## Tranga 19. Vehivavy mpampiasa tany

**Tranga :**

Ao amin'ny fiarahamonina ambanivohitra iray dia samy mampiasa ny tany amin'ny fomba tsy mitovy ny vehivavy sy ny lehilahy, arakaraka ny fomba amam-panao sy ny andraikitra sosialy misy.

**Fanontaniana :**

1. Inona avy ireo fahasamihafana eo amin'ny fampiasan'ny vehivavy sy ny lehilahy ny tany ?
2. Iza no manapa-kevitra momba ny fampiasana sy fanomezana tany ?
3. Karazana fahefana inona no mamaritra ireo fomba sy fanapahan-kevitra ireo ?

## Tranga 20. Vehivavy, fivezivezena ary fahazoana loharanon-karena

**Tranga :**

Vehivavy iray any ambanivohitra no tsy mbola niala ny tanànany ary voafetra ny fahafahany mampiasa fitaovam-pitaterana, ka manasarotra ny fidirany amin'ny tsena, ny tolotra ary ny fahafahana ara-toekarena.

**Fanontaniana :**

1. Inona avy ireo sakana manelingelina ny fivezivezen'ny vehivavy amin'ity toe-javatra ity ?
2. Inona ny fiantraikan'izany amin'ny fahazoana loharanon-karena sy fahafahana ?
3. Karazana fahefana inona no tokony hamafisina mba hanatsarana ny fivezivezen'ny vehivavy ?

## Tranga 21. Vondron'ny vehivavy mpanao voly legioma

**Tranga :**

Mivondrona ny vehivavy mba hamboly legioma amin'ny tany iray ary mifampiresaka amin'ny kaominina mba hiarovana ny fahazoany tany sy loharanon-karena.

**Fanontaniana :**

1. Karazana fahefana inona no ampiasain'ity vondron'ny vehivavy ity ?
2. Ahoana no anamafisan'ny fiaraha-mientana ny toeran'izy ireo eo anoloan'ny tompon'andraikitra eny ifotony ?
3. Inona avy ireo fiovana mety hitranga amin'ny lafiny fankatoavana sy fahazoana loharanon-karena ?

## Tranga 22. Lehilahy manohana ny fandraisan'ny vehivavy anjara

**Tranga :**

Lehilahy mpitarika iray ao amin'ny fiarahamonina no mandrisika ny vehivavy haneho hevitra mandritra ny fivoriana ary manohana ny fandraisan'izy ireo anjara amin'ny fanapahan-kevitra.

**Fanontaniana :**

1. Karazana fahefana inona no ampiasain'ity lehilahy ity hanohanana ny vehivavy ?
2. Ahoana no anampian'ny anjara asany amin'ny fanovana ny fomba fisainana sy ny fomba amam-panao ?
3. Inona ny vokatr'izany amin'ny fandraisan'anjaran'ny vehivavy sy ny fitarihany ?

## Tranga 23. Vehivavy mitaraina amin'ny tsy rariny

**Tranga :**

Vehivavy iray no mitaraina amin'ny sazy heveriny fa tsy ara-drariny ao anatin'ny dina, na dia eo aza ny tsindry ara-tsosialy sy ny mety ho valifaty.

**Fanontaniana :**

1. Karazana fahefana inona no ampiasain'ity vehivavy ity ?
2. Inona avy ireo loza sy sakana atrehiny amin'izany ?
3. Ahoana no ahafahan'ity fihetsika ity manampy amin'ny fanovana ny fitsipika sy ny fomba fanao eo amin'ny fiarahamonina ?

## TANTARA AN-TSEHATRA – MIRALENTA, FAHEFANA ARY FITANTANANA NY HARENA VOAJANAHARY

**Sehatra :** VOI – Faritra arovana – Jono – Ala
**Tanjona ara-pampianarana :**

- Hahatakatra ireo karazana fahefana (fahefana manjakazaka, fiaraha-miasa, hery anatiny, fahefana manao zavatra) ;
- Handinika ny fifandraisan'ny miralenta, ny fitantanana ary ny fifanolanana ;
- Hikaroka vahaolana mampiaty sy tsy mampiasa herisetra.

**Faharetany :**
30 hatramin'ny 45 minitra isaky ny tantara an-tsehatra.

### TANTARA AN-TSEHATRA 1 – Fivoriam-ben'ny VOI

**Toe-javatra :**
Misy fivoriambe hametrahana fitsipika vaovao momba ny fidirana ala.
**Mpilalao :**
Filohan'ny VOI (L), Mpitahiry vola (V), Vehivavy mpanangona vokatra avy amin'ny ala, Tovolahy, Mpiambina.
**Toromarika :**
Ataovy ny fivoriana.
**Fandinihana :**
Fantaro ireo karazana fahefana hita ary mitadiava fomba fitantanana mampiaty.

### TANTARA AN-TSEHATRA 2 – Fifanolanana eny amin'ny toerana fanjonoana

**Toe-javatra :**
Misy fifanolanana eo amin'ny mpanjono sy ny vehivavy mpivarotra hazandrano.
**Mpilalao :**
Lehiben'ny mpanjono, Vehivavy mpivarotra hazandrano, Tovolahy mpanjono, Solontenan'ny kaominina, Mpanelanelana.
**Toromarika :**
Asehoy ny fomba fampihavanana sy fanelanelanana.
**Fandinihana :**
Fahefana, miralenta ary vahaolana mampiaty.

**TANTARA AN-TSEHATRA 3 – Vehivavy mpiambina eny ifotony**

**Toe-javatra :**
Misy olona manohitra vehivavy iray lasa mpiambina eny ifotony.
**Mpilalao :**
Vehivavy mpiambina, Lehilahy mpiambina, Filohan'ny VOI, Vehivavy mpitarika, ONG.
**Toromarika :**
Ataovy ny fivoriana fanazavana.
**Fandinihana :**
Fitsaratsaram-poana sy maha-lehilahy miabo.

**TANTARA AN-TSEHATRA 4 – Fanavaozana ny dina momba ny ala**

**Toe-javatra :**
Havaozina ny dina taorian'ny fitarainana maro.
**Mpilalao :**
Zokiolona, Vehivavy voasazy, Tovolahy, Solontenan'ny vehivavy, Manampahefana.
**Toromarika :**
Asehoy ny fanavaozana ny dina.
**Fandinihana :**
Fahefana manao zavatra sy fitsipika mandinika ny miralenta.



Ity boky ity dia novokarina niaraka tamin'ny fanohanana ara-bolan'ny Minisitera Federaly misahana ny Fiaraha-miasa ara-toekarena sy ny Fampandrosoana (BMZ).

Ny votoatiny dia andraikitry ny mpanatanteraka iraka ihany ary tsy voatery haneho ny hevitra na ny fomba fijerin'ny BMZ na ny GIZ.

Notanterahina ho an'ny : Tetikasa *Women Empowerment for Resilient Rural Areas (WE4R)* sy ny tetikasa *Global Biodiversity Framework (GBF) Implementation*

Deutsche Gesellschaft für Internationale Zusammenarbeit (GIZ) GmbH
Enceinte SOANALA, Ministeran'ny Tontolo Iainana sy ny Fampandrosoana Lovainjafy (MEDD)
Ambatobe, Antananarivo 101